UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIUERE
DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE LITTERAIRE
C.E.R. LETTRES MALGACHES

Mémoire pour l'obtention du

**CERTIFICAT D'APTITUDE PEDAGOGIQUE DE L'ECOLE NORMALE (CAPEN)**

# NY FIARAHAMIASAN'NY P.S.D.R. (Projet de Soutien au Développement Rural) SY NY FIKAMBANAN'NY TANTSAHA TAO AMIN'NY KAOMININA AMBANIVOHITRA AMBOHIJANAHARY DISITIRIKA AMPARAFARAVOLA FARITRA ALAOTRA MANGORO

Présenté par **Zosambatra Tahina Andrianaivo RAHELIMANANA**

Sous la direction de **Madame Solo RAHARINJANAHARY – RAHARIMALALA**

Professeur d' Enseignement et de Recherche

***Date de soutenance : 28 Février 2007***

## TENY FISAORANA

Ny asa fikarohana toy itony dia ‘‘tao trano tsy efan’ny irery ’’ fa nisy ny herim-po, herin-tsaina maro nifandrimbona tamin’ny fanatanterahana azy. Manoloana izany finiavana nasehon’ny rehetra izany, dia tsy hainay ny hangina fotsiny amin’izao fiafaran’ny asa izao.

Koa fisaorana feno no atolotray an’Anandriamanitra Andriananahary nanome anay aina, fotoana, fahasalamana ka nananay hery nenti-nanatontosa ny asa.

Tsy hainay koa ny tsy hisaotra an-dRamatoa RANAIVO Velomihanta , nahafoy andro , nanaiky ho Filoha Mpitarika ny fanohanana ny asa fikarohana . Mankasitraka indrindra tompoko !

Ho an’Andriamatoa RAJAONARISON Jean Edouard, naneho fahafoizan-tena niantsoroka ny fitsarana ny asa vita . Mankasitraka tompoko !

Ho an-dRamatoa RAHARINJANAHARY Lala, nanaiky hitarika anay tamin’ity asa fikarohana ity. Naneho fandavan-tena lehibe, tsy nitandro hasasarana nandritra ireo dingana samihafa tamin’ny fanatontosana ny asa fikarohana. Nahafoy fotoana nanoroana hevitra anay, tsy nisorona manoloana ireo lesoka nenti-nanatsarana ny asa .Fisaorana mitafotafo no atolotra tompoko !

Tolorana fisaorana etoana ihany koa ireo mpanabe teto amin’ny sekoly tao anatin’ireo taona dimy nolalovanay. Matoa tonga amin’izao dingana izao izahay , tao ny fahalalana nampitainy sy ny famolavolana nataon’izy ireo .

Tsy hadino ireo tomponandraikitra samihafa sy ireo mpandraharaha eto amin’ny sekoly. Misaotra indrindra tompoko !

Teo ihany koa ny andiany « MATEZA », sy ny ray mpiahy azy dia Andriamatoa RANAIVOSOA Andriamiadamanana Désiré. Mamy tokoa ny fiarahantsika nandritra izay dimy taona izay , misaotra tamin’ireo endrika fanampiana nataonareo.

Isaorana etoana koa ireo tompona andraikitra rehetra teo amin’ny Foibe Nasionalin’ny PSDR, ny SAF/FJKM Amparafaravola ,ny mponina ao amin’ny Kaominina Ambohijanahary, ireo sampan-draharaha isan-tsokajiny mbamin’ireo mpandraraha ao amin’ny tranom-boky isan-tokony, ireo tompona andraikitra tao amin’ny Minisiteran’ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny jono, nanana fahavitrihana tamin’ny fiaraha-miasa taminay.

Fankasitrahana feno no atolotra ho an'ny fianakaviana manontolo.

« Sitraka enti-matory » ny soa vitanareo, « hovaliana raha mahatsiaro ».

Hoy RAHELIMANANA Andrianaivo Tahina Zosambatra

## FIZAHAN-TAKILA


FANAFOHEZAN-TENY

IREO FAFANA HITA AO AMIN'NY ASA

**TENY FAMPIDIRANA** **Pejy**

**0.1.** Ny anton'ny safidy... ..................................................... ....... ....... i

0.1.1. Antony noho ny fianarana natao................................................ i

0.1.2. Antony nifidianana ny lohahevitra ........................................... i

0.1.3. Antony nisafidianana ny toerana ................................................ i

**0.2**. Ny fanatontosana ny asa fikarohana .................................................. ii

0.2.1- Ny fanangonana akora ............................................................ iii

0.2.2- Ny fanangonana tahirin-kevitra ............................................... iv

**0.3**. Petrakolana ........................................................................... iv

**0.4.**Petrakevitra.............................................................................v

**0.5.** Ny zava-kendrena …………………….………………………….v

**0.6**. Ny fomba fijery ilafihan'ny asa fikarohana

**0.7.** Ny fiatrehana ny asa fikarohana ........................................................ vi

0.7.1- Ny olana nosetraina teo amin'ny asa fikarohana ..................... vi

0.7.2- Fivoy nanamora ny asa ......................................................... vii

**0.8.** Fetran'ny asa.......................................................................... vii

**0.9.** Dingana arahina amin'ny famelabelarana ........................................ vii

**FIZARANA VOALOHANY :**

**FAMPAHAFANTARANA NY FARITRA : NYLAFINY JEOGIRAFIKA SY NY MPONINA, NY LAFINY TOE-KARENA SY IREO TETIKASA MISY ARY NY OLANA ATREHIN'NY KAOMININA**

**I**. FANORITSORITANA SY FAMPAHAFANTARANA NY KAOMININA……………………………………………………5

**I.1.** Ny lafiny jeôgirafika.................................................................5

I.1.1- Ny toerana misy ny Kaominina ..................................................5

I.1.2- Ny veleran-tany sy ny fokontany misy ao aminy .......................6

I.1.3- Ny toe-tany sy ny toetr'andro .....................................................6

I.1.4- Ny renirano .................................................................................8

**I.2.** Fampahafantarana ny lafiny tantara ....................................................10
I.2.1- Tantaran'ny Sihanaka ................................................................10
I.2.2- Tantaran'Ambohijanahary ........................................................12
**I.3**. Fampahafantarana ny mponina .........................................................13
I.3.1- Ny isan'ny mponina.................................................................13
I.3.2- Ny fiainan'ny mponina .............................................................14
I.3.2.1- Ny lafiny fahasalamana ...................................................14
I.3.2.2-Ny lafiny fanabeazana ......................................................15
I.3.2.3- Ny finoana ary ny fomba amam-panao ............................19
**II**. NY LAFINY TOE-KARENA SY NY TETIKASA MISY AO AMIN'NY KAOMININA ....................................................................................22
**II.1.** Ny lafiny toe-karena. ..........................................................................22
II.1.1- Ny asa raikitra ......................................................................... 22
II.1.1.1- Ny fambolena .............................................................22
II.1.1.2- Ny varotra ...................................................................24
II.1.1.3- Ny asam-panjakana ary ny sampan-draharaha tsy miankina .......................................................................24
II.1.2- Ny asa an-tselika ......................................................................25
II.1.2.1- Ireo voly fanampiny ....................................................25
II.1.2.2- Ny fiompiana...............................................................25
II.1.2.3- Ny taozavatra .............................................................27
II.1.3- Ny fanaovana ny ''isan'andro''na ny ''tomboka andro' ........ '28
**II.2** Ireo tetikasa misy ao amin'ny kaominina .......................................... 29
II.2.1-Ny misahana ny lafiny sôsialy...................................................29
II.2.2- Ny misahana ny lafiny ara-toe-karena.....................................29
II.2.3- Ny mikasika ny tontolo iainana................................................30
**III**. NY OLANA ATREHIN'NY KAOMININA ....................................................32
**III.1** Olana eo amin'ny tontolo manodidina ..............................................32
III.1.1- Ny fahasimban'ny tontolo iainana ..........................................32
III.1.2- Ny fivelaran'ny Kaominina ....................................................32
**III.2** Ny olana sôsialy................................................................................... 33
III.2.1- Ny lafiny fampianarana...........................................................33

III.2.1.1- Tsy fahampian'ny mpampianatra................................33
III.2.1.2-Ny efitrano sy ny fitaovana..........................................34
III.2.2- Ny fahantrana............................................................34
III.2.3- Ny lafiny fahasalamana...................................................35
**III.3** Ny olana ara-toe-karena......................................................35
III.3.1- Eo amin'ny fambolena.....................................................35
III.3.2- Ny fiompina..............................................................36
III.3.3- Ny tsy fandriampahalemana...............................................37

**FIZARANA FAHAROA :**

**FAMPAHAFANTARANA NY TETIKASA : NY MOMBA NY PSDR, NY FIKAMBANANA NANAOVANA FANADIHADIANA ARY NY FIARAHA-MIASAN'NY PSDR SY NY FIKAMBANAN'NY TANTSAHA AO AMIN'NY KAOMININA AMBOHIJANAHARY**

**I**. FAMPAHAFANTARANA NY PSDR ..............................................................40
**I.1**- Fampahafantarana ankapobeny ........................................................40
**I.2**- Ny rafi-pitatanana eo anivon'ny PSDR..........................................41
**I.3**- Ny andraikitra sy ny tanjon'ny PSDR ............................................42
**I.4**- Ireo fepetra takina.............................................................43
I.4.1- Fepetra ho an'ny tetikasa..........................................................43
I.4.2- Ho an'ny fikambanana...............................................................43
**I.5**- Ireo tetikasa vatsin'ny PSDR vola...............................................44
**I.6**- Ny fomba fiasa...................................................................44
II. MOMBAMOMBA NY FIKAMBANANA.......................................................49
**II.1**- Ireo fikambanana nanaovana fanadihadiana .................................49
II.1.1- Ny fikambanan'ny mpamboly..................................................9
II.1.2- Ny fikambanan'ny mpanao asa tanana...................................50
II.1.3- Ireo tompona andraikitra .........................................................51
**II.2**- Ny naharesy lahatra ny tantsaha hanangana fikambanana............53
**II.3**- Ireo sokajin'olona ao anaty fikambanana .....................................54
II.3.1- Ny sokajy ara-pirazanana .........................................................54
II.3.2- Ny sokajy ara-toe-karena..........................................................55

**III.** NY FIARAHA-MIASAN'NY PSDR SY FIKAMBANAN'NY TANTSAHA AO AMIN'NY KAOMININA AMBOHIJANAHARY ...........58
**III.1**-Fampahafantarana ny tetikasa ......................................................58
III.1.1- Fijerena ifotony ny toerana .................................................58
III.1.2- Fanatonana ny mponina ......................................................59
**III.2**- Dingana arahina amin'ny fahazoana ny fanampiana ...................59
**III.3**- Fizotran'ny fanatanterahana ny tetikasa. .....................................60
III.3.1- Fanapariahana haitao ..........................................................60
III.3.2- Fanaovana tatitra.................................................................61
**III.4**- Ny fandehanan'ny famatsiana ......................................................62
III.4.1- Ny fitantanam-bola. ............................................................62
III.4.2-Fomba fameranana. ..............................................................63
III.4.3- Fampiasana ny tahiry. .........................................................64
**III.5**- Fanatanterahana ny tetikasa..........................................................64
III.5.1- Ny sehatry ny fambolena .....................................................64
III.5.1.1- Ny faritra anaovana ny tetikasa ...............................65
III.5.1.2- Fampiharana ny tekinika sy ny fampiasana fitaovana. .................................................................65
III.5.2- Ny sehatry ny asa tanana......................................................68
III.5.2.1- Ny fikambanana mila vola......................................68
III.5.2.2- Ny fikambanana Ombona Fampitaovana ny Tantsaha. ..................................................................69

**FIZARANA FAHATELO :**

**NY VOKATRY NY FIARAHA-MIASAN'NY PSDR SY NY FIKAMBANAN'NY TANTSAHA TAO AMIN'NY KAOMININA AMBOHIJANAHARY, NY OLANA TEO AMIN'NY TETIKASA ARY IREO SOSO-KEVITRA SAMIHAFA HOENTI-MANATSARA NY TETIKASA**

**I**. NY FANDROSOANA – FAMPANDROSOANA............................................73

**I.1**- Famaritana ......................................................................................73

I.1.1- Ara-bakiteny......................................................................................73

I.1.2- Ara-kevitra .......................................................................................73

**I.2**- Fiovana teo amin'ny lafim-piainan'ny tantsaha ................................75

I.2.1- Vokatra mivaingana sy mivantana. ..............................................75

I.2.1.2- Teo amin'ny isam-pianakaviana. ........................................77

I.2.1.1- Teo amin'ny vokatra azo .....................................................76

I.2.2.- Vokatra lalim-paka. .......................................................................78

I.2.2.1- Nampitombo ny fahalalana sy nanova ny fiheveran'ny tantsaha. ...................................................................................78

I.2.2.2- Nanova ny toe-tsain'ny tantsaha..........................................79

I.2.2.3- Teo anivon'ny kaominina. .........................................................79

**II**. NY OLANA TAMIN'NY FANATANTERAHANA. ......................................81

**II.1**- Teo amin'ny mpitao raharaha. ..........................................................81

**II.2**- Teo amin'ny fotoam-piofanana ........................................................81

**II.3**- Ny olana avy tamin'ny tantsaha....................................................... 82

II.3.1- Teo amin'ny lafiny fiarahamonina. ............................................82

II.3.2- Teo amin'ny fanarahana ny fiofana ............................................83

**II.4**- Ny fihetsiky ny tantsaha manoloana ny tetikasa...............................83

II.4.1- Ny finivanana ...................................................................................83

II.4.2- Ny fanodinkodinana ........................................................................84

II.4.3- Ny tsy fahatokiana............................................................................85

II.4.4- Ireo antony nahatonga ny olana.....................................................86

II.4.4.1- Ny fahantrana ................................................................ 86

II.4.4.2- Ny tsy fahampian'ny fari-pahaizana ..............................86

II.4.4.3- Ny fahazaran'ny tantsaha ................................................87
II.4.4.4- Ny fahamaroan'ny asa aman-draharaha eo amin'ny vehivavy. .........................................................................88
**III**. TOMBANA SY SOSO-KEVITRA ...............................................................91
**III.1**- Ho an'ny tantsaha ....................................................................................91
**III.2**- Ho an'ny mpitondra tetikasa. .................................................................92
III.2.1- Ny fomba fifandraisana. ................................................................92
III.2.2- Fampianarana sy fanabeazana ny mponina .................................. 93
**III.3**- Ho an'ny Fanjakana. ................................................................................94
III.3.1- Ny fiaraha-miasan'ny tetikasa sy ny Fanjakana............................94
III.3.2- Ny fiaraha-miasan'ny PSDR amin'ny tetikasa hafa .....................95
TENY FAMARANANA ..........................................................................................98
TAHIRIN-KEVITRA .............................................................................................103
TOVANA

## IREO FAFANA HITA AO AMIN'NY ASA


| | LAHARANA | LOHATENY | TAKILA |
|---|---|---|---|
| **F** | 01 | Fizaran-taona araka ny toetr'andro | 7 |
| | 02 | Anarana iantsoana ny Sihanaka araka ny sokajiny avy | 11 |
| **A** | 03 | Isan'ny mponina | 14 |
| | 04 | Ireo E F sy ny Mpampianatra | 16 |
| **F** | 05 | Ny isan'ny Mpampianatra amin'ny sekolim-pokonolona | 17 |
| | 06 | Ny isan'ny mpianatra taona 2005-2006 | 18 |
| **A** | 07 | Voka-panadinana teo anelanelan'ny taona 2000-2005 | 19 |
| | 08 | Veleran-tany sy karazam-bokatra azo | 25 |
| **N** | 09 | Ny isan'ny biby fiompy ao amin'ny kaominina amin'ny ankapobeny. | 27 |
| **A** | 10 | Ny andraikitr'ireo filohan'ny fikambanana eo amin'ny fiarahamonina | 52 |
| | 11 | Ireo karazana fitaovana azon'ireo mpikambana | 63 |
| | 12 | Fampitahana ireo fitaovam-pamokarana | 75 |
| | 13 | Tsanganan-tsary araka ny fijerin'ny andaniny sy ny ankilany | 93 |


## KISARY HITA AO AMIN'NY ASA


| | LAHARANA | LOHATENY | TAKILA |
|---|---|---|---|
| **SARI-TANY** | 01 | Ny Disitirikan'Amparafaravola eo anivon'ny faritanin'i Toamasina | 1 |
| | 02 | Ny faritra Alaotra-Mangoro | 2 |
| | 03 | Ny Disitirikan'Amparafaravola | 3 |
| | 04 | Ny Kaominina Ambohijanahary | 4 |
| **SARY** | 01 | Fambolem-bary nataon'ny mpikambana iray | 47 |
| | 02 | Toeram-piasan'ny mpanefy | 48 |

# TENY FAMPIDIRANA

## TENY FAMPIDIRANA

Amin'ny famaranana ny fianarana eto amin'ny E.N.S (Ecole Normale Supérieure) mifidy lohahevitra iray hanaovana fikarohana ny mpiofana. Sehatra maro no azo irotsahana amin'izany eto amin'ny sampana teny Malagasy:

- ny literatiora ;
- ny haiteny ;
- ny antrôpôlôjia ;
- ny riba.

Ny Atrôpôlôjia no niantefan'ny safidinay. Hovahavahana amin'izao savaranonando izao àry ny anton'ny safidy, ny lohahevitra hohadihadiana, ny zava-kendrena amin'izany ary ny fomba nanantaterahana azy.

### 0.1- Ny anton'ny safidy

#### 0.1.1- Antony noho ny fianarana

Ny antrôpôlojia dia sampam-pahalalana andinihana fiarahamonina. *"Ny antrôpôlôgy dia mianatra ny fomba amam-panao, ny rafitra ara-piarahamonina, ny soatoavin'ny ponina ary ny fomba ifandrohizan'ireo".*[1]*,*hoy I J BEATTIE

Mizara sampana dimy ny antrôpôlôjia, anisan'izany ny antrôpôlôjia sôsialy ampiharina amin' ny asa fampandrosoana, izay niantefan'ny safidy.

.

#### 0.1.2- Ny antony nifidianana ny lohahevitra

Ny ampahany betsaka indrindra amin'ny mponina eto Madagasikara dia mivelona amin'ny sehatra asa voalohany ''secteur primaire'' ahitana ny fambolena, ny fiompiana, ny asa tanana. Tsapa anefa fa miaina anaty fahasahiranana ireo mponina noho ny tsy fahalavorarian'ny asa fivelomana, mahakely ny vola miditra izay tsy

---

[1] BEATTIE J, 1972 , *Introduction à l'anthropologie sociale*, tak27 : « *Les anthropologues étudient les coutumes, les institutions sociales et les valeurs d'un peuple et la façon dont elles sont étroitement reliées entre elles* ».

mahasahana ny filana eo amin'ny fiainana an-davanandro. Tsy afaka maneho araka ny tokony ho izy, ny zo ananany : mitsabo tena raha marary, misakafo ampy sy ara-dalàna, mandranto fahalalana. Zava-dehibe araka izany, ny fisian'ny tetikasa miatrika ny fampandrosoana io sehatra asa voalohany io ; mikendry hanala olona anaty fahantrana , anisan'ireny ny tetikasa PSDR(Projet de Soutien au Développement Rural). Ny fahatsapana izany no mampirona anay handinika ny fiaraha-miasan'ny PSDR sy ireo fikambanan'ny tantsaha tao amin'ny Kaominina ambanivohitra Ambohijanahary teo amin'ny sehatry ny fambolena sy fanaovana taozavatra(zaitra sy tefy), ahatarafana ny fampandrosoana niseho eo amin'ny tontolo ambanivohitra. .

### 0.1.3- <u>Antony nisafidianana ny toerana</u>

Ny kaominina Ambohijanahary no nanatanterahana ny asa fikarohana. Sehatra goavana raha toa ka ny faritra ambanivohitra manerana ny Nosy, tsy ho tratra tao anatin ' ny fe-potoam-pikarohana. Toerana niainana nandritra ny taona maro, noho ny asan'ireo ray aman-dreny. Nandaniana ny androm-pahazazana, nanovozam-pahalalana nanomboka teo amin'ny fanabeazana fototra ka hatramin'ny ambaratonga faharoa fototra iny faritra iny. Na dia teo aza ny fanohizana ny fianarana tamin'ny Lycée teto Antananarivo sy ny anjery manontolo dia tsy nitsahatra nankany an-toerana isaky ny fotoam-pialan-tsasatra izahay. Na dia mpiavy aza ny tena, ny fotoana naharitra nonenana tao an-toerana dia nahafahana nandinika ny zava-nisy ao an-toerana, ny fomba amam-panaon'ny mponina, ny toetra amam-pihetsiny ary ny fiatrehany ny asa fampandrosoana .

## 0.2. <u>Ny fanatontosana ny asa fikarohana</u>

Mialoha ny fandraketana an-tsoratra, dingana roa no nolalovana.

### 0.2.1 - <u>Ny fanangonana akora</u>

Tao anatin'ny telo volana no nanangonana ny akora. Nanomboka ny volana desambira 2005 izany ka hatramin'ny faran'ny volana maritsa 2006. Nitaky firotsahana

an-tsehatra izany. Ny fitateran'i Claude Rivière ny fiheveran'i J. Copans dia nampiseho ny anjara toeran'ny firotsahana an-tsehatra amin'ny fikarohana antrộpôlôjia :

- ''*fitambaran'ny hevitra teôrika milaza ny amin'ny olona sy asa, ny mpitari-dalana, ny mpanohitra, ny mpitarika ady hevitra momba ny sokajin'olona sy ny kolon-tsaina.*

- *fomba sy fanaovana firotsahana an-tsehatra".*[2]

Nandritra io fe-potoana io, nampiharina ny fifampiresahana tamin'ireo sokajin'olona samihafa na an-tokantrano, na an-tsena, na an-dalam-be, na tany anaty toeram-piasana. Nampifandrindrana tamin 'izany ny « fandalinana sy fiaraha-misalahy tamin'ny mponina" (observtion participante). Izany no nahafaha-nanakatra ny hevitra fonosin'ny hetsika enti- manatanteraka ny asa fanao.

Izany fomba fiasa izany no antsoin'i Claude Rivière ihany hoe : ''(…) *sady mijery no mandalina ary miezaka mba hisian'ny fifanahafana, izany hoe, manao ny fanaon'ny hafa mba hanadinoana amin'ny fomba rehetra ny elanelana misy"*[3].

Raha izany fe-potoana telo volana nirotsahana an-tsehatra izany dia tsy ampy araka ny fiheveran'i Evans Pritchard :

" *Ny Antrôpôlôgy, hoy izy dia tsy maintsy mivonona handany fotoana betsaka amin'ny fanadihadiana ataony, tsy maintsy mifandray akaiky amin'ny mponina iasany izy"*[4].

Heverina anefa fa ny fahalalana ny faritra sy ny maha Malagasy ny tena no mameno azy.

Fokontany folo no eritreretina hotratrarina tamin'ny fanadihadiana natao, rehefa niroso anefa ireo fitetezana ny fokontany izay hita fa mifanalavitra ihany dia tapaka ny hevitra fa tanàna enina misy ny fikambanan'ny tantsaha miara-miasa amin'ny PSDR no notsidihana, ny iray amin'ireo tanàna ireo ihany no tsy fokontany, dia tanànan'Andandihazo izay misy ny mpanefy.

---

[2] Claude Rivière, 1995, *Introduction à l'anthropologie,* « *Ensembles d'idées théoriques réfèrent aux hommes et aux œuvres avec précurseurs, contradicteurs et successeur menant des débats d'idées sur les groupes humains et leurs cultures (…) méthode et pratique de terrain ».*

[3] « *Les propre de l'observation participante est le mimétisme : faire oublier la plus possible différence (…) Partager la vie de l'observée ses travaux, ses bavardages, ses fêtes ».*

[4] Evans Prichard 1969, *Anthropologie sociale,* Payot Paris, tak 79 : ''*L'Anthropologue doit être prêt à passer beaucoup de temps sur son enquête, il doit rester en contact étroit et permanent avec les populations sur lesquelles il travaille* »

### 0.2.2- Ny fanangonana ny tahirin-kevitra

Sampan-draharaha samihafa, izay mpitao raharahan'ny PSDR, ny PSDR foibe : UNEP (Unité Nationale d'Execution de Projet), ny Minisiteran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono miampy ireo trano famakiam-boky isan-karazany no notetezina tamin'ny fanangonana ireo tahirin-kevitra mifandray amin'ny asa fikarohana.

### 0.3. Petrakolana

Ny tanjona malaza amin'izao fotoana izao dia ny fampandrosoana haingana sy maharitra. Maro ireo hevitra karohina mba hahatomombana izany : amin'ny alalan'ny fahatsapana fa ny fampandrosoana dia tsy maintsy miainga amin'ny zava-misy, izay no trandrahina hahitana fahombiazana. Ao kosa ny mikaroka izay hahatanteraka izany miainga amin'ny alalan'ny hevitra tekinika izay mety ho hevitra hita na nalaina avy any ivelany. Anisan'ireny ny fampidirana haitao vaovao ho fanatsarana ny fomba famokarana. Manana anjara toerana goavana eo anivon'ny fiarahamonina amin'ny maha loharanom-pihariana azy, ny foto-pivelomana, ny loharanom-bola izay mamaritra ny toe-karen'ny tsirairay ary ny firenena. Noho izany, raha tiana ho tontosa haingana ny fampandrosoana dia ilaina ny fanatsarana ny tekinikam-pamokarana mba hifanaraka amin'ny zava-misy amin'izao fotoana izao : fiovaovan'ny toetr'andro, fidangan'ny vidim-piainana,…ireo no iainan'ny olona an-davanandro eo anivon'ny fiarahamonina.

Maro tokoa ny hetsika isan-karazany entin'ny Fanjakana amin'ny fanatsarana ny famokarana, anisan'izany ireo tetikasa natao hampandrosoana ny eny ambanivohitra. Misy anefa ny tsy fahombiazana amin'ireny tetikasa ireny.

Ho an'ny PSDR manokana dia misy hatrany ny fanavaozana sy ny fanatsarana ny fomba fiasa mandritra ny fanatanterahana ny tetikasa. Eo indrindra no nahatonga anay hanontany hoe : ''tena mitondra fampandrosoana amin'ireo toerana iarahany miasa tokoa ve ny PSDR ?''.

Ny ezahina mandritra ny asa fikarohana, araka izany, dia ny hamaly ny fanontaniana hoe :

- Hatraiza no andraisan'ny mponina ny atao hoe fampandrosoana ?

- Nanao ahoana ny fomba nanatanterahana ny asa fampandrosoana ?
- Nisy ve ny olana tamin'ny fanatanterahana ny tetikasa ?
- Manahoana ny fihetsiky ny mponina manoloana ny asa fampandrosoana ?

**0.4. Petrakevitra**

Ny fampiasana ny vola be sy ny haitao avo lenta no heverina fa antoky ny fahombiazan'ny tetikasa. Tsy lavina izany, saingy, tsy ny fahamatorana tekinika sy ny fitaovana tsy toko tsy forohana fotsiny no mahalavorary ny asa fampandrosoana, mifototra amin'ny firindran'ny tetikasa amin'ny sanda manan-kery, ny rafi-piarahamonina amam-pisainan'ny mponina eo amin'ilay faritra hampandrosoana, satria ho an'ny olona ny fampandrosoana.

Heverina àry fa ahatarafana izany ny fiaraha-miasan'ny PSDR sy ny fikambanan'ny tantsaha tao amin'ny Kaominina ambanivohitra Ambohijanahary ka hohalalinina ato amin'ny asa fikarohana.

**0.5. Ny zava-kendrena**

Ny ho mpanabe no asa nosafidiana. Manana adidy amin'ny fampandrosoana amin'ny lafiny maro samihafa izany mpanabe izany ; fampandrosoana tsy natao ho an'ny mpianatra ihany, fa ho an'ny fiarahamonina sy ny olon-drehetra mihitsy. Tiana haseho koa fa efa misandrahaka amin'ny sehatra maro toy itony ny mpampianatra ny taranja malagasy. Ny ''fampandrosoana'' rahateo koa dia lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pianaran'ny kilasy faharoa.

**0.6. Ny fomba fijery ilafihan'ny asa fikarohana**

Ny haitsikera « approche des multi rationalités » (l'Approche différenciée) araka ny fiasan'i Olivier de Sardan no nitondrana ny asa. Haitsikera miompana amin'ny

fandalinana ny zava-misy ao an-toerana anaovana fikarohana, ka mifototra amin'ireo mpandray anjara amin'ny asa fampandrosoana, indrindra fa ny mponina iantefany. Trandrahina amin'izany ny fandraisan'ny mponina anjara amin'ny asa fampandrosoana sy ny fanatanterahana azy, andaniny, ary ny fihetsika asetriny ny faneriteren'ny toe-javatra samihafa sy ny fomba fiasan'ny mpitondra izany asa fampandrosoana izany, ankilany. Toy izao ny fomba filazan'ny Olivier de Sardan :

*« Manome lanja ny zava-misy any an-toerana (…). Mifantoka amin'ny antokon'olona na fikambanana , ny tetikadiny, ny fiasany* [5].

### 0.7. Ny fiatrehana ny asa fikarohana

Misy ny olana nosetraina, teo ihany koa anefa fivoy nanamora ny asa.

#### 0.7.1- Ny olana nosetraina teo amin'ny asa fikarohana

Anisan'ny olana nitranga tamin'ny fanatontosana ny asa fikarohana ny elanelana nisy teo amin'ireo tanàna nanompanana ny fanadihadiana.15 km no fokontany lavitra indrindra amin'izany dia ny fokontany Bedamena. Bisikileta no andehanana mankany, ireo toerana sisa kosa dia andaniana eo amin'ny antsasaka ora eo ho eo isaky ny mandeha.

Mba tsy handaniana fotoana amin'ny fivezivezena dia mbola nozaraina roa indray ny fotoana nanaovana fanadihadiana ka novitaina mihitsy aloha ny fokontany iray vao natao ny hafa.

Ankoatra izany, dia tao anatin'ny fotoanan'ny asa tanteraka ireo mponina ka nanano sarotra ny ahazoana fotoana ifampiresahana aminy. Nisy akony teo amin'ny fanangonana akora izany, satria efa inefatra na indimy niverenana ny fikambanana sasany nefa voatery najanona, satria tsy nisy mihitsy ny fotoana nifampiresahana tamin'ireo mpikambana.

[5] J. P. Olivier de Sardan, 1995, *Anthropologie et développement, essai en socio anthropologie du changement social*, APAD KARTHALA, Marseille Paris, tak 38-39, « *La démarche est devenue plus centrée sur le micro, voir la rigueur le méso (…) l'accent sur les acteurs sociaux ou les groupes d'acteurs sociaux (individuel ou collectifs) leurs stratégies, leurs enjeux.* »

Na izany aza anefa, azo ihany amin'ny ankapobeny ireo akora nokarohina rehefa nampiasaina ny fahaizana mifanerasera tamin'olona, ny fitadiavana vaha olana hahamora ny asa.

### 0.7.2- Ny fivoy nanamora ny asa

Na dia teo aza ny olana nateraky ny maha olon'ny fiarahamonina ny tena, ny fifankazahoana sy ny fahalalana ny toetra amam-pihetsiky ny mponina dia nanampy be dia be tamin'ny fanatontosana ny firotsahana an-tsehatra, tamin'ny fijery sy ny fomba fiasa nitaky fihemorana anaty fahalalana mandinika ilay fiarahamonina.

## 0.8. Fetran'ny asa

Voafetra ihany ny lohahevitra azo nohadihadiana noho ny fahateren'ny fotoana anaovana ny fikarohana. Ny tetikasa rahateo mbola ao anatin'ny fotoana fanatanterahana. Noho izany, dia nahatsapa izahay fa tsy ho feno ny fandalinana natao, toy ny hoe : hatraiza ny tanjona tratra tamin'ny tanjona napetraka, indrindra fa ny tohin'ny asan'ny fikambanana aorian'ny taona 2007, fotoana voalaza fa hahataperan'ny tetikasa.

## 0.9. Dingana arahina amin'ny famelabelarana

Ahitana fizarana telo lehibe ny asa.

Ny fizarana voalohany no hampahafantarana ny faritra: ny lafiny jeôgirafika sy ny mponina, ny lafiny toe-karena sy ireo tetikasa misy ary ny olana atrehin'ny Kaominina.

Ao amin'ny fizarana faharoa no hilazalazana mikasika ny tetikasa: ny mombamomba ny PSDR, ny fikambanana nanaovana fanadihadiana tao amin'ny kaominina ambanivohitra Ambohijanahary ary ny fiaraha-miasan'ny PSDR sy ireo fikambanan'ny tantsaha.


Ny fizarana fahatelo no hahitana ny vokatry ny fiaraha-miasan'ny PSDR sy ny fikambanan'ny tantsaha tao amin'ny kaominina Ambohijanahary, ny olana teo amin'ny tetikasa ary ireo soso-kevitra samihafa azo aroso hoenti-manatsara ny tetikasa.

# FIZARANA VOALOHANY : FAMPAHAFANTARANA NY FARITRA : NY LAFINY JEOGRAFIKA SY NY MPONINA, NY LAFINY TOE-KARENA SY IREO TETIKASA MISY ARY NY OLANA ATREHI-N'NY KAOMININA

**<u>Sarin-tany 1</u> : NY DISITRIKAN'AMPARAFARAVOLA EO ANIVON'NY FARITANIN'NY TOAMASINA**




**<u>Sari-tany 2</u> : Ny farita Alaotra Mangoro.**





**Loharanon-kevitra : Ny mpikaroka**

**<u>Sarin-tany 3</u> : Ny Disitirikan'Amparafaravola**



**<u>Sari-tany 4</u> : Ny kaominina Ambohijanahary**



# I- **FANORITSORITANA SY FAMPAHAFANTARANA NY KAOMININA**

Ato amin'ity fizarana ity no hampahafantarana antsika ny kaominina ambanivohitra Ambohijanahary, izay toerana nanompanana ny asa fikarohana. Ezahina asongadina amin'izany ny toerana misy ny kaomininina, ny tontolo manodidina ary ireo zava-misy ao. Tsy afa-manadihady faritra iray, ny fomba amam-panao sy ny dikan'izy ireny mantsy raha tsy fantatra izany.

## I.1- **Ny lafiny jeôgirafika**

### I.1.1- **Ny toerana misy ny kaominina**

Zava-dehibe ny fahalalana ny toerana misy ny kaominina, satria anisan'ny fepetra voalohany takina amin'ny tsirairay, indrindra ny mpikaroka izany raha hanatontosa asa fikarohana amin'ny toerana iray. Manana ny mampiavaka azy amin'ny lafiny samihafa ny kaominina, fa alohan'ny hijerena izany dia hosoritsoritana ny toerana misy azy : eo amin'ny 73km* avy eo Vohidiala mianavaratra ; 30km no elanelany amin'Amparafaravola renivohitry ny Disitirika , no misy an'Ambohijanahary (izany rehetra izany dia manaraka ny lalam-pirenena miatsinana avaratra , lalana vita amin'ny tara (RN3A)). **

Ireto no mamaritra an'Ambohijanahary:

- Avaratra, ny kaominina ambanivohitra Beanana;
- Avaratra atsinanana, ny kaominina ambanivohitra Tanambe;
- Atsimo, ny kaominina ambanivohitra Ambohitrarivo;
- Atsinanana, ny farihin'Alaotra, lemaka midadasika no manelanelana azy amin'izany tanimbary sy baibò[6];
- Andrefana ny kaominina ambanivohitra Sakoamadinika

*km : kilômetatra.
**RN : Route nationale
[6]Régis RAJEMISA RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, *« Baibo : tanimbary voasafotry ny rano amin'ny fahavaratra »*.

Disitirikan'i Tsaratanana, faritra Betsiboka.

### I.1.2- Ny veleran-tany sy ny fokontany ao aminy

Iray amin'ireo kaominina ambanivohitra sivy ambin'ny folo misy ao amin'ny Disitirikan'Amparafaravola ny tanàn'Ambohijanahary. Manana velaran-tany 230km² izy ary ahitana fokontany 22.

Ahitana lalana mirefy 392km ny kaominina ka 9km amin'izany dia vita tara.

Ireto avy ireo fokontany misy:

| | |
|---|---|
| Ambalavia | Antseranana |
| Ambatoharanana | Bedamena |
| Ampaibary | Manakana |
| Ampananganana | Miarinarivo |
| Ambohijanahary 1, 2 | Morarano |
| Ambolomborona | Sahanavily |
| Andranobe | Tanambaolaina |
| Ankaiafo | Vohitsivalana |

### I.1.3- Ny toe-tany sy ny toetr'andro

#### Ny toe-tany

Raha atao indray mijery, ny kaominina Ambohijanahary dia ahitana toe-tany roa miavaka:

- ny tapany atsinanana izay ahitana lemaka midadasika misy ireo tanimbarin'ny mponina;
- ny tapany andrefana kosa no ahitana vohon-tany mikitoantoana ifandimbiasan'ny tanety, ny lohasaha ary ny lemaka

#### Ny toetr'andro

Saro-panavahana ny toetr'andro amin'ny faritra Alaotra, noho izy sady mahazo ampovoan-tany no sokajiana ho morontsiraka ihany koa: *"Alaotra (…) sady ampovoan-*

*tany no morontsiraka atsinanana".*[7]

Na izany aza anefa dia ahitana fizaran-tany be orana sy fizaran-taona maina izy.

**Fafana 1** : fizaran-taona araka ny toetr'andro

| Volana | Toetr'andro |
|---|---|
| Desambira, janoary, febiroary, maritsa | Mafana, be orana |
| Avirily, mey, jona | Mangatsiaka, orana madinika |
| Jolay, aogositra, sepitambira, okitôbira, nôvambira | Mafana, maina, be rivotra |

Loharano : Plan Communal de Développement, kaominina Ambohijanahary 2002.

Manomboka ny volana desambira ka hatramin'ny volana maritsa ny fahavaratra, betsaka ny rotsaka orana, mafana ny andro, ary misy rivo-doza indraindray izay miteraka tondra-drano.

Manana tombony ny kaominina ambanivohitra Ambohijanahary amin'ny fahavaratra raha ny tondra-drano no resahina, satria avarina any Madina* ny ranon'Anony rehefa be ny rotsaka orana ka hatahorana hihoatra ny rano eny amin'ny lakan-drano.

Atsoina koa hoe : vanim-potoanan'ny maitso ahitra ny fahavaratra. Voalaza fa : *« Ny vanim-potoanan'ny maitso ahitra dia ireo volana iainan'ny tokan-trano tambanivohitra ao anatin'ny tsy fahampian'ny sakafo fototra avy amin'ireo vokatra novokariny»*[8].

Ny tapaky ny volana maritsa ka hatramin'ny volana jona ny fararano. Hita fa efa mihena ny rotsaka orana, erika madinika no misy ; miharitra ny rano eny an-tanimbary (tsabo) ; mangatsiaka ihany koa ny andro.

Fotoana fiakaran'ny vokatra manomboka volana mey. Fararano no iantsoan'ny

---

[7] PNUD, *Région et développement, Toamasina, 1999, p170, « Alaotra (…) à la fois « hautes terres » et « côte Est »* .

*Madina : lakan-drano : déversoir de trop plein.

[8] *Les cahiers ROR Madagascar* n°02, Jolay 2001, « *Les ménages ruraux durant les campagnes 2000 », « La période de soudure est le nombre de mois durant lesquels les ménages ruraux ne parviennent pas à couvrir le besoin en aliments de base par leurs productions* », tak30.

mponina izany.

Manomboka misy vola enti-mihetsika ny mponina ka manararaotra amin'ny fividianana izay tsy ampy ao an-tokantrano.

Azo zaraina roa ny vanim-potoana eo anelanelan'ny volana jolay ka hatramin'ny volana novambira:

-eo anelanalan'ny volana jolay sy sepitambira dia mangatsiaka ny andro; ny vanim potoanan'ny ririnina moa dia tafiditra ao amin'ny vanim-potoanan'ny main-tany.

Amin'io no fanatanterahana ireo lanonana ara-pomban-drazana toy ny: famorana, fanambadiana, tsaboraha isan-karazany :( joro, ala vava na ala voady).

-Okitôbira-nôvambira: manomboka mafana ny andro. Tsy misy intsony ny rotsaka orana, mafana ny andro ary somary be rivotra izay. Io fotoana io indray no fanaovana ny famadihana sy izay rehetra mikasika ny fasana.

### I.1.4- Ny renirano

Renirano roa no manondraka ny lemak'Ambohijanahary:

- Anony
- Sahamaloto.

*Anony 1650 km²*[9], ny ranon'Anony dia manondraka ireo tanim-bary ao amin'ny faritra avaratra sy ny tapany atsimo ary ny ilany atsinanana amin'ny kaominina.

Ao Ankazotôgnôlina* no misy ny toho-drano ivoahan'ny ranon'Anony.

Io rano io koa no rano fisotron'ny mponina, satria mbola tsy tonga any an-toerana ny rano fisotro madio.

Ny andro Alakamisy sy Alahady no andro fady amin'ireo tany tondrahan'ny ranon'Anony.

Sahamaloto 550km²[10], ao amin'ny tanànan'ny Sahamaloto no misy ny tohodrano.

Ny tapany andrefana sy ny ilany atsimon'ny kaominina manaraka ny

---


[9] REMUZAT, 1997, *La racine de l'Antsihanaka du Bakozetra aux Tetivohitra*, 1er volume tak 39, « *Anony : 1630 km²* ».

*Ankazontôgnôlona : sady toho-drano no toerana masina fanatanterahana joro orana isaky ny volana novambira.

[10] Mitovy amin'ny naoty (9).

fadin’Añororo.[11]

Toy izao ny fizotran’ny andro fady:




Tsara (1)-2 andro misesy — Ratsy(4)-1 andro

Ratsy(2)-1 andro — Tsara(5)-5 andro antsoina hoe lohana Andro dimy

Tsara(3)-2 andro — Ratsy(6)-1 andro

Marihina fa ny antsoina hoe ‘‘andro tsara’’ eto dia ny andro azo iasana, ary ny ‘‘andro ratsy’’ dia ny andro tsy azo iasana na koa hoe ‘‘andro fady’’.

Amin’ny andro fady dia tsy mampiasa ‘‘vy’’ ireo mponina, izany hoe: tsy

[11] Anororo : toerana fanaovana joro orana isaky ny roa taona antsoin’ny mponina hoe : « fera aomby » ka ny Alarobia faharoa amin’ny volana novambira no fanaovana azy . Any amin’ny loharanon’i Sahamaloto no akana ny « rombaza « : zava-maitso hamefena ny doany isaky ny andron’ny fera aomby, koa ny zazalahy tsara anarana (velon-dray aman-dreny) no maka azy.

mihady tany amin'ny vy fa amin'ny hazo raha sendra ka misy manao izany, tsy asa be anefa no atao amin'izany fa asa madinidinika toy ny fihadiana kankana.

Ny lohana andro dimy faharoa amin'ny volana novambira no manomboka ny taom-pamokarana vaovao, io andro io no antsoin'ny mpamboly hoe: ''Alarobia tsy miverina''[12], efa miditra koa ny rano eny an-tsaha amin'izany.
Marihina moa fa samy mivarina any amin'ny farihin'Alaotra avokoa ireo rano roa ireo.

Manana riana tokony hahavatsy herin'aratra ny tanàna sy ny kaominina manodidina azy Ambohijanahary, antsoina hoe ''Rianambo''; lafo anefa ny fikarakarana ka dia jerena fotsiny izany.[13]

## I.2. <u>Fampahafantarana ny lafiny tantara</u>

Anisan'ny zava-dehibe eo amin'ny asa fikarohana ny fahafantarana ny lafiny tantara, manampy amin'ny fahafantarana ilay toerana sy amin'ny fizotran'ny fanadihadiana izany, araka ny hoe ''(…) *ny fanoratana ny zava-misy ara-tantara (…) mametra ny fampifanarahana ny asa fikarohana sy ny fanadihadiana atao''.*[14]

### I.2.1- <u>Tantaran'ny Sihanaka</u>

Raha ny Sihanaka no resahina dia saiky ny ilany avaratra manontolon'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Tafiditra ao anatin'izany ny tanànan'Ambohijanahary.

Raha vao mahare ny hoe *"farihin'alaotra"* dia ny manodidina azy no atao hoe ''Antsihanaka'' ary ny olona monina ao no atao hoe Sihanaka.

Maro ireo mpandinika no nikaroka ny amin'ny fihavian'ny Sihanaka. Araka izany, dia samy manana ny famaritana izy ireo.

Anisan'ireny, ohatra, ry Dokotera Laffay sy i Alfred izay nilaza fa: *"avy amin'ny razana vazimba ny niavian'ny Sihanaka, toy ny hita taty Imerina".*[15]

---

[12] Resaka nifanaovana tamin 'Andriamatoa RANARIVONY Marcel, Lefitry ny Ben'ny tanàna ao an-toerana.
[13] Resaka nifanaovana tamin'Atoa RAKOTONIAINA Jeannot; lefitry ny Ben'ny tanàna ao Ambohijanahary.
[14] Chandon Moet B, *Vohimasina, Village malgache,* Nouvelle Edition latine,. « *(…) Décrire une situation historique (…) détermine pour l'orientation de la recherche et le déroulement de l'enquête* ».
[15] Grandidier, 1908, *Ethnographie de Madagascar*, Tome I , Paris,(Laffay sy Alfred) ; *« Le Sihanaka appartient à la même race que le Vazimba de l' Imerina ».*

I J.T RANJIVASON dia, nitsinjara ny Sihanaka ho efetra araka ny toerana misy azy:

-"Sihanaka Bakozetra: mipetraka ao afovoany

- Sihanaka tamoron-drano: mipetraka amin'ny faritra avaratra andrefana

- Sihanaka tetivohitra: mipetraka ao atsimo sy atsimo atsinanana''.[16]

Tsapa, araka izany, nosokajian'ny mpanoratra arakaraka ny toerana ipetrahany ny Sihanaka eto.

I Merleau Ponty koa dia nanana ny heviny araka ny itateran-dRAFIDIMANANA Amady[17] azy ao amin'ny bokiny izay nosokajiany ho fito.

**Fafana 2** : Anarana iantsoana ny Sihanaka araka ny sokajiny avy

| ANARANA | TOERANA |
|---|---|
| Tena Sihanaka. | Añororo, Mahakary, Vohitraivo, Ambamato, Ampilahoana. |
| Sihanaka Betsimisaraka na Zafimpanontany. | Atsinanan'Ambatondrazaka sy Amoron'Ala. |
| Sihanaka Sakalava na Tanosimboahangy | Miarinarivo, Anosimboahangy. |
| Ny Mpanazary izay tsy hita itsony Ankehitriny. | Andrefan'ny Marosalazana. |
| Marofotsy. | Andrefan'ny farihin'Alaotra, Morarano Avaratra Morafeno, Marotampona. |
| Ny mpiandry omby. | Mangatany. |
| Sihanaka Hova. | Imerimandroso, Ambatondrazaka, Ambohija-nahary, Ambohitromby. |

Araka izany, anarana mitambatra iantsoana ireo mponina any Alaotra ny "Sihanaka''. Misy ireo mitonona ho tena Sihanaka: izay miorim-ponenana manamorona ny farihin'Alaotra na voahodidin'ny rano toa an'Añororo, Mahakary, Vohitraivo, Ambamato, Ampilahoana.

Izay no tantaran'ny Sihanaka amin'ny ankapobeny, fa ahoana indray àry ny

[16] RANJIVASON, 1994, *Morpho-Syntaxe du Malgache étude des formes prédicatives verbales Sihanaka*, Thèse pour le Doctorat du troisième cycle de linguistique, Antananarivo, tak 09.

[17] RAFIDIMANANA Amady, 1993, *Le mpanazary de l'Antsihanaka du XXVIIIème siècle jusqu'à nos jours*, maîtrise d'Histoire, tak 23-24.

an'ny tanànan'Ambohijanahary?

### I.2.2- <u>Tantaran'Ambohijanahary</u>

Toy izao ny tantaran'ny Tanàna rehefa naravona ny fanadihadiana natao: toerana voahodidina hazo lehibe sy kirihitsilo: raketa, taretra …Antoby (io no anarany tany aloha).

Olona vitsivitsy no nonina tao. Tsy nisy afa-tsy lalan-kely no ahafahana miditra ny tanàna. Tamin'izany fotoana izany; nitondra an'ANDRIAMAHAZONORO sy RATSILIKAINA avy tany Antananarivo ANDRIANAMPOINIMERINA mba hanara-maso ireo ombiny. Ny''*Olla' nentin'Andrianampoinimerina napetraka teto Ambohijanahary: Ratsilikaina sy Ndremahazonoro taranaka Betsirebaka, avy ao Matitanana (Antaimoro)''*[18]. Izy ireo no nifehy ny tanàna tao. Nitady fomba mahomby hiarovana ny tanàna amin'ny fahavalo izy ireo rehefa tamana, izany hoe : nitady olo-masina hiaro azy ireo. Betsirebaka avy any Matitanana ihany no hitany dia Ramboa sy Randrianjanahary.

Nasain'ireo olo-masina nanototra ombilahy mena velona tao anaty lavaka izy ireo.

Norarahana ranon-javatra teo amboniny ary notondrahana, ka zaza sambatra 12 no nanao izany.

Isaky ny misy feon'omby toy ny mitrena avy amin'ilay lavaka, dia midika izany fa misy fahavalo mitady hiakatra ao an-tanàna. Miomana amin'ny ady ny vatan-dehilahy matanjaka. Noho izany fiomanana izany, resy foana ireo fahavalo nikasa hiakatra tao an-tanàna.

Lohabolana, hono, ireo nikasa hanafika tao hoe ''tena vohitry ny zanahary io''. Izany no nahatonga ny anaran'ny tanàna hoe: ''Ambohijanahary''.

Taorian'izay, tsy Antoby intsony no anaran'ilay tanàna fa Ambohotra-Janahary na Ambohijanahary.

Nofefena ilay toerana taty aoriana ka natao doany. Marihina moa fa mbola ao io doany io hatramin'izao ary nomena ny anarana hoe: ''Ambodiamontana'', satria nisy amontana naniry teo. Mbola hamasinin'ny mponina sasany angataham-pitahiana sy ijoroana orana izany hatramin'izao.

---

[18] ANDRIAMAHATODY, Mémoire du CAPEN, Université d'Antananarivo, 2001, tak16.

Azo heverina koa fa tanàna niara-notafihin-dRadama I Amboavory sy Ambohijanahary, araka ny itateran'ny Claude REMUZAT azy hoe: *"Amboavory, Ambohijanahary no tanàna nisantaran-dRadama I ny fanafihan'Imerina ny lemak'Alaotra ka nanaovany tobim-pamaharana".*[19]

Taorian'ny nahazoana ny fahaleovantena, nitombo ny isan'ny mponina, tsy sahaza ireo mponina intsony ny tanàna. Ho famahana ny olana, namoaka baiko ny Ben'ny tanàna nitondra tamin'izany fa hafindra toerana tao Morarano izay tsy mahavita trano biriky. Izy ireny no nanorina ny tanàna tao (ireo nonina tamin'ny trano zozoro). Morarano: toerana manamorona ny ranon'Anony.

Izay ny mikasika ny tantaran'ny Sihanaka amin'ny ankapobeny sy ny tantaran'Ambohijanahary. Hojerena manaraka eto indray kosa ny ny mikasika ny mponina.

### I.3. <u>Fampahafantarana ny mponina</u>'

Anisan'ny zava-dehibe amin'ny asam-pikarohana ny mikasika ny mponina: *"Ny mponina kasinga fototra hanorenana tetikasa na fandaharana asa fampandrosoana"*[20] hoy RAMANDA.

#### I.3.1- <u>Ny isan'ny mponina</u>

Araka ny fanisana natao tamin'ny taona 2004 dia ahitana mponina miisa 22 708(valo amby fitonjato sy roa arivo sy roa alina) ao amin'ny kaominina Ambohijanahary.

Toy izao no tarehimarika maneho izany:

[19] REMUZAT, 1987, *La racine de l'Antsihanaka, des Bakozetra aux Tetivohitra, volume 1*.

[20]R AMANDA, *Anjara masoandro,* Juillet, décembre 1995, Bulletin semestriel bilingue supplément, n°08, « *La population : élément fondamental de tout projet aux programmes du développement durable* ».

**Fafana 3** : Isan'ny mponina

| Taona | Lehilahy | Vehivavy | Fitambarany |
|---|---|---|---|
| [0-4 [ | 2042 | 2211 | 4253 |
| [5-9 [ | 2400 | 2259 | 4959 |
| [10-14[ | 1366 | 1409 | 2775 |
| [15-17[ | 721 | 832 | 1553 |
| [18-29[ | 1251 | 1237 | 2488 |
| [30-49[ | 1704 | 1802 | 3506 |
| [40-59[ | 981 | 970 | 1951 |
| +60 | 772 | 751 | 1521 |
| Fitambarany | 11 237 | 11 471 | 22 708 |

Loharano : Le Délégué Administratif d'Arrondissement Ambohijanahary, fanisana natao ny 02 Jolay 2004

Amin'ny ankapobeny, dia 98 olona/km² ny hakitroky ny mponina. Tsy dia misy elanelany be eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy, izany hoe tena be mponina raha oharina amin'ny salanisam-pirenenena.

**I.3.2- Ny fiainan'ny mponina**

**I.3.2.1- Ny lafiny fahasalamana**

Manana tobim-pahasalamana CSB II[21] iray ny kaominina Ambohijanahary. Ao amin'ny renivohitry ny kaominina no misy azy. Manana mpiasa efatra ny tobim-pahasalamana:

- Dokotera 1;
- Mpampivelona 1;
- Mpitsabo mpanampy 1;
- Mpamoaka fanafody 1.

Amin'ny ankapobeny, ny aretim-pivalanana sy ny tazo no tena mpahazo ny mponina; ny volana desambira ka hatramin'ny avirily no tena isehoan'izany.

[21] CSB : Centre de Santé de Base.

Eo ihany koa anefa ny aretin- tratra IRA[22]: sery, koaka, aretin-tratra.
Fotoanan'ny fahavaratra koa amin'io vanim-potoana io ka tsy mahagaga raha be ny tazo, satria be ny lobolobo sy ny rano mihandrona. Eo ihany koa ny aretim-pivalanana: amin'io fotoana io, tondraka ny rano, ka mivarina ao ireo loto isan-karazany. Ny kaominina koa dia mbola tsy manana rano fisotro madio, ka izany no mahabe ny aretin-kibo.

Vanim-potoanan'ny maitso ahitra ihany koa io amin'ny ankapobeny. Tsy ampy sakafo loatra ny mponina, ka kely ny hery fiarovana.

Araka ny fanadihadian'ny Banky Iraisam-pirenena hoe: *"Ny areti-mifindra sy ny tazo amin'ny ankapobeny dia mifamatotra amin'ny tsy fahatomombanan'ny fepetra ara-tsakafo sy ny tsy fisian'ny rano fisotro madio. Ireo no mahatonga ny aretin'ny taovam-pisefoana, ny aretim-pivalanana, ary ny tazo."*[23]

### I.3.2.2- Ny lafiny fanabeazana

Raha handinika ny fampandrosoana eo amin'ny fiarahamonina iray dia tsy azo atao odian-tsy hita ny lafiny fanabeazana. Iankinana'ny fahavitrihan'ny olona eo amin'ny fandraisana anjara amin'ny fiainany amin'ny ankapobeny mantsy ny fampianarana, araka izao itateran'ny PNUD azy izao: *"Ny fanabeazana no mitondra ny tsirairay amin'ny fivoarana, fandrosoana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fiainana sôsialy (…) indrindra ny fahazoana miasa mba hampidirana vola maromaro".*[24]

Ny ZAP[25] ao Ambohijanahary dia eo ambany fiadidian'ny CISCO [26] Amparafaravola.

Sekoly fanabeazana fototra EF (Ecole Fondamentale) ary sekoly ambaratonga faharoa fototra CEG (Collège d'Enseignement Général) no misy ao.
Ireto avy ireo sekoly misy:

---

[22] IRA : Infection Respiratoire Aiguë
[23] Banque Mondiale , 1996, *Madagascar :Evaluation de la pauvreté*, Vol I tak 1 : « *Les maladies infectieuses et parasitaires (…) sont généralement , liées à des mauvaises conditions d'hygiène, à la faiblesse des normes nutritionnelles et au manque d'accès à l'eau potable, cause de graves maladies respiratoires, de diarrhée et du paludisme* »
[24] PNUD, 2003, *Rapport National sur le développement humain, 2003*, Genre de développement Humain et pauvreté, p 174 : « *…L'éducation permet aux individus de leurs faciliter l'accès à l'emploi ou à un revenue supérieur* ».
[25] ZAP : Zone d'Administration Pédagogique.
[26] CISCO ; Circonscription Scolaire.

- EF 11;
- Sekolim-pokonolona 07;
- Sekoly tsy miankina 04;
- CEG 01

**Fafana 4:** Ireo EF sy ny isan'ny mpampianatra ao.

| Fokontany | Isan'ny mpampianatra |
|---|---|
| Ambatoaranana | 02 |
| Ambatovola | 02 |
| Ambohiboanjo | 03 |
| Ambolomborona | 03 |
| Ambohijanahary | 11 |
| Andranobe | 10 |
| Antanetilehibe | 02 |
| Sodeca | 03 |
| Morarano | 09 |
| Vohitsarakely | 02 |
| fitambarany | 51 |

Loharano: Lehiben'ny ZAP Ambohijanahary, janoary 2006

Marihina fa ireo tanàna notanisaina ireo dia efa fokontany nisy hatramin'izay.

Ny fokontany vao naorina tamin'ny taona 2003 kosa dia nametrahana Sekolim-pokonolona: sekoly naorin'ny fokonolona izay nentanina mba hanaraka fepetra manakaiky ny sekolim-panjakana amin'ny fanorenana azy; arahina atontan-taratasy mazava tsara:

- ny fangatahan'ny fokonolona,
- ny drafitry ny sekoly,
- ny fanaka ampiasaina,…

Ny sekolim-pokonolona dia iarahan'ny fokonolona sy ny Fanjakana miombona antoka, izany hoe: misy antoka ataon'ireo ray aman-dreny eo amin'ny fanorenana,

rehefa tanteraka izany dia raisin'ny Fanjakana an-tanana ny fitantanana ny sekoly: fampitaovana, fiantohana ny mpampianatra.

Marihina moa fa misolo ireo ''sekoly daba'' na ''sekoly piraty'' teo aloha ny sekolim-pokonolona.

**<u>Fafana 5</u>:** Ny isan'ny mpampianatra ao amin'ny FKL sy ny elanelan'ny fokontany amin'ny kaominina

| Fokontany | Mpampianatra | Halavirany |
|---|---|---|
| Ambatomitsangana | 1 | 25km |
| Ampaibary | 2 | 5km |
| Miarinarivo | 2 | 5km |
| Bedamena | 1 | 15km |
| Befoza | 2 | 7km |
| Tanjokambana | 1 | 45km |
| Fitambarany | 10 | |

<u>Loharano</u> : Lehiben'ny ZAP Ambohijanahary, 2006.

Ireo sekoly tsy miankina :

- sekoly ambaratonga voalohany.

• ESPA (Enfant Sage Poli Adroit), niorina tamin'ny taona 1996, manana mpampianatra efatra.

• Ny sekoly Rainisoalambo, niorina tamin'ny 1999, manana mpampianatra telo. Ny sekoly Rainisoalambo dia manana kilasimandry, ka ao amin'ny fokontany Tsarahonenana no misy azy.

• Ny sekoly Fikirizana, niorina tamin'ny taona 2000, manana mpampianatra telo.

• ''Le bouton d'or'', niorina tamin'ny 2002, manana mpampianatra dimy.

Ireo ankizy mianatra amin'ireo karazan-tsekoly ireo:

Ny zanaky ny olon-tsotra (tantsaha, ireo zanaky ny sahirana ara-pivelomana, mpampianatra, mpiasam-panjakana) no mianatra amin'ny sekolim-panjakana EF. Ny zanaky ny tsara fivelomana sy ny manan-katao (mpamboly, mpivarotra) kosa no mianatra amin'ny sekoly tsy miankina.

**Fafana 6 :** Ny isan'ny mpianatra 2005-2006

| | Miankina | | Tsy miankina | |
|---|---|---|---|---|
| | Lehilahy | Vehivavy | Lehilahy | Vehivavy |
| Ambaratonga I | 1403 | 1203 | 262 | 267 |
| Ambaratonga II | 207 | 187 | | |

Loharano : Ny lehiben'ny ZAP Ambohijanahary sy ny talen'ny CEG, janoary 2006.

Raha ireo no jerena dia hita fa ambony kokoa ny isan'ny zazalahy, noho ny isan'ny zazavavy, indrindra any amin'ny sekolim-panjakana. Efa hatrany amin'ny isan'ny mponina amin'ny ankapobeny izany fahabetsahan'ny ankizilahy, mitaha amin'ny ankizivavy izany.

Eo amin'ny Ambaratonga Faharoa kosa indray, hita fa maro ireo ankizivavy no tsy manohy ny fianarana rehefa mahavita ny kilasy CM2 (Cours Moyen deuxième Année). Ao ireo manampy ny ray aman-dreny, ao kosa ireo lasa miasa aman'olona.

Ny Sekoly Ambaratonga Faharoa CEG dia niorina tamin'ny taona 1979.

Manana mpiasa efetra dia ny:

- Talen-tsekoly;
- Mpitantana tranom-boky;
- Mpitan-tsoratra;
- Mpanara-maso.

Ary mpampianatra dimy ambinin'ny folo (15), ka enina (06), mitazona ny taranja siantifika, ary ny sivy (09) literera; ny dimy amin'ireo mpampianatra ireo dia karamain'ny fikambanana'ny ray aman-drenin'ny mpianatra (FRAM).

Raha toy izany àry ny mikasika ny isan'ny mpianatra sy ny momba ireo mpampianatra miandraikitra azy ireo, mba manao ahoana kosa ny voka- panadinana any an-toerana?

Ireo vokatra tato anatin'ny dimy taona farany no hojerena eto, dia ny teo anelanelan'ny taona 2000 ka hatramin'ny 2005.

**Fafana 7**: Voka-panadinana teo anelanelan'ny taona 2000-2005

| Taona | CEPE (%) | BEPC (%) |
|---|---|---|
| 2000/2001 | 75,60 | 47,61 |
| 2001/2002 | 71,70 | 23,80 |
| 2002/2003 | 67,91 | 47,72 |
| 2003/2004 | 71,90 | 52,53 |
| 2004/2005 | 75,60 | 22,95 |

Loharano : CEG Ambohijanahary, Avril 2006.

### I.2.2.3- Ny finoana ary ny fomba amam-panao

Raha vao miresaka finoana ary ny fomba amam-panao, tonga ao an-tsaina ny fisian'ny tontolo roa: nentim-paharazana, andaniny, ny nampidirin'ny vahiny ankilany. Toy ny fahita any amin'ny faritra maro, mifangaro ao amin'ny kaominina ambanivohitra Ambohijanahary ireo tontolo roa ireo. Izany toe-javatra izany no tondroina amin'ny hoe: ''acculturation''. Araka ny fanazavana entin'ny BENOLO François: *"Io teny io dia manambara ny fifanojoan'ny fomba amam-panao eo amin'ny an-daniny sy ny an-kilany. Zavatra tsy maintsy miseho izany, indrindra ankehitriny, fa mifanerasera be ny firenena samy firenena eto amin'izao tontolo izao. Na isika monina amina nosy aza dia tsy afaka hiolonolona samirery eto, fa tsy maintsy mifandray amin'ny firenen-kafa. Nefa matetika ny zavatra mitranga dia izay matanjaka no manjaka ka mihafy sy manjary mpanara-drian-drano izay marefo, tsy manana ny tena maha-izy azy marina. Lafy ratsy mety hitranga izany. Fa lafy tsarany dia ny fahaizan'ny samy olombelona mifanatona, mba hisian'ny fisokafana sy fivelarana bebe kokoa eo amin'ny fiainana."*[27]

Efa maro ireo karazana finoana kirisitianina tafiditra ao an-toerana. Ahitana ireo ao anaty ary ivelan'ny FFKM[28]. Eo ihany koa ny fomba amam-panao nentim-

[27] BENOLO François, 2001, *Sambatra aho fa kristianina*, in « *Ny finoana iainana* » na *« inculturation* », edisiona Md paoly, Antananarivo, tak 44.
[28] FFKM: Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara.

paharazana : famadihana, tsikafara, joro orana, fora zaza ary fanambadiana.

Ny fanaovana ny famadihana dia arakaraka ny isam-pianakaviana ary ny vokatra miakatra.

Ny joro orana indray dia atao isan-taona, ny volana nôvambira no fanaovana izany, ka tanterahina isaka ireo tanàna misy doany: Abohijanahary: Ambodiamontana, Manakana, Ankazotôgnôlona.

Ny fora zaza dia misy isaky ny vanim-potoanan'ny ririnina: eo anelanelan'ny volana jona sy aogositra. Rehefa voafora ny zazalahy dia apetraka eo amin'ny lohan'omby. Izany no antsoina hoe: ''fampakarana zaza an-dohan'omby''.

Marihina fa amin'ny fanatanterahana ireo fomba ireo dia misy hatrany, ny joro[29] ataon'ireo ray aman-dreny.

Fahita ao amin'ny kaominina toy ny any amin'ny faritra hafa, ny sady kirisitianina no manaraka ny fomba amam-pananao nentim-paharazana, izany hoe, sady miditra am-piangonana no mamadi-drazana, mijoro. Azo tarafina avy amin'izany fa mandray ireo fomba amam-panao vahiny ny mponina, saingy ampifamenoina amin'ny nentin-drazana izany.  Izany no antsoina hoe: fampirafesam-pinoana (syncrétisme).

[28] Joro: Fivavahana amin'Andriamanitra sy ny Razana, firariana, fanaovana voady. Jürg BRAND/Harisoa RABEVOHITRA, in *TERROIR ET RESSOURCES*, Projet TERRE-TANY, 1993, vol, 01, n°01, tak 72, « *Joro: rites : des nouvelles terres, etc.)* ».

**<u>Fehin'ny toko voalohany</u> :**

Kaominina iray ao amin'ny ilany avaratry ny Disitirikan'Amparafaravola, ao amin'ny faritra Alaotra Mangoro ny kaominina Abohijanahary. Amin'ny ankapobeny dia faritra be lemaka ny kaominina, ny ilany andrefana no ahitana havoana sy tendrombohitra.

Misy fizaran-taona telo mandrindra ny fandaharam-potoanan'ny mponina. Ifandribonan'ny Fanjakana sy ny tsy miankina ny fanabeazana. Toy ireo fiarahamonina maro, sady mandray ny fomba amam-panaon'ny vahiny ny mponina no manaraka ny nentim-paharazana.

## II. NY LAFINY TOE-KARENA SY NY TETIKASA MISY AO AMIN'NY KAOMININA.

### II.1. Ny lafiny toe-karena

Asa isan-karazany no ataon'ny mponina mba ahafahany miaina sy mamaly ny filany. Ao ny asa raikitra: fivelomana fototra ary ny asa an-tselika: fivelomana fanampiny.

#### II.1.1- Ny asa raikitra

Ny asa raikitra dia ny asa fototry ny ny fivelomana, atao vaindohan-draharaha, mampidi-bola eo amin'ny mpiasa isan-tokantrano. Ao anatin'izany: ny fambolena, ny varotra, ny asam-panjakana ary ny asa amin'ny sampan-draharaha tsy miankina.

##### II.1.1.1- Ny fambolena

Ny voly vary no tena imasohan'ny olona voalohany indrindra ao amin'ny kaominina Ambohijanahary; io no antoky ny fivelomany amin'ny ankapobeny, manaraka azy ireo voly fanampiny izay manampy betsaka amin'ny fotoanan'ny maitso ahitra.

- **Ny fambolem-bary**

**"Tsabo"** no iantsoan'ny olona ny tanim-bary. Mahatratra hatrany amin'ny 7792 ha (hekitara) ny velaran'ny tsabo azo volena ka 4 098 ha amin'ireo dia tany narenina tamin'ny nanajariana ny tany lavavolo tao amin'ny lemaka Alaotra.

Nozaraina isa-pianakaviana ireo tany ireo taorian'ny nahazoana ny fahaleovantena sy ny manodidina ny taona 1975 ; ny fangatahana iray dia mahazo tany 4 na 5ha. Sady nofaina no novidina ny fomba nahazoana izany tany izany, araka ny itateran'i Isabelle DROY izany hoe: "*Ny tany narenina dia notsinjaraina 4 ka*

*hatramin'ny 5ha isaky ny mpitrandraka ka sady ofaina no vidina"*.[30]

Zava-dehibe eo amin'ny fambolena vary an-koraka ny rano. Taorian'ny faharavan'ny SOMALAC (Société Malgache du Lac Alaotra) tamin'ny taona 1990 izay niandraikitra ny rano, dia ireo tantsaha no nisahana izany nivantana. Nivondrona tao anatin'ny fikambanan'ny mpampiasa rano A.U.E (Association des Usagers de l'Eau) izy ireo. Tsy nandeha irery akory izy ireo tamin'izany fa niara-niasa taminy ireo tekinisianina ao amin'ny ''génie rural''. Araka ny tenin'Andriamatoa RAKOTONIAINA Jeannot : '' Tsy nandeha irery akory ny A.U.E fa ao ireo manampahaizana avy ao amin'ny ''génie rural'' miara-miasa sy manome torohevitra ary manofana azy ireo''.

Ny vola miditra avy amin'ny fikambanan'ny tambajotran'ny mpampiasa rano no vola entina mikarakara ireo lakan-drano lehibe. Ny lakan-drano madinidinika kosa dia samy manadio ny tandrifin'ny tanimbariny ny mpamboly tsirairay.

Izay ny mikasika ny rano, hojerena manaraka eto kosa indray ny momba ireo fitaovana ampiasain'ny mpamboly.

Arakaraka ny fahefa-mividin'ny mpamboly tsirairay ny fitaovam-pamokarana ampiasainy.

Eo aloha ireo mampiasa ny omby amin'ny asa rehetra: vadi-bainga (labour), herisa (herse), fitateram-bokatra. Misy kosa ireo efa mampiasa ny tirakitera sy kibôtà.
Marihina fa hatramin'ny taona 1985 no efa nampiasa ny tirakitera ireo mpamboly sasany. Izany dia vokatry ny famatsiana nataon'ny SOMALAC.
Tsy ny fampiasana fitaovam-baventy toy ny tirakitera ihany no nampidirin'ny SOMALAC, fa teo ihany koa:

- ny fampiasana ireo famonoana ahi-dratsy ''deshormone'' 720 ka 2l/ha no atao.
- ny famonoana bibikely sy fositra isan-karazany: Durban, Rifit, …
- ny zezika simika ''urée'', izay marihina fa amin'ny zana-bary ihany no ampiasan'ny mpamboly azy.

Raha ireo rehetra notanisaina ireo no dinihana dia hita fa tsy zava-baovao amin'ireo mpamboly any amin'iny faritra iny ny fampiasana ny akora simika eo amin'ny lafiny fambolem-bary.

---

[30]DROY (I), *Economie de Madagascar*, « Que sont les greniers à riz devenus », Institut National de Statistique Oktobre 1997, « *La terre aménagée est divisée en lot de 4 à 5ha puis remise en un exploitant par un système de location de vente* ».

Ampiasain'ny mponina amin'ny fambolem-bary ihany koa ny zezim-pahitra: aparitaka eny an-tsabo izany mialohan'ny fotoana hidiran'ny rano.

Ny masomboly makalioka moa no tena fampiasan'ny mpamboly any.

Amin'izao fotoana izao dia tonga any an-toerana ny tetikasa PSDR (Projet de Soutien pour le Développement Rural) hanampy sy hanatsara ny fampitomboana ny vokatra.

Araka izany, dia efa manomboka mamboly indroa ny mponina dia ny ''voly vary taona'' sy ny ''voly vary ririnina''.

Raha vao tafakatra ny voly vary taona dia manomboka ny fikarakarana ny vary ririnina (riziculture contre saison). Miakatra izany ny volana desambira ka azo anaovana vary taona indray ny tany.

Marihina anefa fa tsy ny tany rehetra no azo anatanterahana ity fomba iray ity, fa izay tanimbary manamorona ny lakan-drano ka mora isarihana rano, ritra koa mantsy ny rano amin'io fotoana io ka ilaina ny tany mora rano. Hita fa manampy be ny olona amin'ny fiatrehana ny taom-pambolena vaovao ny fiakaran'ny vary ririnina.

### I.1.1.2- <u>Ny varotra</u>

Misy ireo sokajin'olona mifototra amin'ny varotra. Samy ahitana izany avokoa ny fokontany manerana ny kaominina. Amin'ny ankapobeny dia ireo mpiavy Betsileo, Merina, no tena manao ity asa iray ity.

Ambony kokoa ny fari-piainana'ny mpivarotra mitaha amin'ny ankamaroan'ny mponina. Hita taratra izany amin'ny fananany fitaovana lafo vidy, toy ny fiara, trano be, fahita lavitra, môtera, tirakitera… Eo ihany koa ny fananany tanimbary maro.

### II.1.1.3- <u>Ny asam-panjakana ary ny sampan-draharaha tsy miankina</u>

Ankoatra ny varotra sy ny fambolena dia ao koa ireo mifototra amin'ny asam-panjakana ary ny asa amin'ny sampan-draharaha tsy miankina, misandrahaka amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fitsaboana, ny fifandraisana, ny filaminam-bahoaka, ny asa vaventy ary ny ''famatsiam-bola madinika'' izany.

### II.1.2- Ny asa an-tselika

Ny asa an-tselika dia asa tsy andaniana fotoana loatra na koa tsy raikitra fa rehefa misy fotoana malalaka izay vao manararaotra manao azy. Hita, araka izany, fa tsy mionona amin'ireo sokajina asa nolazaina teo aloha ireo mponina na mpiavy izany na tompon-tany, fa misy koa ny asa atao fanampim-pitadiavana manoloana ny tsy fahampian'ny fidiram-bola mba hoenti-miady amin'ny fahantrana. *"Ara-pamaritana, ny mahantra dia ireo tsy afaka mividy, izay hoenti-mamaly ny filany ara-tsakafo fototra fa tsy hoe ny sakafo ilainy andavanandro tsy akory."*[31]

#### II.1.2.1- Ireo voly fanampiny

Maro tokoa ireo karazam-boly fanampiny fanaon'ny mponina: katsaka, mangahazo, fary, tsaramaso, akondro… Toy izao ny fafana maneho izany:

**Fafana 8** : Ny velaran-tany sy ireo karazam-bokatra

| Karazam-bokatra | Velaran-tany (ha) | Vokatra (taonina) |
|---|---|---|
| Mangahazo | 181 | 815 |
| Katsaka | 244 | 885 |
| Vomanga | 280 | 6490 |
| Tsaramaso | 78 | 234 |
| Fary | 24 | 120 |
| Voanjo | 150 | 660 |
| Akondro | 47 | 210 |

Loharano : Kaominina Ambohijanahary, 2006

#### II.1.2.2- Ny fiompiana

Ny fiompiana omby, kisoa, ary akoho amam-borona no hita ao amin'ny

[31] Banque mondiale, *Evaluation de la pauvreté, tak 4 « Par définition les pauvres sont ceux qui n'ont pas les moyens d'acheter de quoi satisfare leurs besoins alimentaires de base et non alimentaires de première nécessité ».*

kaominina.

- **Ny fiompiana omby**

Ny fiompina omby dia manana ny anjara toerany eo amin'ny fiharian-karena. Ankoatra ny zezika azo avy aminy, manampy be dia be amin'ny asa tany ny omby.

Mariky ny fananan-karena koa izy; araka ny itateran'i Chandon Moet B azy hoe: *"Ny fananana andian'omby dia maneho rehareha ho an'ny tompony.*

*Ny loham-pianakaviana manana omby mihoatra ny telopolo dia sokajiana ho mpanakarena"*[32]

Ampiasain'ny mponina amin'ny fanatanterahana ireo fomba isan-karazany koa ny omby. Amin'ny ankapobeny ho an'ireo mpamboly, manana omby roa (02) fara fahakeliny ary ho an'ireo manana betsaka dia mahatratra hatrany amin'ny dimampolo (50) ka hatramin'ny zato (100). Alefa eny amin'ny faritra avo, misy ahitra ny omby rehefa vita ny asa tanimbary, avela hiala sasatra ireo biby ireo amin'izany, hoy i Chandon Moet B: *''Hiarahantsika mahita fa ny omby dia manomboka miasa hatreo amin'ny fihosena ny tanin-ketsa ka hatramin'ny fiasana ny tanimbary (…) Ankoatra ireo fotoana ireo avela ambenana'ny ankizy lahy na ny vatan-dehilahy eny amin'ny tanety na amin'izay toerana ahitana kijana tsara.''*[33]

- **Ny fiompina kisoa**

Fanampina fiompiana ny fitahirizana kisoa, ny fokontany ao Bedamena ary Ambatomitsangana no tena ahitana azy. Ny Betsileo sy ny Merina no tena manao ity fiompiana ity. Ny fanatavesana no atao amin'izany. Amin'ny fotoana fiakaran'ny vokatra, mahabetsaka ny sakafo sy mahamora ny ampombo no anaovan'ny mponina ny fiompiana kisoa. Raha vao mipaka ny fotoanan'ny maitso ahitra, ankavitsiana sisa, ny manao ny fiompiana. Araka izany, asa mandalo ny fiompiana kisoa.

---

[32] Chandon Moet B, *Vohimasina Village malgache*, tak 93 : « *Un beau troupeau de bœufs est un motif de fierté pour son propriétaire. Les quelques chefs de famille qui possèdent plus d'une trentaine de bœufs sont considérés comme des riches* ».

[33] Chandon Moet B, Boky efa voatanisa, « *En dehors de ce moment ou les bêtes se fatiguent beaucoup les garçons ou les hommes les surveillent sur les collines ou elles trouvent une(…)pâtures* ».

- **Ny fiompiana akoho amam-borona**

Saika hita isan-tokantrano ny fiompiana akoho amam-borona; I Chandon Moet B, ao amin'ny bokiny dia milaza hoe: *"Isam-pianakaviana dia miompy vorona vitsivitsy, hita matetika amin'ireny ny akoho, gana vitsivitsy ary gisa"*[34].

Avela hienjy ny akoho rehefa antoandro ary mody ho azy rehefa hariva. Ny fiompiana nentim-paharazana no mbola ampiharina amin'ny fiompiana akoho.

Ankoatra ny maha sakafo ny henana akoho, hita fa mampidi-bola ho an'ireo mpiompyizy, indrindra amin'ny fotoana manakaiky ny faran'ny taona.

Efa betsaka ihany koa ny manao fiompiana akoho manatody lava, nefa noho ny aretin'akoho dia efa vitsy izany amin'izao fotoana izao. Maro loatra koa ny olona manao ity fiompiana ity, niteraka vokatra be loatra izany ka nanimba ny lalam-barotra.

Ny fiompiana gana sy gisa koa dia mampalaza ny faritra Alaotra; ny mponina any an-tsaha sy ny tanàna manamorona ny rano no tena manao izany.

Ireo karazana fiompiana ireo dia manampy ny mponina amin'ny fiatrehana ny taom-pambolena. Misy maka ambongadiny ny vokatra mandritra ny volana novambira sy desambira; izany dia entina mamonjy ny renivohitra: Toamasina, Antananarivo.

**Fafana 9**: Ny isan'ny biby fiompy ao amin'ny kaominina amin'ny ankapobeny

| Karazany | Isany |
|---|---|
| Omby | 5048 |
| Kisoa | 615 |
| Gisa | 21 787 |
| Akoho | 49 477 |
| Gana | 22 050 |

Loharano : Kaominina Ambohijanahary, 2006

### II.1.2.3- Ny taozavatra

Fomba iray ahazoam-bola ny fanaovana taozavatra eo amin'ny mponina. Mitaky fahaiza-manao ny taozavatra. Araka izany dia tsy betsaka ny manao azy.

[34] Chandon Moet B, tak 97 « *Dans chaque famille on éléve quelques volailles, toujours des poules, assez peu de canards et d'oies* »

Ny fandrafetana, ny tefy, ny rary ary ny fandrariana harato no tena fanaon'ny mponina. Ny mpamokatra ihany no mivarotra ny zava-bitany eny an-tsena na entina mitety tsena.

Ny rafitra, ankoatra ny fanaovam-panaka, fandrafetan-trano; misy mpanao sarety ihany koa eo an-tanàna. Anisan'ny fitaovana ampiasain'ny mponina amin'ny fikarakarana ny fambolena ny sarety: fitondrana fitaovam-piasana toy ny angadin'omby sy ny herisa; fitateram-bokatra, itaterana biriky, sns. Hita ihany koa fa samy manana ny karazan-tsaretiny ny faritra tsirairay.

Hoy ny mpandinika milaza izany: ''*Mitana anjara toerana lehibe amin'ny toe-karena eny ambanivohitra ny saretina omby (…) Ny faritra tsirairay amin'ny ankapobeny dia samy manana ny karazan-tsaretiny. Ny afovoan-tany (…) sy any Alaotra dia ahitana ny karazan-tsarety tena mavesatra.''*[35]

Ny fanefena koa dia miompana amin'ny fanaovana fitaovam-pamokarana : angadin'omby, angady, antsy isan-karazany. Tsy mandavan-taona ny fanefena ireo fitaovana ireo fa arakaraka ny fotoana ilan'ny mponina azy.

Ny rary, ny vehivavy dia mandrary amin'ny fotoana tsy isian'ny asa. Tsihy sy harona isan-karazany ary satroka no rariana amin'izany. Amin'ny fotoanan'ny maitso ahitra no anangonana ny zavatra horarina: hisatra, vendrana, mita, tsy dia misy loatra koa ny asa rehefa vita ny fanetsana ka ny rary indray no imasohan'ny vehivavy.

Izay àry ny mikasika ireo asa isan-karazany sahanin'ny mponina. Mbola hidirana lalindalina kokoa ny mikasika ny fambolena sy ny taozavatra ao amin'ny fizarana faharoa.

### **II.1.3- Ny fanaovana ny " isan'andro" na ny "tomboka andro"**

Ny fanaovana ny ''isan'andro'' na ny ''tomboka andro'' dia asa fivarotana ny herin-tsandry amin'ireo izay tsy ampy tanana miasa. Ireo sahirana ara-pivelomana, tsy manan-tany hovolena na ny kely velaran-tany no miditra amin'ity sehatra asa iray ity. Samy manao izany avokoa, na ny lehilahy, na ny vehivavy, eny fa hatramin'ny ankizy aza.

---

[35] Andrianarison et Noël J GUENNIER, *Omaly sy Anio*, « La charrette à Madagascar », tak 59-61 : *« Les charrettes à bœufs qui jouents un rôle important dans l'économie rurale (…) chaque région possède en général un type de charrrette qui lui est propre (…) sur la haute terre et à l 'Alaotra,on rencotre un type de charrette plus lourd ».*

Ny lehilahy dia misahana ny asa mila herin-tsandry; ny vehivavy kosa dia manetsa, miava manasa lamba, mamboly vomanga … Tsy dia mifanalavitra loatra ny karama amin'izany, fa arakaraka ny asa vita. Ny ankizy kosa dia mitaiza zaza ary misy ny manetsa.

## II.2. <u>Ireo tetikasa misy ao amin'ny kaominina</u>

Nisy ireo fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana izay nitondra asa fampandrosoana, hita amin'ny sehatry ny toe-karena, sôsialy ary ny tontolo iainana izany.

### II.2.1- <u>Ny misahana ny lafiny sôsialy</u>

Ny F.I.D : Fonds d'Intervention pour le Développement. Niara-niasa tamin'ny kaominina tamin'ny fananganana sekoly : EPP, CEG ary nanajary ireo sekoly ravan'ny rivo-doza. Teo ihany koa ny fanarenana ny CSB II tao an-toerana.

NAC : Nutrition Assise Communautaire. Nisahana ny fanjarian-tsakafon'ireo zaza latsaky ny dimy taona sy nanara-maso ny lanjany. Nizara lay misy ody moka ho an'ireo reny bevohoka sy ny zaza kely.

FIKRIFAMA : Fanampiana Kristiana ho an'ny Fampandrosoana eto Madagasikara. Nampiditra rano fisotro madio tao amin'ny kaominina tamin'ny taona 1992. Marihina moa fa noho ny tsy fahampian'ny fikarakarana dia efa simba ireo paompin-drano ireo amin'izao fotoana izao.

### II.2.2- <u>Misahana ny ara-toe-karena</u>

SOMALAC : Orinasam-panjakana nisahana ny fanajariana ny lemaka Alaotra. Namatsy ara-pitaovana ny mpamboly : angadin'omby, « pulverisateur »,… ary fanatsarana lakan-drano. Marihina moa fa efa rava tamin'ny taona 1991 ny SOMALAC.

PSDR : Projet de Soutien au Développement Rural. Namatsy ara-pitaovana ireo tantsaha.

MPE : Maison de Petit Elévage. Nanome torohevitra tekinika an'ireo mpiompy akoho manatody lava.

**II.2.3- <u>Mikasika ny tontolo iainana</u>**

W.W.F: Word Wild Fond. Niara-niasa tamin'ny CEG, nampianatra ny ankizy sy ny mpampianatra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Namatsy ara-bola sy ara-pitaovana ny sekoly izy tamin'izany.

ANAE : Association Nationale d'Actions Environnementales. Nitaona ny mponina tamin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Niara-niasa tamin'ny mponina tamin'ny fiarovana ny nofon-tany, nizara zanaka « veti-vert » novolena tamin'ny sisin'ny lakan-drano.

**Fehin'ny toko faharoa**

Tahaka ny faritra maro, manana ny asa fivelomany ifotorany ny mponina ao amin'ny kaominina. Tsy mahasahana ny fiainan'ny mponina andavanandro anefa ny vokatry ny asa ; koa mba hamenoana izany ary hoenti-miady amin'ny tsy fahampiana dia asa fivelomana fanampiny isan-karazany no ataon'ny mponina. Maro amin'ireny asa ireny no mampidi-bola, saingy, noho ireo antony samihafa dia voafetra ihany izany ka tsy ifotoran'ny mponina loatra. Tetikasa fampandrosoana isan-karazany no tafiditra ao amin'ny kaominina Ambohijanahary. Misandrahaka eo amin'ny tontolo iainana, sôsialy ary toe-karena izany.

# III. NY OLANA ATREHIN'NY KAOMININA

## III.1- Olana eo amin'ny tontolo manodidina

Toy ny faritra maro manerana ny Nosy, manana ny olana sedrainy ny kaominina.

### III.1.1- Ny fahasimban'ny tontolo iainana

Amin'izao fotoana izao, be loatra ny fitrandrahana ala ataon'ny mponina: tevy ala, fanaovana arina, doro tanety. Miteraka fahavoazana eo amin'ireo ''bassin versant'', izany:

-raha kely ny rotsaka orana, tsy mahatana rano ireo ''bassin versant'', fa maina ny manodidina azy. Vokatr'izany, tsy misy ny tahirin-drano.

-raha be loatra indray ny rotsaka orana dia mivarina ao amin'ireo ''bassin versant'' ireo ny antsanga sy ny fasika ka manototra azy sy ny lakan-drano. Kely dia kely ny rano tonga eny amin'ny tohodrano, ka tsy mahasahana ireo veleran-tany hovolena.

Manampy izany koa ny tsy fahampian'ny fikarakarana ireo lakan-drano misy. Tsy mifanentana amin'ny habetsahan'ny lakan-drano tsy maintsy diovina ny fitaovana eo ampelatanan'ireo mpampiasa rano. Toy izao no itateran'ny Banky Iraisam-pirenena izany: *"Ny olana eo amin'ireo lakan-drano efa misy dia miseho eo amin'ny fahasimban'ireo fotodrafitrasa efa nisy, vokatry ny toetr'andro miovaova sy ny tsy fahampian'ny vola entina mikojakoja".*[36]

### III.1.2- Ny fivelaran'ny kaominina

Midadasika ny faritry ny kaominina, misy ireo fokontany mifanalavitra amin'ny renivohitry ny kaominina. Ny ankamaroan'ireo fotodrafitrasa anefa dia saika amin'ireo fokontany manodidina no miorina. Manampy izany koa ny tsy fisian'ny lalana mampitohy amin'ireo fokontany lavitra, matetika tsy voajery izy ireny amin'ny

---

[36] PNUD, *Région et développement*, 1991, Toamasina tak 138, « *Le problème du réseau (…) réside dans la dégradation des infrastructure existantes due aux aléas climatique et à l'insuffisance du crédit d'entretien* ».

fametrahana tetikasa fampandrosoana: *''Anisan'ny sakana eo amin'ny asa fanapariahana (…) ny tsy fisian'ny lalana ka mampitoka-monina na dia ireo faritra manan-karena amin'ny lafiny famokarana aza.''*[37]

**III.2. Ny olana sôsialy**

**III.2.1- Ny lafiny fampianarana**

*"Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny fampandrosoana ara-toe-karena eo amin'ny firenena ny fanabeazana"*[38]. Tsy lavorary anefa izany raha ny zava-misy ao amin'ny tanànan'Ambohijanahary sy ireo fokontany misy ao aminy no jerena.

**III.2.1.1- Tsy fahampian'ny mpampianatra**

Iraisan'ny faritra maro manerana ny Nosy ny tsy fahampian'ny mpampianatra. Hita taratra izany ao amin'ny CEG sy ny EF (miankina amin'ny Fanjakana).

Ao amin'ny EF, ohatra, fokontany 4 amin'ny 22 no ahitana kilasy maro sahanina olon-tokana[39], ny ankoatra izay dia misy avokoa.

Hita fa misy tokoa ny finiavan'ireo ray aman-dreny amin'ny fanaramana olona hanampy ny isan'ireo mpampianatra, tsy mahazaka raha tsy karamana olona iray na roa anefa ny ray amn-dreny any amin'ireo faritra ambanivohitra. Izany dia misy fiantraikany any amin'ireo saram-pidirana an-tsekoly, satria mahatratra 10000 ariary isaky ny ray aman-dreny ny saram-pidirana ao amin'ny EF any an-toerana; 27000 ariary isaky ny ray aman-dreny kosa ao amin'ny CEG. Araka izany, na eo aza ny fanampiana sy fanentanana ataon'ny Fanjakana eo amin'ny fampidirana ny zaza an-dakilasy ; maro ny ray aman-dreny tsy mahatakatra izany, hany ka vao mahavita ny taona fahadimy na afaka CEPE ny ankizy dia efa ajanona amin'ny fianarany sahady noho io olana io. Ny fampianarana anefa dia anisan'ny fepetra amin'ny fampandrosoana, araka ny hoe: *"Fanalahidim-pandrosoana ny fampianarana. Koa raha tsy ampy ny sekoly na ny*

---

[37] Vulgarisation agricole, *Paikady amin'ny fanapariahana haitao*.
[38] INSTAT, Novambra 2002, *Enquête auprès de ménages 2001*, « *Elle est [l'éducation] liée au développement économique* ».
[39] Classe multigrade.

*mpampianatra dia ny fivoarana no hiadam-pamindra”.*[40]

Eo ihany koa ny tsy fandriampahalemana izay mahatonga ireo mpampianatra tsy harisika hidina any ambanivohitra noho ny afitsok’ireo jiolahy[41]. Izany hoe, tsy mifidy olona ravana ny jiolahy: na mpamboly na mpiompy, eny hatramin’ny mpampianatra aza dia darohany rehefa manafika tanàna izy ireo.

### III.2.1.2- Ny efitrano sy ny fitaovana

Misy ireo fokontany vao naorina tamin’ny taona 2003, nametrahana sekolim-pokonolona izy ireny. Hita anefa fa tsy manara-penitra izany fanorenana natao izany, araka ny nolazain’ny lehiben’ny ZAP tao an-toerana. Izay fitaovana nisy tany an-toerana ihany no nananganana izany, hany ka rehefa avy ny orana, feno rano ao an-dakilasy.

Tsy eo amin’ireo sekoly vao najoro ihany no isehoan’ny olana, fa eo amin’ireo sekoly efa nisy ihany koa; toy izao no fisehon’izany olana izany: volena efitra ny efitrano iray mba hahazoana efitra roa. Vokatr’izany dia tery ny efitrano ianarana: ny dabilio, tsy nampitomboina ny isany fa izay misy eo no notsinjaraina; hany ka dia mifanizina dia mifanizina ireo ankizy ao aminy.

Hoy ny PNUD mitatitra izany rehetra izany: *“Ny tsy fahampian’ny sekoly, ny mpampianatra, ny fitaovana an-tsekoly ary indrindra ny saram-pianarana tsy mifanentana amin’ny fahefa-mividin’ny ankamaroan’ny mponina no mamely ny fampianarana amin’ny ankapobeny”.*[42]

### III.2.2- Ny fahantrana

Noho ny hasarotry ny fiainana, voatery mampisahana asa aman-draharaha an’ireo zanany ny ray aman-dreny, indrindra amin’ny fotoanan’ny maitso ahitra (volana desambira ka hatramin’ny marisa), fotoana fiasan’ny mpamboly. Mandao ny sekoly ny ankizy amin’izany ka manampy ny ray aman-dreny eny an-tsaha: mitaiza zaza,

---

[40] FETY Michel, *Fanabeazana sy fiainam-pirenena*.
[41] Resaka nifanaovana tamin’ny lehiben’ny ZAP.
[42] PNUD, *Boky efa voatanisa, tak 74 :* « *L’insuffisance des écoles, des enseignants, des matériels scolaires et surtout les frais de scolarité des éléves par rapport au pouvoir d’achat de la majorité de la population affectent la scolarité en général* ».

mahandro sakafo, manetsa. Araka izany, ny fifanindrian'ny taom-pianarana amin'ny taom-pambolena dia misy akony amin'ny famonjen'ny ankizy ny sekoly. Toy izao no ilazan'ny PNUD izany: *"Saika mifanindry betsaka amin'ny taom-pambolena ny fotoam-pianarana, mandritra izany [fotoam-pambolena] anefa voatery miasa eny an-tsaha ny ankizy".* [43]

Misy ihany koa anefa ireo ray aman-dreny tsy mazoto hampianatra ny zanany, hany ka raha vao mahavita ny fanabeazana fototra ny ankizy dia arotsaka sahady amin'ny asa ahazoam-bola: mikambana asa aman'olona amin'ny fambolena, miasa an-trano, … Hoy i Chandon Moet B: *"Ny ankamaroan'ireo ray aman-dreny mandefa ny zanany any an-tsekoly dia miandry izay hahaizany mamaky teny sy manoratra".*[44]

### III.2.3- <u>Ny lafiny fahasalamana</u>

Tsy mahasahana ny fahalehibiazan'ny kaominina ny tobim-pahasalamana misy ao an-toerana, iray ihany mantsy ny CSB II misy ao an-tanàna.
Manahirana ireo mponina avy any amin'ny fokontany lavitra ny fitondrana ireo marary hiakatra hamonjy Dokotera. Izany dia misy akony eo amin'ny fahasalaman'ny mponina, indrindra ny zaza sy ny vehivavy bevohoka.

## III.3. <u>Ny olana ara-toe-karena</u>

Miatrika olana ny kaominina eo amin'ny ara-toe-karena; hita amin'izany ny olana eo amin'ny fambolena, ny olana eo amin'ny fiompiana ary ny tsy fandriampahalemana.

### III.3.1- <u>Eo amin'ny fambolena</u>

Ny fambolem-bary dia sady miantoka ny sakafo no mampiditra loharanom-bola ihany koa. Matetika dia tsy mahaleo ny sarany ny vidiny; izany hoe, be ny fotoana sy ny

---

[43] PNUD, *Madagascar : Evaluation de la pauvreté*, vol I tak 02 : *« l'année scolaire coïncide en partie avec les campagnes agricoles durant lesquelles les enfants doivent travailler dans les champs ».*
[44] Chandon Moet B, *Vohimasina, village malgache*, nouvelle édition latine, tak 12 : *« la plupart des parents qui envoient leurs enfants à l'école attendent seulement d'eux qu'ils apprennent à lire et à écrire ».*

vola lany amin'ny asa, nefa tsy arakaraka izany ny vokatra miakatra. Manampy izany koa ny fidinan'ny vidim-bokatra hatrany hatrany.

Mbola ny fomba fambolena nentim-paharazana no ataon'ny mponina na eo amin'ny fitaovana izany, na eo amin'ny lafiny tekinika. Ny fahatsaran'ny vokatra miakatra anefa dia hita fa miankina amin'ny faharahana tekinika vaovao. Tsy marisika amin'ny fampiasana zezika simika ny mpamboly, satria fantany fa manimba tany izany ka aleony mionona amin'izay vokatra azo eo.

Mbola eo koa ny afitsok'ireo fositra mpanimba ny voly: haom-bary, voronkely, olitra isan-karazany, voalavo; sy ahi-dratsy maro. Miady amin'ireo fahavalom-pambolena ireo ihany ny tantsaha, fa eo ihany koa ny tsy fahampiana eo amin'ny ara-bola izay tsy ahafaha-manoatra.

### III.3.2- Ny fiompiana

Mbola tsy ampy ny fikarakarana ireo biby fiompy eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana. Samy voakasika amin'izany na ny akoho amam-borona, na ny omby ary ny kisoa.

Ny barika no tena mamely ny akoho, miseho in-droa izany ao anatin'ny taona dia ny volana feboroary sy ny volana jolay. Mandripaka ny fiompiana tokoa io aretina io rehefa miseho.

Ny saribao sy ny besoroka indray no mpahazo ny omby. Mora mifindra ny aretina, noho ny tsy fisian'ny fitsaboana.

Ny pesita kosa no mandripaka ny kisoa.

Marihina moa fa tsy misy dokoteram-biby ao amin'ny kaominina, ka rehefa mitranga ny aretina vao samy miaro ny azy ireo mponina, izany hoe: samy mamaha ny tahiriny tsy hivoaka, ary mitandrina amin'ny fividianana hena, na akoho eny an-tsena amin'ny fotoana isehoan'ny aretina. Tsy misy ny fiarovana mialoha tsy hitrangan'ny aretina.

### III.3.3- <u>Ny tsy fandriampahalemana</u>

Raha ny tsy fandriampahalemana no jerena, anisan'ny tanàna tsy milamina ny ao amin'ny faritry ny kaominina ambanivohitra Ambohijanahary, (hoy ny tompona andraikitra tao amin'ny zandary). Nisongadina izany ny taona 2003 ka hatramin'ny taona 2005. Nisy fiakarany mantsy ny vokatra tamin'ireo taona nifanesy ireo ka nanam-bola ny tantsaha.

Hita amin'izany asa ratsy izany:

- fandrobana
- ny dahalo .

-Ny fandrobana; mandroba: maka an-keriny[45] ; olona maka an-keriny fananan'olona: vary, fitaovana an-tokantrano, fitaovam-pamokarana, tahiry sarobidy…; mampiasa fitaovana mahery vaika ireo mpandroba amin'izany: antsy, benitra, basy…

-Ny dahalo : *"ny dahalo dia jiolahy tafatambatra hamely sy handroba"*[46]. Fahita matetika moa ny fandravana tanàna ka itondran'izy ireo ny omby tahiry.

---

[45] RAJEMISA RAOLISON, *Rakibolana*, Ambozontany Fianarantsoa, 1985, « *Mandroba : maka ankeriny, dahalo : jiolahy tafatambatra handroba* ».

[46] RAJEMISA RAOLISON, *Rakibolana*, Ambozontany Fianarantsoa, 1985, *« Mandroba : maka an-keriny, dahalo : jiolahy tafatambatra handroba»*.

**Fehin'ny toko fahatelo**

Ny tsy fahafehezana ny famolahana ny tontolo manodidina, ny tsy fahalavorarian'ny lafim-piainana na sôsialy na ara-toe-karena no anisan'ny olana atrehin'ny kaominina. Rehefa dinihina dia ny fahantrana ara-pahalalana sy materialy no fototr'izany. Manampy trotraka ny afitsoky ny tsy mataho-tody eo amin'ny fandrobana amin'izay nisasaran'ny hafa.

**FAMINTINANA NY FIZARANA VOALOHANY**

Kaominina amin'ny tapany avaratra ao amin'ny Disitirikan'Amparafaravola Ambohijanahary. Amin'ny ankapobeny dia lemaka ny faritry ny kaominina. Fokontany 22 no mandrafitra azy, eo anelanelan'ny 1 ka hatramin'ny 45 km ny halaviran'izy ireo miala ny renivohitry ny kaominina. Ahitana mponina miisa 222 708 manerana ny kaominina. Mifangaro ao amin'ny kaominina ny tontolo nentin-drazana ary ny fomba amam-panao nentin'ny vahiny.

Tahaka ny fahita amin'ny faritra maro, manana ny asa ifotorany ny mponina. Ao ihany koa ireo asa fivelomana fanampiny samihafa; enti-manatevina ny fiharin-karena ary indrindra enti-manohitra ny fahantrana. Efa maro ireo tetikasa nandalo tao amin'ny kaominina, nisandrahaka tamin'ny sehatry ny ara-toe-karena, sôsialy, ary ny tontolo iainana. Manamarina ny fandalovan'izany tetikasa izany ny fijoroan'ireo foto-drafitrasa.

Miatrika olana samihafa ny kaominina Ambohijanahary. Miangona ao amin'ny renivohitry ny kaominina sy ny fokontany manakaiky azy ireo foto-drafitrasa maro, ny halavirana sy ny tsy fisian'ny lalana mankany amin'ireo fokontany sasany dia mampisy elanelana eo amin'ny fahafahan'ny mponina mandray ireo asa fampandrosoana ampidirina. Ny fahamaroan'ny asa aman-draharaha fanaon'ireo ray aman-dreny sy ny fahasahiranana ara-pivelomana miampy ny tsy fahampian'ny mpampianatra sy ny sekoly ary ny fifanindrian'ny taom-pianarana amin'ny taom-pambolena dia tsy mahalavorary ny fianaran'ny ankizy. Tsy mahavita taona ny vokatry ny fambolena izay sady miantoka ny sakafo, no mampidi-bola ka iainan'ny ankamaroan'ny mponina ao anaty fotoan-tsarotra mandritra ny fahavaratra.

Misy ihany koa ny olana atrehin'ny kaominina, na eo amin'ny sôsialy na ara-toe-karena. Izany moa dia vokatry ny tsy fahampiana eo amin'ny lafiny materialy.

## FIZARANA FAHAROA:

## FAMPAHAFANTARANA NY TETIKASA:

## NY MOMBA NY PSDR, NY FIKAMBANANA NANAOVANA FANADIHADIANA ARY NY FIARAHA-MIASAN'NY PSDR SY NY FIKAMBANAN'NY TANTSAHA AO AMIN'NY KAOMININA AMBOHIJANAHARY

# I. FAMPAHAFANTARANA NY PSDR

## I.1- Fampahafantarana ankapobeny

Ny tetikasa tantsoroka ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra na vahaolam-pamokarana ho an'ny tantsaha no tondroina amin'ny fanafohezan-teny PSDR (Projet de Soutien au Développement Rural). Anisan'ireo fandaharana asa nankatoavin'ny Banky Iraisam-Pirenena. Nentin'ny Fanjakana Malagasy hanatanterahana ny drafitra ho fampandrosoana ny eny ambanivohitra PADR (Plan d'Action de Développement Rural) ny tetikasa. Ny vondrona mahazo tombontsoa dia mandray anjara amin'ny tetikasa.

Ny volana sepitambira 2001 no nanombohan'ny tetikasa ary voalaza fa hifarana ny volana jona taona 2007 izao. Ao Anosimasina Itaosy Antananarivo no misy ny foibe Nasiônaly UNEP (Unité National d'Exécution du Projet), ary misy ireo rantsa-mangaika UPEP (Unité Provinciale d'Exécution du Projet) isaky ny faritany.


Marihina fa ny atao hoe ''vondrona mpahazo tombontsoa'' eto dia ny fikambanana tantsaha mahazo fanampiana, ny ONG, izay azo lazaina amin'ny ankapobeny koa fa iharan'ny vokadratsin'ny fampandrosoana. Hoy i Cernea Michael : *"Ny "vondrona mpahazo tombontsoa" dia efa neritreretina tamin'ny famoronana ny tetikasa. Araka izany, ilaina indrindra ny famantarana ny vondrona olona lasitra sy mpahazo tombontsoa izay samy iharan'ny voka-dratsin'ny fampandrosoana".*[32]

[32] CERNEA MICHAEL, *La dimension humaine dans les projets de développement. Les variables sociologiques et culturelles*, Edition KARTHALA, 1998, *« … la notion de « groupe cible » (…) était prise en considération dans l'élaboration des stratégies de projets, de ce fait, il devenait nécessaire de définir les concepts de groupe cible d'acteur social et de bénéficiaire (et parfois victime) du développement ».*

**I.2- <u>Ny rafi-pitatanana eo anivon'ny  PSDR</u>**

Miainga eo amin'ny Minisitera tompona andraikitra MAEP (Ministère d'Agriculture, d'Elevage et de la Pêche) toy izao manaraka izao ny rafi-pitantanana misy ao amin'ny  PSDR.

Ny rafi-pitantanan'ny PSDR:




<u>Loharano</u>: PSDR, Anosimasina Itaosy-Antananarivo, mey 2006

Mba hahamora ny fitantanan-draharaha eo anivon'ny PSDR dia misy ny rafi-pitantanana eo anivon'ny foibe Nasiônaly UNEP (Unité National  d'Exécution du Projet) sy ny masoivoho isam-paritany. Maro ireo tompona andraikitra isan-karazany sy ireo tekinisianina samihafa ao amin'ireo rafitra isan-tsokajiny ireo.

### I.3- Ny andraikitra sy ny tanjon'ny PSDR

Andraikitra goavana no sahanin'ny PSDR eo amin'ny sehatry ny fampandrosoana eto Madagasikara, ireto avy izany :

- Fanatsarana ny famokarana :
  - fanajariana ny lemaka,
  - asa fitarihan-drano amin'ny fambolena ,
  - fanorenana trano fitehirizam-bokatra ,
- Asa fambolena sy fiompiana ary jono, izay kendrena mba ho afaka hamaha olana eo amin'ny tsy fahampian'ny vokatra amin'ny alalan'ny fanatsarana ny tekinika sy ny fitaovam-pamokarana eo amin'ny mpamboly madinika :
  - fambolena isan-karazany, indrindra ny voly fanondrana ;
  - fiompiana isan-karazany, toy ny tantely, trondro, fanatavesana omby,...
  - fikarakarana ny fanodinana sy fitahirizana ireo vokatra ;
  - famokarana ilo avy amin'ny zavamaniry.
- Asa tanana isan-karazany :
  - sary sokitra, zaitra ;
  - fandrafetana hazo ;
  - fanaovana fitaovam-pamokarana ;
  - fanamboarana fitaovana fanaovan-trano ;
- Fiarovana ny tontolo iainana : fampihenana ny fahantrana eny ambanivohitra amin'ny alalan'ny fametrahana tetikasa famokarana mampidi-bola izay mikajy hatrany ny tontolo iainana.
- Fampiroboroboana ireo fivondronan'ny mpamokatra sy ny fikambanam-bondron'olona : fananganana drafi-pampandrosoana isan-tanàna, na isaky ny kaominina antsoina hoe PCD (Plan Communal de Développement).

### I.4- **Ireo fepetra takina**

Misy roa ireo fepetra takin'ny PSDR : misy ny ho an'ny tetikasa, ary misy ho an'ireo fikambanana nahazo fanampiana.

#### I.4.1- **Fepetra ho an'ny tetikasa**

Tsy olon-tokana no iarahan'ny PSDR miasa fa vondron'olona. Araka izany, ny tantsaha vonona amin'ny fiaraha -miasa dia mivondrona anaty fikambanana mijoro ara-panjakana; araka ny lalàna 60-133, didim-panjakana laharana 2002-027.

Ho an'ny foto-drafitrasa : iombonana ny tetikasa mba hanasoavana vohitra na faritra na tanàna iray ka iarahan'ny tantsaha 30 tafo raha vitsy indrindra izany. Ny tetikasa dia voatokana ho an'ny tantsaha ka izay voafaritra ao anatin'ny drafitra fampandrosoana ny kaominina PCD sy ny faritra PRDR no tanterahina. Anjaran'ny fikambanana tsirairay ny mitady lalam-barotra amin'izay zavatra novokarina.

#### I.4.2- **Ho an'ny fikambanana**

Tsy mandray fanampiana fotsiny akory ny fikambanana, fa misy koa ny fandraisana anjaran'izy ireo araka ireto fepetra manaraka ireto :

- Ny vondrona tantsaha nahazo fanampiana dia mandray anjara dimy ambin'ny folo (15%) isan-jaton'ny tetikasa fara fahakeliny. Izany dia tsy mifidy na lelavola na akora na herin-tsandry, araka izay ifanarahana amin'ny ''mpitao raharaha'' na ''partenaires stratégiques''.
- Ampifamatorana amin'ny fampiroboroboana ny famokarana ny fampandrosoana ny fikambanana, anisan'izany ny fananganana ny tahiry iombonana entina amin'ny fanitarana ny tetikasa, fitadiavana loharanom-bola hafa hanatevenana ny tahiry, fahaizana mamaky teny sy manoratra, fanatsarana ny lafiny ara-pahasalamana ho an'ny mpiara-belona ary ampandraisana anjara ny vehivavy sy ny tanora.

### I.5- Ireo tetikasa vatsin'ny PSDR vola

Misy sokajiny telo ireo sehatra vatsin'ny PSDR vola. Toy izao no nanasokajiany azy:

- Tetikasa A1 ;
- Tetikasa A2 ;
- Tetikasa A3 ;

*Tetikasa A1 :*

Fanatsarana na fanamboarana ireo fotodrafitrasa hanatsarana ny fambolena sy fiompiana, hita ao anatin'izany : tohodrano, toby fitahirizam-bokatra, toby fanodinana vokatra (fanodinana menaka, fitotoam-bary, fanodinana ronono) toerana famonoam-biby ary valam-bakisiny.

*Tetikasa A2 :*

Fanatsarana ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono, ohatra : voly voninkazo, sakay ; fiompiana : akoho manatody lava, omby vavy be ronono ary famokarana zana-trondro.

*Tetikasa A3 :*

Fanatsarana ny taozavatra : rary, tefy, zaitra; fananganana drafi-pampandrosoana isan-tanàna sy isam-bohitra.

### I.6- Ny fomba fiasa

Ny andiany UNEP no tompona andraikitra amin'ny fanatanterahana ny tetikasa PSDR eo anivon'ny Firenena ary ny andiam-paritra UPEP no tompona andraikitra isam-paritany araka izay efa hita teo aloha. Toy izao no fizotran'ny fomba fiasa : manao tolotra asa ny PSDR, mamaly ary mandray izany izay fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana (ONG : Organisation Non Gouverementales) vonona amin'ny fanatanterahana ny asa, araka ny hoe : *"Hita amin'ireo sehatrasa antsoina hoe fampandrosoana ny fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana"*.[79]

---

[79]Riaka, 1995, *Le Développement A à Z*, Société Malgache d'Edition Antananarivo, tak 117, « *Les ONG (Organisations Non Gouvernementales) ont présentés sur tout le champ de ce qu'il est convenu d'arrêté le développement* »

Atao ny fifanaraham-piaraha-miasa ka rehefa vita izany dia miroso amin'ny famatsiana ny PSDR. Toy izao no itateran'ny Banky Iraisam-Pirenena izany : *"Amin'ny fanatanterahana ireo zanaka tetikasa, ny PSDR dia mampiasa ny fifanaraham-piaraha-miasa amin'ireo antsoina hoe : "matihanina", eny anivon'ny faritra isanisany iasany".*[49]

Ny fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana antsoina ihany koa hoe ''mpitao raharaha'' no voalaza ho ''partenaires stratégiques''.

Maro tokoa ireo mpitao raharaha iarahan'ny PSDR miasa manerana an'ny Madagasikara. Hoy ihany ny Banky Iraisam-Pirenena : *"Ny tetikasa dia niantso mpitao raharaha 72 amin'ny fampandehanana ireo zanaka tetikasa".*[50]

---

[49]Banque mondiale, *Ensemble réduire la pauvreté à Madagascar*, 2003-2004, tak 20 : « *Pour le suivi et la mise en œuvre de ce sous- projets d'investis ment productifs, le PSDR utilise les services de partenaires dit « stratégiques » au niveau des zones d'orientation ».*

[50] Banque mondiale, *Boky efa voatanisa teo aloha, tak 30, « Le projet à fait appel à 72 Partenaires Stratégiques dans la mise en œuvre de sous projets* (…) ».

**Fehiny :**

Ny PSDR dia tetikasa misahana ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra izay miara-miasa amin'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny jono. Manerana ny Nosy no anatanterahana ny tetikasa ka ireo masoivoho isam-paritany no miandraikitra ny any amin'ny faritany isanisany. (Mbola ny rafitra faritany no nampiasaina tany amin'ny fiandohan'ny tetikasa, ka dia mbola notazonina eto izany).

Maro ny sehatra vatsiny vola, indrindra fa ireo mahakasika ny fanatsarana ny vokatra eny ambanivohitra: na fambolena na fiompiana na asa tanana. Misy ireo fepetra takina amin'ny fanatanterahana ny tetikasa: fivondronana anaty fikambanana, tantsaha eny ambanivohitra ary mitady lalam-barotra amin'izay vokatra novokariny sy ho an'ireo fikambanana.

Teny midina no nampitana ny fepetra ho an'ireo tantsaha. Miteraka olana izany raha tsy hijery afa-tsy ny lalam-barotra ho an'ireo mpamokatra.

Ireo fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana miara-miasa amin'ny PSDR no manatanteraka ny fanaraha-maso sy ny fampandehanana ny asa.

**SARY MIKASIKA NY FIKAMBANANA**



Fambolem-bary nataon'ny mpikambana iray.




Toeram-piasan'ny mpanefy

## II. MOMBAMOMBA NY FIKAMBANANA

Maro ireo fikambanana tantsaha niorina tao Ambohijanahary tamin’ny fiaraha-miasa tamin’ny PSDR. Tsy voatety tsirairay anefa ireo fikambanana rehetra tamin’ny fotoana nanaovana fanadihadiana ka ireto hotanisaina ireto ireo fikambanana nohatonina.

### II.1- Ireo fikambanana nanaovana fanadihadiana

#### II.1.1- Ny fikambanan’ny mpamboly

*NY fikambanana “nirina”*: Ny fikambanana ‘‘nirina’’ dia fikambanan’ny tantsaha mpamboly, novatsian’ny PSDR fitaovana. Ao amin’ny fokontany Morarano no misy azy. Dimy ambin’ny folo (15) ny isan’ireo mpikambana ka telo (03) amin’izany no vehivavy. Manana tanjona : fampivoarana ny fari-piainan’ny mpikambana ny fikambanana nirina ; misy ny birao mpanatanteraka eo amin’ny fampandehanana ny asa ka Andriamatoa RAZAKANIRINA Lucien no filohany.

*Ny fikambanana “ankohonana vonona”*. Ao amin’ny fokontany Ambohijanahary atsimo no misy ny fikambanana ‘ ‘ankohonana vonona’’. Telo ny vehivavy ao anatin’ny fikambanana izay ahitana olona dimy ambin’ny folo. Tanjon’ny fikambanana ny hiavo-tena hisian’ny fampiroboroboana ny fikambanana ; Andriamatoa SOLOFO no filoha mpitarika ny fikambanana.

*“Miara-mandroso”* ao amin’ny fokontany Bedamena no misy ny foiben’ny fikambanana ‘‘miara-mandroso’’, dimy ambin’ny folo no isan’ny mpikambana ka dimy (05) amin’izany no vehivavy. Renim-pianakaviana no mitarika ny fikambanana dia Ramatoa RAZAFIMAHEFA Myriam. Niorina ny fikambanana araka ny tenin-dRamatoa filoha ‘‘mba hahazoana fanampiana amin’ny Fanjakana’’, satria fikambanana no mahazo fanampiana.

*“Mampihavana”*. Ao amin’ny fokontany Ambohijanahary no misy ny fikambanana ‘‘mampihavana’’. Dimy ambin’ny folo no isan’ireo mpikambana ka roa (02) amin’izany no vehivavy. Tanjon’ny fikambanana ‘‘ny faharetan’ny fikambanana’’, izany hoe: hitohy foana ny asan’ny fikambanana na dia efa tapitra aza ny tetikasa.

**II.1.2 - <u>Ny fikambanan'ny mpanao asa tanana</u>**

*"Mila vola"*: Fikambanana mpanjaitra novatsian'ny PSDR fitaovana. Ao Tsarahonenana no misy ny foibeny sady toerana fiasana. Raha vao niorina ny Fikambanana dia sivy ambin'ny folo (19) ny isan'ireo mpikambana, nisy anefa ny olana teo amin'ny mpikambana sasany (ny tsy fandoavana latsa-kemboka sy fitakiana ny hizarana ny fitaovan'ny fikambanana ho an'ny mpikambana tsirairay no fototry ny olana, ka rehefa nalamin'ny mpitao raharaha izany dia ny fanesorana tsy ho mpikambana no sazy nampiharina tamin'ireo nandika lalàna). Iraika ambin'ny folo izany sisa ireo mpikambana ka vehivavy avokoa izy ireo. Ramatoa Myriam no filoha mpitarika.

*"Ombona fampitaovana ny tantsaha" (OFT)* : fikambanan'ny tantsaha novatsian'ny PSDR fitaovana, ny asa fanefena no niompanan'ny tetikasany. Ao Andandihazo no misy ny foibean'ny OFT, dimy ambin'ny folo (15) ny mpikambana ka efatra amin'izany no vehivavy. Raim-pianakaviana no mitantana ny fikambanana dia Andriamatoa RAZAFIMANDIMBY Charles.

Ireo fikambanana rehetra ireo, na ny fikambanan'ny mpamboly na ny fikambanan'ny mpanao asa tanana dia samy nahazo famatsiana ara-pitaovana avy tamin'ny PSDR; arakaraka ny sokajiny avy. Tamin'ny taona 2002 no niorenan'ireo fikambana ireo ka tsy mifidy na lehilahy na vehivavy, feno valo ambin'ny folo (18) taona ary tsy mihoatra ny ny efatra amby dimampolo (54) taona raha vehivavy ary enimpolo (60) taona raha lehilahy.

Ny fikambanana dia manao ny tahiriny ao amin'ny OTIV (Ombona Tahiry Ifampisamborana Vola) Ambohijanahary afa-tsy ny fikambanana ''mampihavana'' izay manao ny tahiriny ao amin'ny BOA (Banque of Africa) ao Tanambe. Ny indro kely amin'ny fepetran'ny PSDR dia ity: noferana ny tsy hampidirana ny zokiolona ao amin'ny fikambanana. Nambara isaky ny fanentanana koa fa andro mapitovy zo ny lehilahy sy ny vehivavy izao. Misy ihany anefa ny elanelana eo amin'ireo sokajy roa ireo: 54 no fetran'ny taonan'ny vehivavy mahazo mikambana raha 60 taona ny an'ny lehilahy. Marihina anefa fa mbola mamelon-tena sy ankohonana koa ireny zokiolona ireny; mbola manao izay ho afany hanoherana ny hasarotry ny fiainana. Ny toe-javatra

toy izany dia fanilihana ny zokiolona ary fanasokajiana azy ireo ho enta-mavesatra eo amin'ny fiarahamonina. Azo lazaina, araka izany, fa atao an-kilabao ny kolontsaina malagasy izay manome toerana ambony ny zokiolona.

Tany am-piandohana dia tantsaha folo fara fahakeliny no ao anatin'ny fikambanana iray. Ankehitriny dia dimy ambin'ny folo no azo ekena. Ny anton'izany dia mba hampitomboana ny isan'ireo fianakaviana hahita tombony amin'ny fikambanana.

### II.1.3- <u>Ireo tompona andraikitra</u>

Ireo olona nitarika tamin'ny fanorenana ny fikambanana no lasa filohan'ny fikambanana taty aoriana. Hojerana manaraka eto ny andraikitr'izy ireo eo amin'ny fiarahamonina misy azy.

**Fafana 10** : Andraikitr'ireo filohan'ny fikambanana eo amin'ny fiarahamonina

| FILOHA | FIKAMBANANA | ANDRAIKITRA |
|---|---|---|
| RAZAKANIRINA Lucien (47 taona) | NIRINA | Mpiasan'ny SOMALAC teo aloha, efa avy filohan'ny fokontany. Amin'izao fotoana izao dia manao ny asa fambolena. |
| SOLOFO (36 taona) | ANKOHONANA VONONA | Mpamboly, mpanentana tao amin'ny NAC (Nutrition Assise Communautaire). Anisan'ny mpikambana ao amin'ny biraon'ny FRAM ao amin'ny EF Morarano |
| RAZAFIMAHEFA Myriam (34 taona) | MIARA-MANDROSO | Mpamboly, renim-pianakaviana, mpikambana ao amin'ny vokovoko mena |
| DIMBIARIMANANA Victorien (45 taona) | MAMPIH1AVANA | Mpanolotsaina ara-pitantanana amin'ny faritany ao amin'ny MPE (Maison de Petit Elevage) sady mpamboly |
| RAZAFIMANDIMBY Charles | OFT | Mpanefy |
| MYRIAM | MILA VOLA | Mpampianatra zaitra, mpitarika ao amin'ny fiangonana Rainisoalambo Tsarahonenana |

Loharano : Ny mpikaroka

Noho ireo anjara toerana efa notantanan'ireo filoha tsirairay ireo teo amin'ny fiarahamonina dia nanana fahasahiana izy ireo handresy lahatra sy hitarika olona hamaly ny fanentanan'ny PSDR.

Marihina fa misy rafitra telo ao anatin'ny fikambanana dia ny :

Fivoriam-be

⇓

Birao mpanatanteraka

⇓

Mpikambana

### II.2- <u>Ny naharesy lahatra ny tantsaha hanangana fikambanana</u>

*"Ny 85% n'ny tantsaha eny ambanivohitra, araka ny voalaza dia mahantra"*[51]. Ao amin'ny tantsaha no tena misongadina izany fahantrana izany. I VALETTE Jean aza dia nilaza fa: *« Tsy misy olona mahantra sy sahiran-dava (…) kely harena tsy ampy vola tahaka ny tantsaha eny ambanivohitra"*[52]. Izany fahantrana izany miampy ny adidy amin'ny maha olona no antony nanosika ny tantsaha hanaiky ny asa fampandrosoana. Tsy afaka amin'ny fiainan'ny Malagasy amin'ny ankapobeny tokoa mantsy ny adidy eo amin'ny fiarahamonina, ary tsy afaka mampandefitra izany ny tantsaha. Hita amin'ireny ny fahoriana sy ny fahasoavana. Manampy izany koa ny fandaniana tsy maintsy atao toy ny sakafo, kojakojan-tokantrano, sy ny fanafody, ny fitaovam-pianarana, ny fitaovam-pamokarana. Ireny no manakorontana ny lamina efa napetraka mialoha. Eo ihany koa ny olana sedrain'ny tantsaha amin'ny tsy fahampian'ny

[51] DSRP, 2003, *« La pauvreté touche 85% de la population rurale »*, tak17
[52] VALETTE Jean, 1930, *Agriculture Malgache*, tak 12

fitaovam-pamokarana. *“Ny fananganana fikambanana, hoy ny mpikambana dia tetika ahazoan’ny tantsaha tombontsoa amin’ny rafi-pampandrosoana”.*[53]

### II.3- Ireo sokajin’olona ao anaty fikambanana

Rehefa tafiditra tao amin’ny kaominina ambanivohitra Ambohijanahary ny tetikasa PSDR dia niroso tamin’ny fidirana ho mpikambana ny mponina; 6.5% n’ny mponina no nanangana fikambanana ho amin’ny fiaraha-miasa. Hita fa vitsy izany raha mihoatra amin’ny isan’ny mponina amin’ny ankapobeny. Mba hahafantarana bebe kokoa ny mikasika ny fikambanana dia hojerena ireo sokajin’olona ao anaty fikambanana.

#### II.3.1- Ny sokajy ara-pirazanana

Tamin’ny fanadihadiana tany an-toerana ka nifampiresahana tamin’ireo mpikambana no nahatsapana fa samy ao anaty fikambanana na ny mpiavy na ny tompontany. Raha atao kajikajy, ny salanisa dia manome 40% amin’ireo mpikambana no mpiavy ary 60% amin’ireo tompontany. Hita araka izany, fa ny tompontany no mahazo vahana amin’ireo fikambanana tantsaha PSDR. Tsy mahagaga izany, satria ny tompontany no maro an’isa ao an-toerana.

Fikambanana vitsivitsy ihany no ahitana fifangaroana, dia ny fikambanan’ny mpanao asa tanana izany. Samy manana ireo fikambanany ireo sokajy roa ireo: mpiavy, tompontany. Ny antony, noho ny ankamaroan’ny olona efa nanao ny asam-pambolena amin’ny maha asa fivelomana fototra azy. Raha vao nisy ny fanentanana nataon’ny PSDR tany an-toerana dia samy nanangona ny fianakaviany avy ireo nitarika ny fikambanana. Nahitana fifangaroana ara-piaviana kosa teo amin’ny asa tanana , satria anisan’ny fivelomana fanampiny ny asa tanana ka nanangona olona tetsy sy teroa izay vonona tamin’izany ireo mpitarika, izay no nahatonga ny karazan’olona avy amin’ny fiaviana samihafa tao amin’ny fikambanana.

---

[53] Etienne BEADOUX, *Groupements paysans d’Afrique*, *1985, « Le groupement est parfois un moyen pour les paysans de bénéficier de certains avantages proposés par des structures de développement »*, tak 44

**II.3.2- Ny sokajy ara-toe-karena**

Amin'ny ankapobeny, ireo olona efa ampy fitaovana dia tsy marisika loatra amin'ny fidirana ho mpikambana. Hita, araka izany, fa ny ankamaroan'ny olona ao anaty fikambanana dia saika olona antonontonony ara-pivelomana avokoa, izany hoe: ireo olona manan-trano, tanimbary 1ha, ka hatramin'ny 2ha, omby efatra. Raha 1500 ny isan'ireo mpikambana izay ahitana fikambanana 100 amin'ny ankapobeny ny 80% amin'ireo saika olona antonontonony ara-pivelomana, ary ny 15% no tsy manana na mahantra, izany hoe : ireo olona mifototra amin'ny fikaramana isan'andro ary mividy vary mandavan-taona. Tsy dia hita ao anaty fikambanana kosa ireo olona manana. (5% ny salanisan'izy ireo), izany hoe : ireo manana vary mahavita taona, sy manana vary natokana hamidy, miasa tany 20ha ka hatramin'ny 50ha, manana tirakitera, trano lehibe sy fiarakodia. Marihina fa ireo tondrom-pamantarana ireo dia vokatry ny fanasokajian'ny mponina ao Ambohijanahary. Ny DSRP nivoaka tamin'ny taona 2003 kosa namaritra ny fahantrana araka ny vola miditra amin'ny isam-batan'olona, araka ny hoe : *"tamin'ny taona 2003 ny fetra farany ambany amin'ny fahantrana ara-bola eto Madagasikara dia tombanana ho eo amin'ny 988.000 Ia isan-taona ny isam-batan'olona izay manome ny salanisan'ny Malagasy 69,6%".*[54]

Izay no anasokajian'ny mponina ao Ambohijanahary ny fari-piainan'ny ankohonana ao aminy fa ny *Projet Terre* tany tao Ampahitrizina, Antananarivo ihany koa dia manana ny fanasokajiany ny fari-piainan'ny ankohonana isan-tokantrano. Nozarainy ho efatra izany : dia ny tokantrano tena mahantra, ny antonontonony, ary ny manan-karena : *"Ireo tokantrano "mahantra" dia mikaroka isan'andro ny sakafo hohanina, mirotsaka toy ny mpikarama ka tsy ahavitany miasa ny taniny izany, mividy vary mandritra ny taona".*

*"Ireo sokajy faharoa (mahantra sy antonontonony) izay manana velaran-tany volena, saingy voafetra. Manana omby iray, mividy vary hatramin'ny 9 volana ao anatin'ny taona, mampiasa na tsia ny volany amin'ny fambolena*

[54] DSRP, mey 2003, *Tahin-kevitra paikady ho fampihenana ny fahantrana*, TPTT, tak XIII

*.Ny vola azony amin'izany dia arotsany amin'ny fividianam-bary."*[55]

Banque Mondiale, 1996, *Madagascar, évaluation de la pauvreté: « Ny mpanankarena indray dia manana tanimbary midadasika sy tanety, mampaka mpikarama tsy tapaka mandritra ny taona, mividy vary amin'ny fotoana fiakarany sy mitahiry ny vokatra, manana omby hatramin'ny 10 ka telo aman'efatra miasa ary ny roa amana dimy mitarika sarety (…), ny trano lehibe misy lavarangana sy gorodona ary vita amin'ny simenitra »*[56].

---

[55] Projet Terre-Tany, 1994-1995, *Terroirs Ressources, spécial hautes terres centrales*, vol n°02 GIUB, FOFIFA, tak 07 *« (…) Les ménages les « plus pauvres » cherchent au jour le jour leur nourriture, s'engagent comme salariés ou détriment de travail de leurs propres champs, achètent du riz toute l'année ».*

[56] Banque Mondial, *Evaluation de la pauvreté*, 1996, *« La quatrième est celle des ménages riches : ils possèdent des très grandes surfaces des rizières et de tanety, engagent des salaires en permanence toute l'année, achètent du riz à la récolte et stockent leur production, possèdent jusqu'à dix têtes de bœufs dont 3 à 4 bœufs de travail, a 2 à 5 charrettes, sont aussi propriétaires (…) de grandes maisons d'habitation avec véranda et plancher en ciment ».*

**Fehiny :**

Fikambanana maro no novatsian'ny PSDR fitaovana tao amin'ny kaominina Ambohijanahary. Tao ireo fikambanana nifototra tamin'ny asa fambolena ary asa tanana. Efa nanana ny andraikiny teo anivon'ny fiarahamonina avy ireo mpitarika ny fikambanana. Maro ny antony naharesy lahatra ny tantsaha hiditra ho mpikambana ankoatra ny adidy isan-karazany eo amin'ny fiaianana, eo ihany koa ny fisahanana ireo adidy samihafa izay manakorontana ny lamina efa napetraka mialoha. Sokajin'olona samihafa hita ao amin'ny fiarahamonina no mivondrona ao amin'ny fikambanana na ara-pirazanana izany na ara-toe-karena.

## III. NY FIARAHA-MIASAN'NY PSDR SY NY FIKAMBANAN'NY TANTSAHA AO AMIN'NY KAOMININA AMBANIVOHITRA AMBOHIJANAHARY

### III.1. Fampahafantarana ny tetikasa

Zava-baovao nampidirina teo anivon'ny kaominina ny tetikasa PSDR. Misy araka izany, ny fampahafantarana ny fidiran'izany tamin'ny mponina tao amin'ny kaominina. Anisan'ny nampahafantatra ny fisiany ny ONG efa nanaiky hiara-hiasa taminy, ohatra ny SAF/FJKM (Sampana Asa Fampandrosoan'ny Fiangonana Jesosy Kristy eto Madagasikara), Amparafaravola, KEINZEN Antananarivo ; manampy ireo ny MPE ary nisy koa ny fampielezana raki-tsoratra nataon'ny PSDR teny anivon'ny tsenabe.

#### III.1.1- Fijerena ifotony ny toerana

Rehefa aravona ireo fanadihadiana natao teny anivon'ireo fikambanana tsy miankina, toy izao no azo amintinana azy. Rehefa vonona tamin'ny fanatanterahana ny tetikasa ireo ONG dia nidina tany amin'ny kaominina nanao fanadihadiana, izany dia nampandraisana anjara ireo olom-boafidy isan-tokony teo anivon'ny fokontany sy ny kaominina ary ny mponina hahafantatra bebe kokoa ny tetikasa azo tanterahina eo amin'ilay kaominina. Toy izao no itateran'ny PSDR izany : *"Tamin'ny alalan'ny fanadihadiana nampandraisana anjara ny mponina no nametrahana ny tetikasa. Izany dia mba hahafantarana ny zavatra tena ilain'ny vondrona ary hahafahana manao fangatahana amin'ny tetikasam-pamokarana".*[81]

Nisy ihany koa ny fampahalalana nataon'ny MPE tamin'ireo fikambanana tantsaha mpiompy (akoho manatody lava) efa niara-niasa taminy. Ireo tompona andraikitra tao amin'ny MPE no nampirisika ireo tantsaha mpiompy hiditra ho amin'ny

[81]PSDR, *Manuel d'exécution*, Tome I, p.11, *« Le projet étant une collaboration étroite avec le développement communautaire œuvre dans l'établissement des plans de développement à partir d'une évaluation rurale participative. Ces plans doivent permettre d'identifier les besoins prioritaires des communautés et de faire émerger les demandes potentielles en projets productifs ».*

fikambanana PSDR; mba hahazoany fanampiana hahafahany manao fanitarana. Na teo aza ireo fomba samihafa ireo, tsy diso anjara tamin'ny fampahafantarana koa ny PSDR tamin'ny alalan'ny fampielezana ireo raki-tsoratra rehefa misy ny tsenabe.

### III.1.2- <u>Fanatonana ny mponina</u>

Rehefa fantatra tamin'ny ankapobeny àry ny fiainan'ny mponina tao amin'ny faritry ny kaominina dia niroso ny fivoriam-pokonolona teny anivon'ny fokontany isanisany, tao anatin'izany fivoriana izany no nanambarana ny fisian'ny tetikasa PSDR, ny tombony ho azon'ny tantsaha amin'ny tetikasa ary ireo izay vonona amin'ny famatsiana.

## III.2- <u>Dingana arahina amin'ny fahazoana ny fanampiana</u>

Misy ireo dingana arahina amin'ny fahazoana ny fanampiana:

-Manao fangatahana an-taratasy famatsiam-bola ho an'ny tetikasa ireo fikambanana tantsaha.

-Ampandalovina eny anivon'ny kaominina ny taratasy fangatahana ka asiana ny fankatoavan'ny Ben'ny tanàna ary apetraky ny mpitao raharaha eny amin'ny Masoivohom-paritry ny PSDR (UPEP).

-Manao fanivanana ireo tetikasa azo vatsiana vola/fitaovana ny PSDR.

-Manao fitsirihana ifotony ny tetikasa ireo tekinisianina miara-miasa amin'ny PSDR ka raha tsy mifanaraka amin'izay neritreretiny ny tetikasa dia iverenana dinihina sy volavolaina miaraka amin'ireo tantsaha.Tsy hisy vokatra ho azo tokoa mantsy raha tsy niainga avy eny amin'ny tantsaha sy mamaly ny hetahetany ny zavatra aroso aminy.

Toy izao no iteteran'ny Direction de la Vulgarisation izany :

*"… raha tsy mifanandrify amin'ny ilain'ny tantsaha sy mamaly ny hetahetany ny tetikasa aroso azy ireo dia tsy hisy vokatra maharitra azo andrasana. Tsy ho*

*tanteraka anefa izany raha tsy misy ny fandraisana anjaran'izy ireo manomboka eo amin'ny fanaraha-maso".*[82]

Fanolorana ho an'ny vondron'ny tantsaha ny tetikasa rehefa nohamarinin'ny PSDR ny fahavitany. Ireo dingana notanisaina teo ireo dia nanomboka hatreo amin'ny fanaovana fangatahana an-taratasy ka miafara amin'ny fahazoan'ny tantsaha ireo fitaovana. Na tamin'ny fanadihadihana natao teny anivon'ny tompona andraikitra samihafa teo anivon'ny PSDR na tamin'ireo tahirin-kevitra novakiana dia samy nanambara fa ny zavatra tian'ny tantsaha no tanterahina eo amin'ny tetikasa. Raha jerena anefa dia ny hevitry ny mpamatsy ihany no atao, satria mbola misy ny famerenana sy fandinihana ny tetikasa novolavolain'ireo tantsaha ary hiverenana dinihina miaraka amin'ny tantsaha raha misy ny tsy mifanaraka amin'izay neritreretin'ny mpamatsy dia ny PSDR izany. Na ho inona fahaizan'ny tantsaha manoloana ny fifandresen-dahatra tsy haharesy ny tekinisianina na oviana na oviana izy ireo, hany ka lasa manaiky be fahatany ny hevitra aroso azy ireo tantsaha na fantany aza fa tsy mety aminy izany hevitra aroso izany.

### III.3- <u>Fizotran'ny fanatanterahana ny tetikasa</u>

Rehefa mivaly ireo fangatahana nataon'ireo tantsaha dia tonga eo ampelatanana ny fanampiana, miroso amin'ny fanatanterahana ny asa izy ireo.

#### III.3.1- <u>Fanapariahana haitao</u>

Ny fanapariahana haitao dia tanterahina amin'ny alalan'ny fampiofanana ampanaovin'ireo tekinisianina isan-karazany miaraka amin'ireo mpitao raharaha ary ny mpanelanelana (solo-tenan' ny mpitao raharaha eny amin'ny kaominina). Ankoatra ny fampianarana ireo tekinika vaovao nentin'ny tetikasa dia ireo mpikambana no mandefa ny hetahetany amin'izay zavatra hiofanany. Manao fangatahana eny amin'ny mpitao raharaha izy ireo amin'izany. Midika izany fa ireo mpikambana no mahatsapa ny lesoka eo amin'ny fomba famokarana ary mahalala ny fomba hanatsarana izany. Mangataka ny

---

[82] Direction de la Vulgarisation Agricole, *Paikady momba ny fanapariahana haitao ara-pambolena eto Madagasikara*, p14.

fanampian'ny tekinisianina koa izy ireo, ary tsy izany ihany fa maro ny zavatra kendrena amin'ny fanapariahana haitao, araka ny voalazan'ny Direction de la Vulgarisation agricole hoe : *« Ny kendrena amin'ny asa fanapariahana [haitao] dia tsy ny fampitana ihany amin'ireo tantsaha ny haitao hampitombo ny vokatra fa ny hanofana azy ireo ihany koa mba hahaizany hamantatra ireo sakana na tombondahiny misy eo amin'ny fiainana mba hahafahany mamaritra mazava ny filana ary hikarohany ala olana sahaza ny toe-javatra iainany ».*[83]

Ny fomba fampitana haitao dia nitovian'ireo fikambanana, samy manana ny azy arakaraka ny sokajy misy. Nalefa isaky ny fikambanana izany fanofanana izany mba hisian'ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny mpampiofana sy ny ofanina.

Ny mpamboly dia nahazo fanofanana manokana teo amin'ny fitondrana kibôtà ka ny Minisiteran'ny Fambolena no tompona andraikitra tamin'izany fampiofanana izany.

### III.3.2- <u>Fanaovana tatitra</u>

Eo amin'ny fiaraha-miasan'ny tantsaha sy ny tetikasa PSDR dia nisy ireo tatitra atao, karazany roa izany :

-tatitra atao isaky ny roa (02) volana izay ataon'ny mpanelanelana ; tatitra tekinika amin'ny manam-pahaizana amin'ny fanarahana toromarika sy fanaovana tombana, izany dia alefa any amin'ny UPEP, ampiarahina amin'izany koa ny antsipirihany mikasika ny fandrosoan'ny fanatanterahana ny asa ary ny vokatra azo ;

-tatitra isam-bolana : tatitra tsotra mikasika ny fanarahana ankapobeny ny tetikasa sy manome vinavinana asa atao amin'ny telo (03) volana manaraka.

[83] Direction de le Vulgarisation agricole, *Paikady momba ny fanapariahana haitao ara-pambolena eto Madagasikara, tak 02.*

### III.4- Ny fandehan'ny famatsiana

#### III.4.1- Ny fitatanam-bola

Ny vola famatsiana dia tsy mivantana avy hatrany any amin'ny tantsaha, fa alefan'ny PSDR ao amin'ny kaontin'ny mpitao raharaha (ONG), araka ny voalaza hoe: *"Amin'ny alalan'ny fanelanelanan'ireo ONG no ahatongavan'ny fanampiana any amin'ny fikambanana"*.[84]

Mivoaka ny fanampiana rehefa nankatoavina ny vinavinam-pandaniam-bola mikasika ireo tetikasa.

Alefan'ny PSDR any amin'ny kaontin'ny vondron'olona nahazo famatsiana ao amin'ny tranom-bolany ny vola mifanandrify amin'ny tetikasa hotanterahina. Ireo tompon-tsonia amin'ny famoaham-bola no tomponandraikitra amin'ny fitantanana sy famoahana ny vola rehefa avy nalefan'ny mpikambana rehetra ny vinavinam-pandaniana. Ambany dia ambany ny fahefa-mividin'ireo tantsaha amin'ny ankapobeny, ka ny fahazoany fanampiana dia mamaly ny hetahetany amin'ny fitaovana entiny miasa: *"Mamaly ara-bola ny tontolo ambanivohitra dia midika ho famaliana ny filana ara-pamokarana sy ara-toe-karena ary filana sôsialy".*[85]

Marihina fa tsy maintsy eo ambany fanaraha-maso sy fankatoavan'ny mpitao raharaha izany famoaham-bola izany. Ny fanomezana vola fanampiana avy amin'ny PSDR dia mandeha ampahany araka izay ifanarahan'ny mpikambana amin'ny mpitao raharaha.

---

[84] Albert RAHARIJAONA, Mémoire de CAPEN, Ecole Normale Supérieure, Antananarivo, 1994, tak 82, *« … les aides parviennent aux communautés par les biais des ONG »*.
[85] MINAGRI, Février 1994, *Participation et Développement*, tak 46 *: « Satisfaire les besoins de financement du monde rural aussi bien des besoins productifs et économiques que les besoins sociaux ».*

### III.4.2- **Fomba famerenana**

Amin'ny vokatra azo, ny mpikambana dia manao tahiry, tsy maintsy atao izany ary arotsaka ao amin'ny kaontin'ny fikambanana mba hahazoana misahana sy manitatra ny asa. Izany dia ezahina tratrarina ao anatina fotoana voafetra. Io fomba fitahirizana io no antsoina hoe: ''tahiry mamahan-tena'' (caisse revolwing fonds).

Mizara telo (03) ny fanaovana tahiry:

- tahiry ho an'ny fitaovana ;
- tahiry ho an'ny kojakoja ;
- tahiry ho an'ny fanitarana

**Fafana 11** : Ireo karazana fitaovana azon'ny mpikambana

| Tetikasa | Fitaovana | Kojakoja |
|---|---|---|
| Fambolena | Kibôtà | Zezika, famonoana bibikely, famonoana ahidratsy, ''pulverisateur'' |
| Mpanjaitra | Milina fanjairana | Lamba, kofehy, bokotra |
| Tefy | Milina fanaovana ''soudure'' | Kilé isan-karazany, fanasana, fikikisana isan-karazany, maritoa isan-karazany |

Loharano : Ny mpikaroka

Marihina fa amin'ny tetikasam-pambolena, ny tsirairay dia samy mamerina ny sandan'ny kojakoja nalainy, arakaraka ny habetsahany avy, satria tsy mitovy ny velaran-tany hanaovana tetikasa. Ho an'ny mpanao asa tanana kosa indray, tonga dia ifanarahan'ny mpikambana amin'ny fivoriam-be ny sandan'ny vola arotsaka ao amin'ny kaontin'ny kojakoja.

### III.4.3- **Fampiasana ny tahiry**

Araka ny nolazaina teo aloha, dia mizara telo ny fanaovana tahiry ; mizara telo koa araka izany ny fampiasana ny tahiry natao :

-Ny tahiry azo tamin'ny kojakoja : hampiasaina sy hoentina mihetsika amin'ny taom-pamokarana manaraka. Amin'izany mantsy dia tsy misy intsony ny famatsiana avy amin'ny PSDR fa anjaran'ny fikambanana indray no manodina ny vokatra azo tamin'ny alalan'ny tahiry natao. Izany no tanjona amin'ilay tahiry mamahan-tena.

- Ny tahiry azo tamin'ny fitaovana kosa dia atokana amin'ny fividianana fitaovana. Araka ny vinavina mantsy, ny milina iray dia efa-taona no fetrany, ezahina hahatratra ny sandan'izany ny vola voaangona ao anatin'io fe-potoana io. Raha mahatahiry ao anatin'ny roa (02) taona moa ny mpikambana, dia tombony ho azy izany.[86]

-Ny tahiry azo tamin'ny fanitarana indray dia atokana amin'ny fanitarana ny tetikasa.

Hita, araka izany, fa tsy manome fanampiana isan-taona ny PSDR fa amin'ny fiandohan'ny tetikasa ihany. Ny taom-pamokarana sisa dia anjaran'ireo fikambanana tsirairay ny mampiasa ny tahiry izay nataon'izy ireo.

## III.5-**Fanatanterahana ny tetikasa**

Ny sokajina tetikasa $A_2$: izay ahitana ny sehatry ny fambolena sy ny tetikasa $A_3$: misy ny fanaovan-taozavatra no hita ao amin'ny kaominina Ambohijanahary; samy manana ny fomba fiasany avy ireo fikambanana ireo, arakaraka ny sokajiny avy.
Ny fomba fiasan'ireo fikambanana ireo no hojerena manaraka.

### III.5.1- **Ny sehatry ny fambolena**

Misy karazany roa ireo fikambanana ao amin'ny sehatry ny fambolena dia ny manao:

---

[86] Resaka nifanaovana tamin'Andriamatoa SAMSON Jules, mpanelanelana ao Ambohijanahary.

-ny voly vary nohatsaraina (riziculture ameliorée)

-ny voly vary tsy manaraka vanim-potoana (riziculture contre saison). Amin'ny ankapobeny dia mitovy ny fifandaminana sy ny fomba fiasan'izy ireo, fa ny fotoam-piasana no mifamadika : ny iray manomboka, ny iray mifarana.

**III.5.1.1- <u>Ny faritra anaovana ny tetikasa</u>**

Hita ao amin'ny fepetra ho an'ny tetikasa fa ny mpikambana tsirairay dia mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny zanaka tetikasa; takina amin'ireo mpikambana tsirairay araka izany ny fananana tany hanatanterahana ny asa. Ho an'ny fikambanana nisafidy ny asam-pambolena dia velaran-tany 1 hekitara fara fahakeliny ny velaran-tany ilaina.

Heverina mantsy, araka ireo toro-hevitra tao amin'ny fiofanana fa ny tany 1ha dia ahazoana vokatra ampy ankohonana iray ahitana olona 5 ka hatramin'ny 7 ao anatin'ny taona iray. Anjaran'ny tsirairay, araka izany ny mampihantra ny tekinika nampitaina taminy eo ambany fanaraha-mason'ireo mpanelanelana mba hahazoana vokatra tsara. Toy izao no itateran'ny Vulgarisation Agricole izany: *"Ny zava-kinendry (…) dia fanampiana ireo tantsaha, ny hampitomboana ny vokatry ny asam-pamokarana ataon'izy ireo eny ambanivohitra hiantoka ny sakafo ilainy mandavan-taona"*.[87]

**III.5.1.2- <u>Fampiharana ny tekinika sy fampiasana fitaovana</u>**

Ny tetikasa voly vary nohatsaraina, ahitana ny voly manaraka vanim-potoana sy ny voly tsy manaraka vanim-potoana dia fambolena vary manaraka ny tekinika nohatsaraina, izany hoe : voafantina ny masomboly, voakarakara manokana ny tany hanaovana ny tetikasa, eo ihany koa ny fampiasana manaram-penitra ireo fanafody famonoana ahi-dratsy, famonoana bibikely, zezika isan-karazany ary fampiharana ny tekinika miaro ny nofon-tany sy ny tontolo iainana. Miezaka mampihatra ireo tekinika ny mpikambana, araka izany, tsy miankina amin'ny mpanentana irery ihany ny fahatafitan'ny traikefa, fa eo koa ny fandraisana anjaran'ny tantsaha. Hoy Rakotoson

[87] Direction et Vulgarisation Agricole, Boky efa voalaza, tak 02.

Philibert : *“ Tsy (…) fanatanterahana be fahatany ny zavatra takin’ny tekinisianina fotsiny akory no ato hoe : “fandraisana andraikitatra” (…) ho vaky tratra irery ny mpanentana raha toa ka tsy eo ny fandraisana andraikitr’ireo olona entanina”*.[88]

Ny fambolena tsy manaraka vanim-potoana moa dia mbola tsy mahazatra ny mponina, ary tsy ny tanimbary rehetra koa no azo anatanterahana azy fa ireo tanimbary mora isarihana rano. Mikasika ny fampiasana fitaovana, dia misy ny fifandaminana eo amin’ny samy mpikambana. Ilaina eto ny fahaiza-mampifandrindra ny asa atao mba tsy hisian’ny fifanipahana ka hiteraka fikorontanana. Mifadimby izy ireo amin’ny fampiasana ilay fitaovana iray nomena azy ireo. Manana anjara tapaka andro ny mpikambana iray amin’izany. Raha matanjaka mantsy ny mpamily kibôtà dia mahavita vadi-bainga (labour), fandemena (herse) tany 1ha ao anatin’ny tapaka andro.

Toy izao ny fikarakarana ny voly vary nohatsaraina :

- **Fikarakarana ny vary afafy :**

Alona anaty zavatra (daba na barika) misy rano matimaty mahatratra 35°C-40°C ny vary efa mifatotra anaty kitapo, izany no hatao dia mba hahavaky vazana ny vary hafafy. Kendrena tsy hiova ny hafanana mandritra ny 24 ora. Rehefa vita izany dia aotrika 24 ora anaty mololo na ampombo na zezika ny masom-boly. Kendrena mba tsy hafana loatra mba tsy hahafaty ny tsiriny.

- **Ny taninketsa :**

Toy izao no fikarakarana ny taninketsa : maka hazo fisaka araka izay habeny ilaina. Fantsihana eo amboniny ny pilasitika asiana loadoaka kely (mba tsy hiandronan’ny rano), ka 10m² ny habeny ho an’ny tany 1ha. Potehina malemy ny tany ary afangaro amin’ny zezika kompôsita na zezi-pahitra ka tokony ho eo amin’ny 5sm ny hateviny. Afafy amin’ny andro mafana ny vary, atao fafy miparitaka manify. Tondrahana maraina sy hariva raha toa ka maina ny andro ; azo atao ny manarona bozaka eo amboniny raha mafana loatra ny andro na be ny orana. Voafetra ho 5kg ny

[88] RAKOTOSON Philibert, 23-30 novambra, 1998, *Jery sava ifandrimbonana*, Projet Germano Malgache de développement Forestier Intégré dans la Région du Vakinakaratra.

habetsahan'ny masomboly amin'ny tany 1ha. Marihina fa tsy atao ny taninketsa raha tsy efa azo antoka ny tany amindrana azy: efa vita ragiragy, efa mandeha tsara ny rano.

- **Fikarakarana ny tanimbary :**

Mifanaraka amin'ity fomba fikarakarana ny tanimbary ity ny fahazaran'ny mpamboly : ritina ny rano eny an-tanimbary manomboka eo alohan'ny fotoam-pijinjana. Mihamaina ny tany amin'izany ka mihamaina toraka izany koa ireo ahi-dratsy eny amin'ny tanimbary, izay voalaza fa anisan'ny mihinana ny tsiron'ny tany.

Ampidirana rano ny tanimbary rehefa tonga ny fotoam-piasana ; marihina moa fa ny ragiragy (labour) no atao mialoha. Rehefa vita ny ragiragy dia esorina ny rano ka averina ampidirina indray izany 4 andro alohan'ny fihosena (herse).

Indroa miantaona ny fihosena, ka ny voalohany ato hoe : ''mamakivaky herisa'' ; ny faharoa ''mandemy''. Elanelanina 4 na 5 andro izany fihosena izany mba hahazoana fotaka malemy madity. Ny zezika moa dia aparitaka eo amin'ny tanimbary mialoha ny fotoana hanetsana. Tahaka izao ny lanjany sy ny karazany hampiasaina amin'ny tany 1ha:

NPK : 7,5kg + Urée 3kg + zezi-pahitra 1 sarety.

Matetika noho ny famonjivonjena ny fotoana dia tsy voahaja io elanelana io, fa raha vao vita ny famakivakina tonga dia miroso amin'ny fandemena avy hatrany ireo mpamboly.

- **Ny fanetsana :**

Isan'izay tena manahirana ny tantsaha ny fiavotan-ketsa sy ny fanetsana. Eo amin'ny 15 ka hatramin'ny 20 andro no faharetan'ny zana-bary aketsa. Mbola malemy dia malemy tokoa izy amin'izany ka ilana fitandremana fatratra.

Antsasak'adiny aorian'ny fiavotana dia tsy maintsy aketsa ny vary; atao tsirairay manaraka refy tsara ka 20sm (santimetatra) ny elanelana ilaina.

Tsy nisy nilaza ireo mpikambana fa naharaka an-tsakany sy an-davany izany fombafomba rehetra izany, indrindra teo amin'ny elanelan'ny ketsa ka ho kely ny vokatra. Nahenany ny elanelana ka niovaova teo anelanelan'ny 15 sm ka hatramin'ny 20 sm izany.

- **Ny fihavana :**

Valo na folo andro aorian'ny fanetsana azy no avaina voalohany ny vary. Averina isaky ny 10 andro izany ka farafahakeliny in-telo avaina ny vary mandra pikibony na bevohoka. Tsy dia mila rano ity karazam-pambolena ity fa tany mandomando fotsiny dia mety hatramin'ny fahatelo volan'ny vary. Rehefa manomboka mikibo ny vary dia asiana rano tsy tapaka. Ritina indray ny rano raha vao miondrika ny salohim-bary. Teo amin'ny fitantanana ny rano no tena nanahirana ny tantsaha, satria tsy maintsy tsinjovina koa ny fiarahamonina eo amin'ny resaka rano. Na dia misy aza ireo lakan-drano eny anelanelan'ny tanimbary, raha mampiditra na mamoaka rano ny iray dia misy akony amin'ny eo akaiky foana izany.

### III.5.2- Ny sehatry ny asa tanana

Misy roa karazana ny fikambanana manao asa tanana novatsian'ny PSDR fitaovana ao amin'ny kaominina Ambohijanahary :

- ny fikambanana ''mila vola'' : manjaitra
- ny Ombona Fampitaovana ny Tantsaha OFT : manefy.

Be pitsopitsony ireo fitaovana ka sarotra ny fitantanana azy, noho izany dia atao amina toerana iray efa nifanarahan'ireo mpikambana ny toeram-piasana ka ireo fikambanana ireo dia mifanaraka fa eny amin'ny filohany no atao izany. Ao ihany koa no itahirizana ireo fitaovana.

#### III.5.2.1- Ny fikambanana "mila vola"

Ny fikambanana mila vola dia manao izay asa rehetra mikasika ny zaitra : amboradara, petakofehy (ho an'ny lambam-panaka) ary fitafiana isan-karazany. Toy ny fikambanana rehetra ihany, ny fikambanan'ny mpanjaitra dia manana ny fotoana natokany hiasana dia ny Alarobia hariva sy ny Sabotsy. Vehivavy avokoa ireo mpikambana iraika ambin'ny folo (11). Fahita eto Madagasikara tokoa fa ny ankamaroan'ireo fikambanam-behivavy eny ambanivohitra dia mifototra amin'ny fanaovana asa tanana, toy izao no itateran'ny PNUD izany: "*Ny ankamaroan'ny*

*fampidiram-bolan'ireo fikambanam-behivavy (…) eny ambanivohitra amin'ny ankapobeny dia (…) ny asa tanana".*[89]

Misy ny zaitra atao amin'ny tanana, izany hoe, ny zaitra manontolo no atao tanana. Ny fanaovana lambam-panaka no tena hita amin'izany : lambam-pandriana, lamban-databatra. Ilana fahaiza-manao tokoa ity karazana fanjairana ity, satria ny fikaliana sy ny fitandremana azy no manome ny hatsarany. Ireo vehivavy samy mpikambana no nifampianatra sy nifampizara talenta, ka tsy ela dia nahay karazan-jaitra maro ireo mpikambana (petakofehy, amboradara, pilimetia,…) noho ny fifamenoan'ny talentan'izy ireo. *"Natao hifameno koa ny talenta sy fahaizana rehetra ».*[90] Eo ihany koa ireo zaitra atao amin'ny masinina: mbola hita amin'izany ny karazana petakofehy sy ny fanjairana fitafiana.

Manao izay tratra amin'ny fanjairana ireo vehivavy mpikambana nandritra ny fotoanan'ny maitso ahitra: mbola tsy misy ny tsena amin'io fotoana io ka ny famokarana no imasohana. Raha vao manomboka miakatra kosa ny vokatra ny volana mey, manomboka ny fotoam-pivarotana hatrany amin'ny volana aogositra. Misy amin'ireo vokatra raisin'ny mpambongady, misy koa ny entina mitety amin'ny andro tsena. Misy koa ny fotoana mahabetsaka ny olona mpamandrika, amin'izay fotoana izay dia manarama olona ny fikambanana, izany hoe, mampiditra mpikarama avy any ivelany hanampy azy ireo. Hita tokoa, araka izany, fa miteraka asa ho an'ny olona ivelan'ny fikambanana koa ry zareo.

#### III.5.2.2-<u>Ny fikambanana Ombona Fampitaovana ny Tantsaha</u>

Ny fikambanana mpanefy dia manao ny asa rehetra mikasika ny tefy, indrindra fa ireo fitaovam-pamokarana toy ny angady, angadina omby, angadina tirakitera sy kibôta, fitondrana entana (remorque), ''roue à case'' ; fitaovam-pamokarana maventy no tena ataony.

---

[89] PNUD, 2003, *Rapport National sur le Développement Humain*, 2003, tak 39, *« Les associations féminines (…) en milieu rural sont dans la plupart des cas des groupements autour d'activités génératrices de revenus (…) artisanales, habillement ».*

[90] FETY Michel, *Nahoana no avondrona ho fokonolona isika ?* , Antananarivo : Edisiona Salohy, TPL, tak 39.

Isan'andro no fotoam-piasana eny amin'ny toerana efa voatokana. Mandeha tsiroaroa ny mpikambana miambin-draharaha, rehefa betsaka kosa ny famandrihana dia misy ny fiaraha-mientana. Ny azy ireo moa dia izay famandrihana tonga ihany no atao.

Misy ny fiaraha-miasa eo amin'ny fikambanana mpamboly sy ny fikambanana mpanefy : ireo fitaovam-pamokarana azo tamin'ny famatsiana : kibôtà dia ao amin'ny Ombona Fampitaovana ny Tantsaha (OFT) no anamboarana ireo kojakoja miaraka aminy, izay tsy nisy avy any amin'ny tranom-barotra ; ohatra fitondrana entana, ‘‘roue à case’’, fanaovana ragiragy. Misy izany ny fifamenoana eo amin'ireo samy mpikambana...

Tsy ireo fikambanana ireo ihany akory no mampanao fitaovam-pamokarana ao fa ny olona amin'ny faritra manodidina ; Ambatondrazaka, Amparafaravola, araka ny resaka nifanaovana tamin'ny filohan'ny fikambanana.

Tian'ny olona ny mampanao zavatra ao, satria efa mahafolaka tsara ny fampiasana ireo fitaovana nomena azy ny mpikambana. Araka izany, miantoka ny fahombiazana sy ny habetsahan'ny mpamandrika tokoa ny hatsaran'ny asa.

**Fehiny :**

Niantefa tany amin'ireo tompona andraikitry ny kaominina sy ny mponina Ambohijanahary ny fampahafantarana ny PSDR.

Lalan-tsaina narahina tamin'ny fametrahana ny tetikasa ny fampandraisana anjara ny tantsaha niainga tamin'ny famaliana ny hetahetan'izy ireo. Nitohy teo amin'ny fanatanterahana ny asa ny fandraisan'ny tantsaha anjara, niseho tamin'ny fampiharana ny tekinika nomena izany. Notakina tamin'ny fikambanana tsirairay ny fanaovana tahiry mba hahafahana manohy ny tetikasa. Samy nanana ny fomba nanatanterahany ny asany ireo fikambanana tsirairay.

**FAMINTINANA NY FIZARANA FAHAROA**

Ny tetikasa PSDR dia rafitra fampitaovana ny tantsaha, hita manerana ny ankamaroan'ny tontolo ambanivohitra eto Madagasikara. Ny tanjona dia ny ''mba hampitomboana ny fari-piainan'ny tantsaha''. Ilana fahavononana tsara ny fanatanterahana azy eo amin'ny tompona andraikitra sy ny mpikambana.

Toy ny asa fampandrosoana rehetra, ny PSDR dia nisy ny fampahafantarana azy tao amin'ny kaomininana Ambohijanahary. Ireo ONG (SAF/FJKM, KEIZEN) niara-niasa taminy na antsoina hoe mpitao raharaha no nanao ny fampahafantarana. Nahitana ireo sokajin'olona samihafa misy eo amin'ny fiarahamonina tao anatin'ny fikambanana na sokajy ara-toe-karena na ara-piaviana. Samy nandray anjara tamin'ny fanaovana ny tahiry mamahan-tena ireo mpikambana ho fampandehanana ny asa.

Nisy ihany anefa ireo toe-javatra niteraka olana teo amin'ny fanatanterahana ny asa, izany indrindra àry no andeha hojerena ao amin'ny fizarana fahatelo dia ny fiantraikan'ny fiaraha-miasan'ny PSDR sy ireo fikambanan'ny tantsaha tao Ambohijanahary ary ny soso-kevitra mba hanatsarana ny asa fampandrosoana any amin'ny tontolo ambanivohitra.

**FIZARANA FAHATELO :**

**NY VOKATRY NY FIARAHA-MIASAN'NY PSDR SY NY FIKAMBANAN'NY TANTSAHA TAO AMI'NY KAOMININA AMBOHIJANAHARY, NY OLANA TEO AMIN'NY TETIKASA ARY IREO SOSO-KEVITRA SAMIHAFA HOENTI-MANATSARA NY TETIKASA**

Amin'ity fizarana ity no anehoana ireo fiovana nisy teo amin'ny lafim-piainan'ny tantsaha. Tsy mora ny manatanteraka asa fampandrosoana amin'ny faritra iray. Araka izany, hovahavahana ato koa ireo olana nentin'ny fidiran'ny tetikasa, amin'ny farany, ny tolo-kevitra haroso ho an'ny sokajy samihafa: Fanjakana ary izay loharano nipoiran' izany; faritana eto aloha ny hevitry ny fandrosoana/fampandrosoana.

# I. <u>NY FANDROSOANA - FAMPANDROSOANA</u>

Hofaritana eto ny hevitry ny teny hoe ''Fandrosoana / Fampandrosoana'' ara-bakiteny sy ara-kevitra. Samy mitondra hevitra ahazoana manazava ny teny avokoa ireo.

## I.1- <u>Famaritana</u>

### I.1.1- <u>Ara-bakiteny</u>

Ny hoe fandrosoana/fampandrosoana dia teny ao anatin'ny fianakaviamben'ny teny: mandroso, miroso, mampiroso, mampandroso, ampandrosoana, ampirosoana. Araka izany, dia iray ny fototeny niaviany: roso. Io fototeny io dia manambara hetsika fialana amin'ny toerana iray mankany amin'ny toerana hafa.

Ny fampandrosoana kosa dia anarana avy amin'io matoanteny mandroso io; entina milaza hetsika fivoarana. Ahitana tsofoka- amp- izay fampiasa amin'ny matoantenin'ny mpampanao kosa ao amin'ny fampandrosoana. Izany hoe, misy mpanatanteraka vao tomombana ny hetsika.

### I.1.2- <u>Ara-kevitra</u>

Raha fandrosoana no resahina dia hita fa hevitra miabo hatrany no fonosiny. Amin'ny tantsaha ny fandrosoana dia fiakaran'ny fari-piainana, fananana tranobe, omby, tanimbary midadasika, tahiry sy ambim-bava.

Toy izao kosa ny famaritana ao amin'ny *développement de A à Z "fananana fari-piainana ambony sy fahafahana mamokatra hatrany". "Fahafolahana ny tontolo iainana mba hahafahana mamokatra hatrany"*

*"Fahafoanan'ny fahantrana ka mamaly ny filana fototra eo amin'ny olombelona izay mitondra any amin'ny fahaleovantena ara-toe-karena"*[67]

Araka izany famaritana izany dia mifototra amin'ny tontolo manodidina ny olombelona ny fandrosoana. Miankina amin'ny fahaizany mamolavola sy manatsara izany no ahazoany ny vokatra metimety kokoa hatrany.

Ny hevitr'i François Perrou, izay taterin'Andriambelomiadana Rochel ao amin'ny *Deux Mondes en Présence*, hoe : *"Ny fandrosoana dia fiovan'ny toe-tsaina ombam-piovana ara-piarahamonina mahatonga ny mponina ao amin'ny firenena iray ho afaka mampitombo ny vokatra tena nohariany marina ho bebe kokoa hatrany mandritra ny fotoana maharitra"* [68] dia maneho fa mitaky fiovana eo amin'ny lafiny rehetra ny fandrosoana, indrindra izay mifototra amin'ny lafiny maha olona. Aminy dia mila fanavaozana ny toe-tsaina mba hahatonga ny olona hifototra sy hanome lanja ny fihariana. Izany dia miteraka saina mahay mihary ka hampitombo ny vokatra hatrany. Mora ny hiakaran'ny harikarem-pirenena rehefa manana izay saina mahay mihary izay ny mponina.

Ny fampandrosoana dia ezaka mba hisian'ny fivoarana tsaratsara kokoa hatrany. Misy ny fandrindrana ny tetika amam-paika amin'ny drafitra mety hitondrana ny asa, kanefa dia mitaky firotsahana an-tsehatra avy hatrany izany, satria araka ny efa voalaza teo aloha dia hetsika ny fampandrosoana. Tsy sehatra tokana ihany no anaovana izany, fa sehatra maro.

Tahaka izany àry ny fiheveran'ny tantsaha sy ny mpikaroka malagasy ary ny mpikaroka vahiny ny ''fandrosoana / fampandrosoana''. Hovahavahana manaraka eto indray

ny fiovana nentin'izany teo amin'ny lafim-piainan'ny tantsaha sy ny kaominina amin'ny ankapobeny.

[67] RIAKA, *Développement* de A à Z, Dictionnaire Critique, SME
[68] ANDRIAMBELOMIADANA Rochel, *Deux Mondes en Présence*, tak56

### I.2- Fiovana teo amin'ny lafim-piainan'ny tantsaha

Izay fiovana teo amin'ireo mpikambana sy ny tantsaha amin'ny ankapobeny tamin'ny fidiran'ny tetikasa dia hojerena eto avokoa.

#### I.2.1- Vokatra mivaingana sy mivantana

Tafiditra indray tao amin'ny kaominina Ambohijanahary ny fampiasana ny kibôtà teo amin'ny fitaovam-pamokarana ara-pambolena. Tsy ireo fikambanana ihany no mampiasa izany, fa ireo mpamboly rehetra nanana fahefa-mividy tamin'izany.

Mitsitsy solika mantsy ny kibôtà raha mitaha amin'ny tirakitera, ahavitana asa haingana kosa raha miolotra amin'ny fampiasana omby. Araka izany, ireo manana tirakitera dia lasa mampiasa kibôtà avokoa, ary ireo mampiasa omby indray dia naleony nivarotra ny omby fiasana ka nividy kibôtà, eo ihany koa ny asa ratsin'ny mpangalatra omby izay mety hamoizana aina mihitsy ka aleon'ny mpaboly mampiasa kibôtà.

**Fafana 12** : Fampitahana ireo fitaovam-pamokarana

| Fitaovana | Fotoana lany amin'ny 1ha | Solika lany amin'ny 1ha | Herin-tsandry amin'ny 1ha |
|---|---|---|---|
| Omby | 8 andro | - | Asesy |
| Kibôtà | 8 ora | 5 litatra | Mamily (mitsangana) |
| Tirekitera | 2.5 ora | 60 litatra | Mamily (mipetraka) |

Loharano : Ny mpikaroka

Araka ireo voalaza ireo, tsy ny mpikambana ihany no nahita tombony tamin'ny fampiasana kibôtà, fa ny tantsaha amin'ny ankapobeny. Hoy i Jacques AUSTRUY : *" Ny asa fampandrosoana dia miteraka akony eo amin'ny rehetra sy ny besinimaro »*[69]. Ho an'ireo mpanao asa tanana indray dia nanafaingana sy nanatsara ny asan'izy ireo ny fahazoany fitaovana. Rehefa ampy mantsy ny fitaovana eo ampelatanana dia mora kokoa ny fikaliana ny asa, ohatra, raha mahavita angady ; tsy tanana intsony no manalama sy mandrangitra fa ampandalovina eo amin'ny ''meul'' dia vita. Teo amin'ny fanjairana indray, tsy lany fotoana be amin'ny fanaovana zaitra tanana ny mpikambana, fa misy ny karazan-jaitra amin'ny masinina mahavita izany, ohatra : lava-bokotra, fanjairana sisin-damba (surfil). Haingana kokoa ny famitana ny asa amin'izany fotoana izany.

### I.2.1.1- <u>Teo amin'ny vokatra azo</u>

Ny fambolena no lohalaharana amin'ny asa fivelomana ao amin'ny kaominina Ambohijanahary, izay no iresahana azy manokana eto.

Raha hampitahaina tamin'ny zava-nisy teo aloha, tsikaritra fa nisy fiovana ny famokarana; nanao ketsa tanora ny ankabeazan'ireo mpamboly. Na tsy naharaka fampianarana tamin'izany aza izy ireo dia hita kosa fa samy niezaka nampihantra izany, araka ny fahitany azy.

Eo koa ny fampiasan'izy ireo ny zezika tamin'ny fambolem-bary izay zavatra tsy nahazatra ny mpamboly tamin'iny faritra iny. Araka ny filazan'ireo mpamboly dia betsaka tsy araka ny nanampoizana azy ny vokatra miakatra, satria dia ''nahatratra 3 ka hatramin'ny 4,5t (taonina) isaky ny hekitara ny vokatra azo'' ; ankoatra ireo fifaninana nampanaovin'ny Minisiteran'ny Fambolena (MAEP) izay ahitana vokatra hatrany amin'ny 8t na 10t / ha, amin'ny ankapobeny dia 1t / ha ka hatramin'ny 2t / ha ny vokatra mahazatra.

---

[69] Jacques AUSTRUY, 1968, *Le scandale du développement*, *« Le développement doit produire des effets pour toute homme et tous les hommes ».*

Araka ny hita ao amin'ny *Région et Développement* hoe : '' *Kely ny vokatra miakatra oharina amin'ny tokony ho izy, ny vokatra vary antonony dia 2,2t / ha''*[70].

**I.2.1.2- Teo amin'ny isa-pianakaviana**

Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny sehatry ny fihariana ny fambolena vary, ka ireo olona tsy manana tany dia miezaka manofa tany na misasaka amin'ireo mampanao izany. (Manofa tany: manofa tanimbary amin'ireo manana tany ka telo hetsy ariary ny taom-pamokarana iray (1ha) . Misasaka: isasahana ny vokatra azo, ka ny vola lany amin'ny ketsa na ny masomboly dia an'ilay tompon-tany, fa ny fikarakarana rehetra dia an'ilay isasahana).

Tamin'ny fanatanterahana ny tetikasa dia maro ireo mpikambana no afaka nanitatra ny asa fambolem-bary, satria rehefa notsinjaraina ny vokatra niakatra dia nisy ampahany nahazoana nanitatra ny asa, izany hoe: nisy ampaham-bokatra nahafahana nanofa tany. Ireo mpikambana nisasaka tany tamin'olona koa aza dia efa afaka nanofa tany ho azy manokana taty aoriana. Eo kosa indray ireo nanatsara ny trano fonenany, nividy kojakojan-tokantrano.

Tamin'ny ankapobeny dia afaka nanatanteraka ireo fomba amam-panao fahita teo amin'ny fiarahamonina ireo mponina, indrindra fa ny mpikambana: tao ny ''nanao zaza an-dohana omby'', namoaka zazavavy ary nikarakara ny fasan-drazana. Teo amin'ny fanaovana zaza an-dohana omby; efa zary lasa fahazaran'ny olona ny fangalarana zaza rehefa mamora. Hita kosa anefa tato anatin'ny roa taona tato dia niverina amin'ny fomba maresaka izany: misy famonoana omby ary manasa ny mpiaramonina. Toy izany koa ny famoahan- jazavavy, raha tsorina mantsy ny famoahan-jazavavy : ''miseho dia mitondra'' no fanao, fa raha atao manetriketrika izany dia '' anapahana didy harena'' ka efatra hetsy eo ho eo ny ambany indrindra arakaraka ny fananan'ny roa tonta. Tato ho ato koa anefa dia maro indray ny zazavavy navoaka ka nanapahana didy harena. Ary tsy nohadinoin'ny mponina ihany koa ny nikarakara ny fasan-drazana sy ny mikasika izany: fanadiovana sy fandokoana ny

[70] PNUD, *Régions et Développement*, Toamasina, tak 199, « *Un rendement moyen de 2,2t/ha de riz est considéré comme un niveau faible par rapport aux possibilités* ».

fasana ho an'ireo manana fasan-drazana any an –toerana, fampakarana ny taolam-balo ho any an-tanindrazana ho an'ireo mpiavy.

**I.3 - Vokatra lalim-paka**

Tsy ny vokatra mivantana ihany no hita teo amin'ny fidiran'ny tetikasa, fa nisy koa ireo lalim-paka.

**1.3.1- Nampitombo ny fahalalana sy nanova ny fiheveran'ny tantsaha**

Sehatra iray nampitombo ny fifaneraserana teo amin'ny samy mpikambana ny fotoam-piofanana. Amin'io fotoana io dia tafahaona ny avy any amin'ny fokontany samihafa mifampitafatafa, mifanakalo hevitra, mifampizara vaovao. Teo ihany koa ny fahasahiana nifanakalo hevitra tamin'ireo mpanofana. Nanjary tia mandresy lahatra sy manolo-kevitra ary mampita fahalalana ireo tantsaha rehefa miresaka amin'ny fotoana mahavorivory azy.

Hoy ny Malagasy: ''Izay ela nihetezana lava volo''. Teo aminy dia ny antim-panahy no mitondra ny fampianarana. Azo antoka fa hiova izany fiheverana sy fomba izany, satria tanora no maro tamin'ireo mpandraharaha mampita ny fampianarana tany an-toerana. Naniry azy ireo ny tanora izay maro anisa tao anatin'ny fikambanana ka nataon'ny fiarahamonina fitaratra. Na tsy ho lasa toy ireo tanora mpanofana aza izy ireo dia nahatsapa kosa fa ny tanora dia mety mahavita zavatra rehefa mikiry sy manana faharetana.

**I.3.2- Nanova ny toe-tsain'ny tantsaha**

Nisy akony teo amin'ny toe-tsain'ny tantsaha ny fiaraha-miasa tamin'ny tetikasa PSDR tamin'ny alalan'ny fivondronana anaty fikambanana. Ny USAID dia maneho ny tombontsoa azo avy amin'ny fampivondronana ny tantsaha anaty

fikambanana izay hita taratra teto: *"Ny tombotsoa azo avy amin'ny fampivondronana ny mpamokatra anaty fikambanana dia (…) fahazoana fahafaham-po amin'ny tombotsoa iraisana".*[71]

Toy izao no fisehoan'izany. Teo aloha dia samy nanao izay hahavitany ny asany ny tsirairay. Ho an'ny mpamboly manokana, nanomboka teo amin'ny fahazoan'izy ireo fitaovana dia nisy ny fifandaminana teo amin'ny fampiasana ny kibôtà. Hita tokoa ny firaisan-kinan'ny mpikambana ka samy efa nandamina ny fotoanany avy. Fehiny, samy nahavita ny asany ara-potoana sy ara-dalana ireo mpikambana dimy ambin'ny folo na dia iray ihany aza ny kibôtà nampiasaina.

### I.3.3- <u>Teo anivon'ny kaominina</u>

Misy fifandraisany avokoa ny lafim-piainana. Eto, ohatra, dia ny fitomboan'ny vokatr'ireo tantsaha no nisongadina, nipaka hatrany amin'ny toe-bolan'ny kaominina izany, satria rehefa mitombo toy izany ny vokatra dia maro ny vary mivoaka any ivelan'ny tanàna. Tsy mandeha amin'izao any anefa ireny vokatra ireny fa misy ny tamberim-bidy[72] arotsak'ireo mpanangom-bokatra eny anivon'ny kaominina. Ankoatra ny hetra izay fidiram-bolan'ny kaominina mantsy dia anisan'ny mitana anjara toerana lehibe amin'izany koa ny firotsahan'ny tamberim-bidy ka arakaraka ny vokatra mivoaka ny habetsahany. Amin'izao fotoana izao moa dia 10 ariary / kg izany tamberim-bidy izany araka ny resaka nifanaovana tamin'ny tompona andraikitra tao amn'ny kaominina.

---

[71] USAID, 1991, *Les association des producteurs*, Cabinet d'Etudes et des Recherches multidisciplinaire d'appui à la décision.

[72] Tamberim-bidy : ristourne.

**Fehiny :**

Rehefa nivadika ho asa ny tetikasa dia niako tao amin'ny kaominina ny vokatra nentiny. Niantefa mivantana teo amin'ny famokarana izany: nampiditra fitaovam-pamokarana vaovao, nampitombo ny velaran-tany novolena, nanafaingana sy nanatsara ny fomba famokarana, tsara ihany koa ny fitomboan'ny vokatra. Ny fivondronana tao anaty fikambanana dia nanala tsikelikely ny toe-tsaina samy maka ho azy teo amin'ny samy mpikambana. Ny fifandraisan'ny mpikambana tamin'ireo sokajin'olona samihafa dia nampitombo ny fahalalany. Ny kaominina koa dia nahatsapa fa betsaka ny tamberim-bidy nirotsaka ao aminy rehefa be ny vokatra. Nisy ihany anefa ireo olana isan-karazany ; izany no hojerena amin'ny toko manaraka.

## II. NY OLANA TAMIN'NY FANATANTERAHANA

### II.1- Teo amin'ny mpitao raharaha

Maro ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana nilaina tamin'ny fanatontosana ny tetikasa PSDR. Maro tamin'izy ireo no vao nijoro ka nandray ny fanatanterahana ny tetikasam-pampandrosoana. Noho ny tsy fahampian'ny sedrofan'ny sasany tamin'izy ireo dia nisy ny fitavozavozana teo amin'ny fomba fiasa ka niteraka fifampihafahafana teo amin'izy ireo andaniny, ary ireo mpikambana ankilany. Izany anefa dia nahatonga tsy fahatomombanana teo amin'ny tetikasa, hoy i Laurent Andriamasinjaka: "*Tsy izay olona te-hanao asa fampandrosoana akory dia afaka manatanteraka asa fampandrosoana, ilana sedrofana sy fahazarana ny fiaraha-miasa amin'ny tantsaha*".[73]

### II.2- Teo amin'ny fotoam-piofanana

Samy nahazo fanofanana tamin'ireo mpitao raharaha miandraikitra azy avy ireo fikambanana. Ny fikambanan'ny mpamboly sy ny fikambanan'ny mpanao asa tanana dia ny SAF/FJKM no nisahana ny fampiofanana sy ny fanaraha-maso azy ireo. Nisy tsy fitoviam-pijery anefa teo amin'ireo mpampiofana sy ny mpikambana. Andaniny, ny SAF/FJKM dia nametraka fa vitaina ao anatin'ny enim-bolana voalohany tamin'ny fanombohan'ny tetikasa ny fotoam-piofanana. Izany fe-potoana izany dia tokony hahaizan'ireo mpikambana ny zavatra nampitaina taminy ka hahaizany mampihatra izany. Na tsy mitovy aza ny fomba fandraisan'ny tsirairay zavatra, anjaran'ny mpikambana nahafolaka sy nahazo ny fampianarana ny mampita miandalana amin'ireo namany.

Ankilany, ho an'ireo mpikambana, tsy ampy azy ireo izany fe-potoana izany, sady tsy isan'andro ilay izy fa fotoana vitsivitsy isaky ny herinandro. Araka ny hevitry ny mpikambana dia tsy mitovy ny hafainganam-pandraisan-javatry ny tsirairay, tokony

---

[73] Laurent ANDRIAMASINJAKA, Tompona andraikitra voalohany ao amin'ny SAF/FJKM Amparafaravola.

harahi-maso tsara ny fahazoan'izy ireo isanisany ny zavatra nampianarina. Marihina moa fa mbola misy tsy hain'ireo mpikambana ny mampiasa ilay karazana masinina iray nandritra ny fiofanana ka voatery manarama olon-kafa izy ireo nampianatra azy, hoy ny filohany.

Izany fifandisoam-piheverana izany no mahatonga ny mpikaroka hilaza hoe: *"Tsy ampy ny fampiasana ny fampahalalana, fanabeazana, serasera ka miteraka fahasarotana eo amin'ny fifandraisan'ny mpitondra, tekinisianina, tantsaha".*[74]

### II.3- <u>Ny olana avy tamin'ny tantsaha</u>

Teo amin'ny resaka famatsiana, nisy tamin'ireo tantsaha mpikambana sasantsasany no tsy nahazo tsara ilay antsoina hoe: tahiry mamahan-tena. Tamin'ny resaka nifanaovana tamin'izy ireo no nahatsapana izany. Dimy taona no faharetan'ny tetikasa ka heveriny fa misy isan-taona ny famatsiam-bola. Araka izany, mbola misy miandry famatsiana izy ireo isaky ny fiandohan'ny taom-pamokarana. Niteraka fanahiana ny filoha ho mpanodikodina ny fanampiana izany, ka nahatonga ireo mpikambana sasany tsy havitrika tamin'ny fanaovana tahiry.

#### II.3.1- <u>Teo amin'ny lafiny fiarahamonina</u>

Vita vetivety sady tsara ny asa rehefa ampy ny fitaovana. Mila fitandremana ny fanetsana sy ny fiavotana ny ketsa ka manjary nofidina fatratra ny olona karamaina amin'izany. Nisy fanavakavahana izany teo amin'ny olona nalaina hanao ''tomboka andro''.

Nanjary endri-panavaham-piarahamonina izany ny fikambanana. Naneho izany, ohatra, ny endriky ny tanimbary sy ny kibôtàn'ny mpikambana raha mitaha amin'ireo tsy mpikambana. Tsara karakara ny varin'ireto voalohany, tsy mba toy izany kosa ny an'ny tsy mpikambana.

---

[74] Direction de la vulgarisation agricole, *Paikady momba ny fanampariahana haitao ara-pambolena eto Madagasikara (p11).*

### II.3.2- Teo amin'ny fanarahana ny fiofanana

Sarotra ho an'ireo tsy naharaka mivantana ny fotoana nanapariahana ny haitao ny nampihatra ny torohay azo teo amin'ny fanofanana. Misy amin'ireo filohan'ny fikambanana anefa ny tsy te ho ratsy eo anatrehan'ny mpitao raharaha ka manolo olon-kafa ny mpikambana tsy tonga amin'ny fotoam-pianarana. Eo koa ireo tsy afaka manatrika izany noho ny antony maro. Izy ireny dia nampitan'ny namany ny tekinika nianarany, saingy tsy nahazo fanazavana mivantana avy tamin'ny tekinisiana kosa ka nanohy ireo fanao tsy nahitam-pahombiazana teo aloha. Ny toe-javatra toy izany no ilazan'ny PM Decoudras fa *"Na manao ahoana aza ny fahombiazan'ny tekinika (…) ny fanaovana asa fampandrosoana dia nandamoka rehefa tsy misy famolavolana tsara ny fampitan-kevitra izay lalan-tokana amin'ny fampanekena zava-baovao"*[75].

### II.4-Ny fihetsiky ny tantsaha manoloana ny tetikasa

Azo faritana amin'ireto lafin-javatra ireto ny fihetsika nasehon'ny tantsaha manoloana ny tetikasa:

- ny fanivanana;
- ny fanodinkodinana;
- ny tsy fahatokiana.

### II.4.1- Ny fanivanana

Ny fanivanana dia fihetsika asehon'ny tantsaha mitory fisafidianana izay mora tanterahana amin'ny fampiharana. Nitranga izany, ohatra, tamin'ny fampiharana ny voly vary nohatsaraina sy ny zaitra. Teo amin'ny fambolena, nampiharina ny fampiasana zezika, famonoana ny ahi-dratsy, famonoana bibikely, ho fiarovana ny voly sy hampitombo ny vokatra, eo koa ny fahatahorana ny fanaraha-maso ataon'ny mpitao

---

[75] PM Découdras, 1997, *A la recherche des logiques paysannes, « Quelque soit l'efficacité d'une technique (…) toute opération de développement court à l'échec sans une bonne conception du message qui permettra à lui seul l'acceptation de la nouveauté ».*

raharaha. Tsy noheverina'izy ireo loatra kosa ny fikarakarana manokana ny zana-bary sy ny tany ambolena, hita fa izay fahazarana teo aloha ihany no nataon'izy ireo. Toy izany koa ny fampiasana zezika: kômpôsita, nampianarina ireo mpikambana izany nefa tsy nampihariny, satria araka ny fiheveran'izy ireo dia mahasolo izany ny zezi-pahitra, ka tsy mila mandany fotoana amin'ny kômpôsita. Teo amin'ny mpanjaitra indray, na dia teo am-pelatanan'ny mpikambana aza ny masinina fanaovana peta-kofehy, aleon'izy ireo manao izany amin'ny tanana, satria manahirana azy ireo ny fanarahana ny pitsopitsony amin'ilay masinina.

### II.4.2-<u>Ny fanodinkodinana</u>

Ny fanodinkodinana indray dia mitory famaritana tanjona ivelan'ny nokendrena tamin'ny tetikasa. Na tsy ny rehetra aza no nanao izany dia tsy vitsy kosa . Mampiseho izany ny zava-misy teo amin'ny fampiasana ireo kojakojam-pambolena.Toy izao no fisehon'izany: anton'ny fizarana zezika sy ny famonoana ahi-dratsy ny hampitombo ny vokatra, saingy tao ny nampiasa izany tamin'ny ampahany, tao ny nanodina izany amin'ny alalan'ny fivarotana tamin' ireo mpanam-bola. Fotoanan'ny maitso ahitra koa no nizarana ireo kojakojam-pambolena ireo ka raha misy mety havadika vola haingana dia atao, satria ny tetikasa mbola tsy azo antenaina raha tsy amin'ny faran'ny taom-pamokarana.

Amin'izany toe-javatra izany, efa mifanaraka amin'ny olona nivarotana(ny zezika, ny famonoana ahi-dratsy , ny famonoana bibikely) izy ireo fa rehefa misy ny fanaraha-maso ataon'ny mpitao raharaha dia ny tany nampiasana ireo kojakojam-pambolena no aseho . Marihina, araka izany, fa tsy hampiova na inona na inona ny fanasaziana, raha misy izany, fa ny vahaolana maharitra no tokony hatao. Ohatra, anokanana vola amin'ny famatsiana ho vola enti-mihetsika amin'ny tetikasa, rehefa mandeha ny tetikasa dia hanaovana tahiry manokana ny vola hoenti-mihetsika.

Teo amin'ny fanaovana asa tanana, maro ireo karazana lakile teo amin'ny mpanefy:"saonjo iray lohasaha tsy ilaozan'izay hamarara". Araka izany, misy amin'ireo mpikambana no maka izany, satria mora asitrika anaty paosy izy ireny. Entiny ho fananana any an-trano na hamidy hivadika vola. Hoy i Laurent

ANDRIAMASINJAKA: " *Misy ny tantsaha tia kely ka tsy mitsinjo lavitra, fa izay ahazoany vola haingana no ataony na dia hiafara amin'ny fangalarana aza*".

Teto dia nokatsahin'ireo tantsaha ny fampivoharana ny toe-kareny fa tamin'ny fomba tsy dia ara-dàlana loatra.

**II.4.3-Ny tsy fahatokiana**

Ny tsy fahatokiana dia fihetsika mitory fanahiana, tsy fahasahiana manatanteraka avy hatrany ny asa raha tsy azo antoka mialoha ny tombontsoa ho azo. Teo amin'ny tetikasa voly vary nohatsaraina no tena nitrangan'izany tsy fahatokiana izany. Hita taratra izany teo amin'ny fampiharana. Nohamarinin'ireo mpikambana fa kely loatra ny masomboly nampiasaina raha 120kg/ha ny nahazatra dia lasa 5kg/ha izany. Hatramin'izay dia ny makalioka no mampalaza ny Sihanaka, izany hoe, io masomboly io no tena fampiasan'ny tantsaha. Toy izao no voalaza ao amin'ny *Région et dévéloppement: "amin'ireo karazana (masomboly) ampiasaina, ny karazana Makalioka (…) no tena ampiasaina noho ny hatsaran'ny tsirony sy ny hatsarany eo amin'ny ozinina".*[76]

Amin'izao fidiran'ny tekinika vaovao izao anefa dia ny masomboly "tsemaka" indray no ampiasaina. Ny antony dia tsy mila rano loatra io karazam-bary io amin'ny fotoana faniriany, manampy izany koa ny fahazoana mamboly azy indroa isan-taona, azo anatanterahana ny voly vary tsy manaraka vanim-potoana. Mampisalasala ny mpamboly izany, satria hanahirana ny hahitana lalam-barotra. Ny makalioka rahateo no ambony vidy indrindra amin'ireo karazam-bary misy any an-toerana ka tsy marisika ireo tantsaha ny hanova izany. Riaka dia nilaza hoe: "*Na ny tsy fahasahiana, na ny tsy fanekena izay efa voalahatra dia samy mahasarotra ny hisiam-piroboroboana avokoa"*[77]

Tamin'ity taom-pambolena ity anefa dia nisy fanerena an-kolaka ny mpamboly hiova amin'ny masomboly mahazatra azy ireo, satria mantsy latsaka tamin'ny vidin'ny

[76] PNUD, *Région et développement*,Toamasina, tak 138 « *Pour les variétés utilisés, la variété Makalioka(…) est la plus répandue pour sa qualité dégustative et son rendement à l'usinage très appréciés* ».
[77] RIAKA, *Développement de A à Z*, tak 41.

tsemaka ny vidin'ny makalioka . Misy amin'ireo mpanangom-bokatra no tsy mandray makalioka .Ny vary tsemaka moa maventy kokoa ny voany mitaha amin'ny makalioka.

Toy izao ny vidim-bary volana jolay 2006:

- makalioka 340 ar/kg akotry;
- tsemaka 350 ar/kg.

### II.4.4-Ireo antony nahatonga ny olana

Fahita amin'ny asa fampandrosoana toy itony ny olana eo amin'ny fanatanterahana ny tetikasa. Tsy tongatonga ho azy anefa izany, fa misy tokoa ny antony: teo ny toe-javatra iainan'ny tantsaha ary ny fihetsiny nanoloana nny tetikasa.

#### II.4.4.1-Ny fahantrana

Nametra ny fahafahan'ny tantsaha mandray anjara tamin'ny tetikasa ny fahantrana teo amin'ny fandraisana anjara ara-bola. Fikambanana maro no miara-miasa amin'ny PSDR ao ami'ny kaominina Ambohijanahary. Voalaza fa manakana ny tantsaha tsy handroso ny tsy fahampiana ara-bola enti-mandoa ireo latsakemboka ary anjara biriky samihafa indrindra amin'ny fotoanan'ny maitso ahitra: *"Ny fampandraisana anjara ara-bola ny mponina tsy nijerena ny toe-javatra ao an-toerana dia manavaka sokajin'olona tsy afaka manefa"*[78],hoy ny PNUD.

#### II.4.4.2-Ny tsy fahampian'ny fari-pahaizana

Anisan'ny fanalahidim-pandrosoana ny fanabeazana. Ny tsy fahalavorarian'ny fanabeazana azon'ireo tantsaha anefa dia miteraka tsy fahampian'ny fari-pahaizany. Hoy ny MINAGRI mitatitra izany: *"Ny tsy fahampiana fahita matetika eo amin'ny*

[78] PNUD, 2000, *Rapport national sur le développement humaine à Madagascar*, tak 121 : « *La participation de la population sous égard au contexte local contribue à exlure certaines couches défavorisées* ».

*fanabeazana/fampianarana fototra amin'ny ankapobeny no tsy ahafahan'ny ambanivohitra mandray an-tanana ny asa fampandrosoana azy"*[79].

Nisongadina izany teo min'ny fahavotsan'ny tantsaha mandray ny torohay. Nisy tamin'ireo fanofanana koa moa no voasoratra an-taratasy; ankoatra ny tsy fahaizana mamaky teny, teo koa ny tsy fananana fotoana hamerenana hamakiana azy ireny.

### II.4.4.3-Ny fahazaran'ny tantsaha

Araka ny hita ao amin'ny *Développement de A à Z* ny fitomboan'ny toe-karena dia mitaky fitsitsiana mba hisian'ny ambim-bava ka hanana renivola na kapitaly enti-miasa. Ny toe-java misy anefa dia tsy ahafahan'ny tantsaha manoatra, satria kely ny vokatra miakatra mitaha amin'ny filana. Vokany, tsy dia manana ambim-bava loatra.

Ankoatra ny famatsiana ara-pitaovana nataon'ny PSDR mantsy dia efa nahazatra ny tantsaha koa ny fisamboram-bola atao amin'ny : BOA, OTIV, CECAM[*]. Ny fisamboram-bola dia atao mialohan'ny taom-pambolena. Noho ny toe-javatra nolazaina teo ambony, voatery manabanga ny vola nosamborina hoenti-miasa ny tantsaha.

Efa fantatry ny tantsaha fa hisy foana ny fampisamborana, ka tsy mampaninona azy na dia tsy misy tahiry intsony aza eo aminy, toa tsy misy tombony ho an'ireo mpamboly ny fisamboram-bola atao. Dia toy izany hatrany ny fiainan'ireo tantsaha.

Marihina anefa fa tsy ny fisamboram-bola no tsy mety ho an'ny tantsaha; ny tokony ho izy aza dia tena mila izany izy ireo, araka ny tatitra nataon'ny FAO hoe: '*Mila famatsiam-bola tokoa ny mponina ambanivohitra mba hahafahany mamatsy vola ny asam-pamboleny sy izay orinasa madinika ananany* "[80].Fa ny fampiasana ny vola nosamborina no tsy mandeha amin'ny tokony ho izy

---

[79] MINAGRI, 1994, *Participation et Développement*.

[*] BOA : Bank Of Africa, CECAM : Caisse d'Epargne et Crédit Agricole Mutuel, OTIV : Ombona Tahiry Ifampisamborana Vola.

[80] FAO, *La situation mondiale de l'alimentation et de l'agriculture* « *Les populations rurales ont besoin de crédit pour pouvoir investir dans leur exploitation agricole et leurs petites entreprises* ».

**II.4.4.4- Ny fahamaroan'ny asa aman-draharaha eo amin'ny vehivavy**

Samy tompona andraikitra eo amin'ny fampandrosoana ny tsirairay. Miantomboka eo amin'ny famolavolana ny fandaharana asa hatramin'ny fanatanterahana azy. Voalaza fa: "*Ny asa fampandrosoana dia mifototra sy miainga any amin'ny isam-pianakaviana, ny isambatan'olona, ny iray fikambanana, na fizarana asa sy andraikitra, fanatanterahana, ny fanaraha-maso sy fanombanana ny vokatra azo*"[81].

Noho ny fahamaroan'ny asa aman-draharaha anefa, voafetra ny fahafahan'ny rehetra mandray anjara. Ny fahamaroan'ny isan'ny lehilahy isaky ny fikambanana afa-tsy ny fikambanana 'mila vola" izay vehivavay avokoa dia maneho fa tsy tompona andraikitra loatra amin'ny tetikasa ny vehivavy. Asa aman-draharaha maro isan-karazany no sahanin'ny vehivavy: raharaha an-tokantrano mbamin'ny fikarakarana ny biby fiompy sy ny fambolena, izany hoe, samy iandreketan'ny vehivavy na an-tsaha, na an-tanàna: "*8O%n'ny Malagasy dia mpamboly avokoa izay mivelona eny an-tsaha. Miditra amin'izany asa eny an-tsaha izany betsaka dia betsaka ny vehivavy. Izy no manao ny tanina anana, izy no miompy (…) indrindra ange fa ny momba ny fambolem-bary, izay saika izy mihitsy no nanao nahavita ny asa rehetra. Toy izany ny fanetsana, ny fiavana, ny fitaomana ny vary voajinja, ny fanahazana, ny fitotoana, ny fanofana ary farany ny fandrahoana*"[82] .

Eo anatrehan'izany, tsy afa-mandray anjara feno amin'ireo hetsika mifandrohy amin'ny tetikasa izy. Ny fanadihadiana nataon'ny Banky Iraisam-pirenena dia mampiseho fa: "*Ny vehivavy Malagasy no kitro ifaharan'ny asa fampandrosoana*". Ary tohizana hoe: "*Eny ambanivohitra, ny vehivavy dia itangoronan'ny asa ao an-tokantrano sy ny asa fambolena*"[83].

[81] RAKOTOSON Philbert, 23-30 novembre 1998, *Jery sava ifarimbonana*, Projet Germano Malgache de développement Forestier dans la Région du Vakinankaratra.
[82] Organisation Africaine et Malgache de coopération économique, colloque 1963.
[83] Banque Mondial, Février 1999, *Note Formation sur les points clés du développement*, tak : 15-22, « *Les femmes malgaches sont au cœur du développement (…) en zone rurale, les femmes sont en activité permanente entre les activités domestiques et les activités agricoles* ».

Tsy afaka manatrika fivoriana fandraisana fanampahan-kevitra ny ankamaroan'ny vehivavy izay efa vitsy an'isa ao amin'ny fikambanana. Tsy ampy ny fanehoan-kevitr'izy ireo, hany ka ny hevitra aroson'ny lehilahy hatrany no tapaka.

**Fehiny**

Fampandrosoana iombonan'ny olona rehetra no katsahina amin'ny tetikasa. Maneho izany ny fampivondronana ny tantsaha anaty fikambanana. Nahavelom-panatenana ny fikambanan'ny tantsaha tao Ambohijanahary ny fiaraha-miasa tamin'ny PSDR. Ireo fandaharana asa notanterahina dia heverina fa hampiroborobo ny famokarana.

Nandeha ny asa, nitranga ireo olona isan-karazany. Anton'izany, ny tsy fifankazahoan-kevitra teo amin'ny mpitao raharaha sy ny mpikambana, ny tsy fifandanjan'ny fahafaha-manao sy ny toe-javatra iainan'ny tantsaha. Tsy afa- manoatra amin'ny fanehoan-kevitra ireo lavitra, toraka izany koa ny vehivavy noho ireo adidy aman'andraikitra sahaniny.

## III-TOMBANA SY SOSOKEVITRA

Manoloana izay toe-javatra novahavahana izay, indrindra ny olana, dia maneho tolo-kevitra vitsivitsy izahay. Notsinjaraina ho an'ny isan-tsokajiny ny soso-kevitra aroso eto: tantsaha, mpanao asa fampandrosoana, fanjakana. Miompana amin'ireo indrindra ny fanadihadiana manaraka.

### III.1-Ho an'ny tantsaha

Mitana anjara toerana lehibe ny tantsaha eo amin'ny tetikasa. Ny anjara toerana miteraka adidy aman'andraikitra. Araka izany, tokony ho tsapan'ny tantsaha fa avy eo aminy no hery manosika ny tanànany, fa fanatontosana no andraikitry ny mpanao asa fampandrosoana.

Liam-pivoarana tokoa ny mpikambana, ka niezaka tamin'ny fandraisana ireo fiovana nentin'ny tetikasa, saingy, ny olana dia diso nanantena famantsiam-bola hatrany izy ireo vao hivondrona. Tsy zava-baovao teo amin'ny Malagasy izany fivondronana izany eo amin'ny fanatanterahana asa iray, manaporofo izany ny fisian'ny valin-tanana, ny tambirô teo amin'ny fiarahamonina Malagasy . Noho izany, tokony hatao izay hifandaminana sy hitadiavana ny elanelam-panahy mba hampifanaraka ny fiheverana, amin'izay tsy hisy hiala andraikitra eo amin'ny fanatanterahana, satria raha tsy azo ny fototry ny fampandrosoana tsy hisy vokatra ho azo " *na dia azo aza ny fototry ny fampandrosoana, tsy maintsy mbola tadiavina ny rohim-pitohizan'izany. Ny tiako ho marihina fotsiny dia izao: ny olona no ifotoran'ny fampandrosoana fa tsy fitaovan'ny fampadrosoana akory izy "*[84.]

Amin'ny lafiny ilany koa, tsy hitohy mandrakariva ny famatsiam-bola fa indray mandeha monja. Noho izany tsy tokony hiankina amin'izany ny tantsaha sy ny fikambanana: "*(…), mbola raiki-tampisaka ao amin'ny tantsaha sasantsasany ny tsy maintsy hanampiana azy foana. Tsy mbola azon'izy ireo mihintsy ny tanjona*"[85.]

---

[84] RALISON RAKOTOVAO , « De la participation chez les Malgaches», in *BAM*, Nouvelle série, Tome XXXIV, « *si le principe de développement est toutefois acquis la formule reste à trouver.Et ici je voudrais simplement signaler que l'homme doit être un sujet non simplement objet de développement* ».

[85] Direction de la Vulgarisation Agricole, boky efa voatanisa,tak 10.

Ekena fa misy famatsiana amin'ny tetikasa iray, ary fantatry ny tantsaha tsara fa fanampiana ho azy izany.

Araka izany, tokony harahin'ireo tantsaha an-tsakany sy an-davany ireo tekinika naroso azy. Araka ny resaka nifanaovana tamin'ny tompon'andraikitry ny mpitao raharaha mantsy dia "efa manana izay heveriny ny tantsaha , ekeny daholo izay zavatra ampanaovina azy , fa eo amin'ny fampiharana no tsy manao izy "[86]. Ny vinaniana mantsy dia maneho, raha arahina tsara ireo toromarika rehetra ny tany 1 ha dia tokony hahazoana vokatra hatrany amin'ny 6 taonina, saingy ampahany ihany no azo, satria ampahany tamin'ny tekinika no nampiharina.

Heverina anefa , fa raha io vokatra novinaniana io (6t/ha) no tanteraka , ary samy manao tahiry tsara ny mpikambana. Hanana fahaleovantena amin'ny fitantanana ny tetikasany ny mpikambana ka hisy ny ambim-bava.

### III.2-<u>Ho an'ny mpitondra tetikasa</u>

#### III.2.1-<u>Ny fomba fifandraisana</u>

Fahita matetika ny toe-javatra mifanohitra eo amin'ny fomba fijerin'ny tantsaha sy ny mpitondra asa fampandrosoana . Azo lazaina fa io fiheverana mahazatra io no mety ho loharano ipoiran'ny fahadisoan-kevitra, hahakivy ambony ihany ny tantsaha ka tsy hilazany ny heviny na hampirisika azy hanova izay torohay nomena.

---

[86] Resaka nifanaovana tamin'Andriamatoa ANDRIAMASINJAKA Laurent.

**<u>Fafana 13</u>**: Tsangan-tsary araka ny fijerin'ny andaniny sy ny ankilany.

| Ny mpitondra tetikasa dia heverina fa | Ny tantsaha dia heverina fa |
|---|---|
| - olona mahay<br>- olona ambony<br>- manana fahaizana manao manaraka toetr'andro<br>- manapaka<br>- mpampianatra | - tsy ampy fahaizana<br>- olona ambany<br>- mpandala ny fomba nentim-paharazana<br>- mpanaiky fanampahan-kevitra<br>- mpianatra |

<u>Loharano:</u> RAKOTOSON Philbert.

Ny fahombiazan'ny fifandraisana, araka izany, dia miankina betsaka amin'ny fahaiza-miara-mihosina amin'ny tantsaha hatrany ampiandohan'ny fiaraha-miasa. Tsy mampiseho elanelana aminy, fa mandray anjara mavitrika miaraka aminy amin'ny fitadiavam-bahaolana sy fanapahan-kevitra. Hoy RAZAFINTSALAMA: *"koa ny toetsain'ny tantsaha ve no tsy andairan'ny toe-tsina moderina, sa ny toe-tsain'ny avara-pianarana sy ny mpamatsy vola no mifangarika amin'ny an'ny tantsaha hany ka dia samy misonenika an-toerana tsy afa-mifanatona ny andaniny sy ny ankilany"*[87].

### III.2.2- <u>Fampianarana sy fanabeazana ireo mponina</u>

Ankoatra ny asa fampitaovana sy fitahirizam-bola ampanaovina'ny PSDR dia misy ihany koa fampisamboram-bola ataon'ireo tranom-bola, toy ny OTIV, CECAM, BOA. Tsara hamafisina kokoa ny fampianarana sy fanabeazana ireo mpikambana sy ny tantsaha amin'ny ankapobeny. Tian'ireo tantsaha  mantsy ny tetikasa manome vahana ny maha olona ka mahatonga azy handray anjara mavitrika. Ankoatra izany dia tafita

---

[87] RAZAFITSALAMA Adolphe ; *Deux Mondes en présence*, tak 251.

kokoa ny hafatra sy ny hevitra tiana hampitaina raha nandia fianarana ny mponina. Hamafisin'ny Banky Iraisam-pirenena izany, ka hoy izy: " *Tsy maintsy miahy ny fanabeazana ny lehilahy sy ny vehivavy ny Fanjakana. Ny fampianarana ny mponina dia foto-javatra voalohan-draharaha ary mandaitra na tafita kokoa ny hafatra na ny hevitra tiana hampitaina raha mandia fianarana ny mponina.* . [88]

Tsara ihany koa ny fampianarana ireo tantsaha sy fampahafantarana azy zavatra maro mba hananany fahalalana hoentiny hanatsarany sy hahafahany mandanjalanja ireo zavatra entin'ny asa fampandrosoana eo amin'izy ireo. Mifandray avokoa mantsy ny zavatra rehetra ao anaty fiarahamonina ka mila fantarina tsara ny toetra tokony hananana manoloana izany.

Tsy mora anefa ny fanatanterahana izany, satria ny tantsaha dia tsy azo terena, hoy I Jean François MONVAL*:"Eo amin'ny asa "fampandrosoana"iray(…) tokony tsy hisy geja manokana ny mponina voakasiky ny fandaharana asa"*. [89]

Noho izany dia mila fahaizana mihitsy ny fakana ny fon'ireo tantsaha ho tia fahalalana.

### III.3-<u>Ho an'ny Fanjakana</u>

#### III.3.1-<u>Ny fiaraha-miasan'ny tetikasa sy ny Fanjakana</u>

Anisan'ny fiaraha-miasa azon'ny Fanjakana atao amin'ny PSDR, ohatra, ny fanatsarana ny lalana mba hamoahan'ireo tantsaha ny vokatra , satria ny faharatsian'ny lalana no anisan'ny mampihemotra azy ireo amin'ny asa fampandrosoana. Tsy izany ihany fa ny Fanjakana ihany koa dia afaka mitsinjara ireo tekinisianina momba ny fambolena sy ny fiompiana hanampy ireo tantsaha amin'ny fanoroana azy amin'ireo karazana fomba môderina ahazoana vokatra tsara kokoa hatrany. .

---

[88] Banque Mondiale, 1993, *Les impacts dela mondialisation à Madagascar*, Art et culture et société par Mme Jeanne DINA, tovana, tak 7 « *Les pays doivent veiller à l'éducation de ses citoyens ont primordiale et tout message passe quand on affaire à une population instruire* ».

[89] Jean François MONVAL, 1993, *Diagnostique rapide pour le développement agricole*, « *Dans un projet de développement (…) ne doit pas plus être une contrainte pour les population concernées par le progrmme* ».

Ny PNUD ihany koa dia manana ny heviny momba ny andraikitry ny Fanjakana eo amin'ny fampandrosoana. Hoy izy amin'izany:"*Telo lehibe ny anjara amin'ny filan'ny mponina eo amin'ny sampan-draharaham-panjakana, ny faharoa dia manara-maso ny asa vitan'ny vondrona mahaleotena na tetikasa tsy miankina; ny fahatelo dia ny famoronany sampan-draharaha indrindra ny fiasana fototra ilaina eo amin'ny fiarahamonina"* [90]

### III.3.2-Ny fiaraha-miasan'ny PSDR amin'ny tetikasa hafa

Ny tetikasa fampandrosoana rehetra dia samy mitondra ny anjara birikiny amin'ny fampandrosoana avokoa. Samy manana ny fomba entiny manatanteraka izany izy ireo. Ho an'ny PSDR, ohatra, dia ny fanatonana ireo mponina eny amin'ny tontolo ambanivohitra tamin'ny alalan'ny fampitaovana azy ireo no nataony ary hanafaka azy ireo amin'ny fahantrana. Heverina fa ireo tetikasa fampandrosoana rehetra izay miorina eny amin'ny tontolo ambanivohitra dia samy mikendry ny hanala ireo mponina amin'ny fahantrana avokoa. Manoloana izany dia tsara raha misy ny fiaraha-miasa eo amin'ireo samy tetikasa mba hisian'ny fahombiazana tanteraka. Samy manana ny talentany amin'ny fampandrosoana entiny mantsy izy ireo ka afaka mifameno tsara, hoy I Fety Michel: "*Mifanatona sy mifanaraka ny mpanatalenta sy ny fahaizana ary ny mpanana andraikitra samihafa mba hampifandrindra ny fiaraha-miasa sy hifameno ny talenta samihafa ananany amin'izay rehetra ataony"*[91]

Anisan'ny tetikasa afaka miara-miasa amin'ny PSDR, ohatra, ny ANAE amin'ny fiarovana ny tontolo iainana, ny SEPCM*: afaka mamatsy zezika ho an'ireo tantsaha.
Eo amin'ny lafiny filaminana sy fandriampahalemana, ampitomboana arakaraka ny fahalehibeazan'ny kaominina ny zandary, tsy mahasahana ny korontana miseho mantsy izy ireo, noho ny maha faritra mena ny kaominina. Araka ny hevitray, ny fananana filaminana dia mitory fahalalahana sy fahafahana ho an'ny tsirairay ka hampivelatra azy, hanafaka azy amin'ny fatorana samihafa mety hisakana ny fivoarana

---

[90] PNUD, 2000, *Rapport National sur le développement Humain, Madagascar 2000*, « *Le rôle de la gouvernance et de décentralisation dans la réduction de la pauvrreté* », tak 55
[91] Fety Michel, boky efa voatanisa.
* SEPCM :Société d'Engrais et de produits Chimique de Madagascar.

**Fehiny :**

Ny fananganana ny fikambanan'ny tantsaha dia mitaky fametrahana dieny any am-piandohana ny elanelam-panahy mitsinjo fahafaha-manaon'ny tsirairay ary ny tombotsoa iombonan'ny be sy ny maro. Tsy ilaozan'ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny samy mpikambana, ilaina ny fifandresen-dahatra rehefa misy fivoriana fandraisana fanampahan-kevitra raha toa manana fomba fijery, hevitra hafa mba tsy ho mpanara-drian-drano be fahatany. Mitaky fananana finiavana hanatrika fivoriana izany. Mba hahafahana mandray ny fampandrosoana amin'ny toetra amam-pihetsiky ny tantsaha, ny mponina, ny toe-javatra iainany'ny fiarahamonina, ny mpanao asa fampandrosoana dia tokony hiaingana hatrany amin'ny fandinihana antsipiriany ilay fiarahamonina. Samy tompona andraikitra amin'ny fitarihana ny tantsaha hahatakatra ny fampandrosoana na ny mpamatsy na ny mpandray vokatra ka tsy tokony haneho fihetsika mitarika fahalainana amin'ny fampiharana.

## FEHIN’NY FIZARANA FAHATELO

Ny fiantraikan’ny tetikasa iray no itarafana ny fahombiazana na tsy fahombiazan’izy ireny. Ho an’ny PSDR niara-niasa tamin’ny fikambanan’ny tantsaha tao amin’ny kaominina Ambohijanahary dia nahitana fa niteraka vokatra tsara ho an’ireo mpikambana ny fisiany amin’ny ankapobeny, na dia nisy aza ireo tsy fahombiazana sasantsasany.

Nisy ny olana teo amin’ny fanatanterahana ny tetikasa, tsy avy tamin’ireo mpikambana ihany izany, fa nisy koa avy tamin’ireo mpitondra asa fampandrosoana. Ny tsy fahampian’ny fahalalana sy ny fahambanian’ny fari-piainan’ny mponina no nahatonga izany. Ankoatra ny fandrindrana ny asa tao amin’ny mpitao raharaha mpanatanteraka ny tetikasa sy ny endri-pifandraisana izay nahitana lesoka.

Mba hamahana ireo karazana olana ireo dia nisy ny soso-kevitra naroso mba hanatsaranany fomba fiasa raha hanatanteraka tetikasam-pampandrosoana. Ao ny fanomanana mialoha hijerena amin’ny antsipiriany ny zava-misy marina ao anatin’ilay fiarahamonina. Tsara ihany koa ny fanamboarana lamina asa entina miatrika ilay asa fampandrosoana.

# TENY FAMARANANA

**TENY FAMARANANA**

Ny antrôpôlôjia sy ny fampandrosoana no nanompanana ny asa fikarohana. Nandinihana "*Ny fiaraha-miasan'ny PSDR (Projet de Soutien au Developpement Rural) sy ny fikambanan'ny tantsaha tao amin'ny kaominina ambanivohitra Ambohijanahary, Disitirika Amparafaravola, faritra Alaotra –Mangoro, faritany Toamasina*". Nitrandrahana ny fihetsika sy ny paikadin'ny fiarahamonina ary ny tantsaha manoloana ny tetikasa, ny zava-mitranga mandritra ny asa, ny vokatry ny fampandrosoana natao.

Niainga tamin'ny famantarana ny faritra ny fandinihina. Nijerena ireo lafin-javatra samihafa mifamatotra amin'ny fomba fiainan'ny mponina.

Ny kaominina Ambohijanahary dia amin'ny ilany avaratry ny Disitirikan'Amparafaravola. Ao amin'ny faritra Alaotra-Mangoro, faritany Toamasina. Mampifandray ny kaominina amin'ireo faritra hafa, manampy amin'ireo fampidirana ireo tetikasa na ara toe-karena izany, na sôsialy ary koa ireo fironan-kevitra pôlitika na ara-pinoana ny lalam-pirenena RN3A;

Midadasika ny kaominina Ambohijanahary. Mifanalavitra ny elanelana misy ireo fokontany sasany amin'ny hafa. Mibahan-toerana ny vohon-tany, ny lemaka. Toe-tany ahitana fizaran-taona manorana sady mafana ary main-tany sy mangatsiaka, mitsinjara ho fahavaratra sy fararano, ririnina sy lohataona ny kaominina Ambohijanahary. Tahaka ireo faritra ambanivohitra maro manerana ny Nosy, miaina ao anaty fahasahiranana ny ankamaroan'ny mponina indrindra amin'ny fotoanan'ny maitso ahitra. Nahazo vahana kosa ny asa fiharin-karena, mahabe ny fidiram-bola manomboka eo amin'ny fotoam-piakaram-bokatra. Manamarika ny fotoanan'ny main-tany ny fanatanterahana ireo lanonana isan-karazany.

Ifandrimbonan'ny Fanjakana sy ny tsy miankina ny fisahanana ny fiainan'ny mponina eo amin'ny fanabeazana. Mahasarika ny mponina ny fanabeazana an-tsekoly, saingy, mihena arakaraka ny iakarana ambaratonga ny isan'ny mpianatra. Sekoly fanabeazana fototra sy ambaratonga faharoa fototra no misy ao an-toerana. Ny laharam-pahamehan'ny ray aman-dreny maro dia ny fahaizan'ny ankizy mamaky teny sy manoratra ary manao kajy. Ireo aretina atahorana hitarika fahafatesana, amin'ny

ankapobeny no anatonan'ny olona toeram-pitsaboana. Miorina eo amin'ny Kaominina ny tobim-paritry ny zandarimariam-pirenena, saingy tsy mahasahana ny fahalebiazan'ny kaominina ny hamaroan'ireo zandary misy.

Asa fivelomana fototra telo no misongadina ao amin'ny kaominina. Lohalaharana ny fambolena arahin'ny varotra ary ny asam-panjakana sy ny asa any amin'ireo sampandraharaha tsy miankina. Mba hanatevenana ny fidiram-bola ary indrindra hoenti-manohitra ny fahantrana, misy hatrany ny fanaovana asa fivelomana fanampiny, ny asa tanana…Tetikasa isan-karazany no efa nandalo tao an-toerana. Nisandrahaka tamin'ny lafiny toe-karena, sôsialy, ny tontolo iainana.

Na teo aza ireo tetikasa isan-karazany ireo, mbola maro ireo olana atrehin'ny kaominina: tsy mahasahana ny filan'ny tantsaha mandritra ny taona ny vokatra miakatra, na eo amin'ny lafiny sakafo, na eo amin'ny fidiram-bola. Mitarika fahasahiranana ho an'ny mponina eo amin'ny fanenjehana asa samihafa, mametra ny renivola azo ampiasaina ary ny fahafahan'ny ankizy mandranto fahaizana izany. Ny fidadasiky ny kaominina, ny fahasarotan'ny lalana any amin'ireo fokontany sasany dia tsy mampitovy ny tombontsoa azon'ny mponina manoloana ireo asa fampandrosoana miditra sy ireo foto-drafitra asa mijoro. Tsy ahafahan'ny mponina manoatra ny toe-javatra iainana; manoloana ny fahantrana, voafetra ireo asa amam-pihetsika azo tanterahina. Eo ihany koa ny toe-javatra iombonan'ny kaominina amin'ny faritra maro toy ny tsy fahampian'ny mpampianatra eo amin'ny fanabeazana, ny tsy fahampian'ny lalam-barotra eo amin'ny vokatry ny tantsaha.

Tetikasam-panjakana ny PSDR. Misahana ny fampiroboroboana ny famokarana eny ambanivohitra izy. Ny fiakaran'ny fari-piainan'ny tantsaha no kendreny, amin'ny ankapobeny amin'ny alalan'ny fampitaovana ireo tantsaha miara-miasa aminy. Manana fepetra napetraka ny PSDR na teo amin'ny tetikasa na teo amin'ireao fikambanana nahazo famatsiana. Isan'izany ny fivondronana anaty fikambanana, ny fanaovana tahiry mba hoenti-manohy ny tetikasa; ny latsakemboka hoenti-mampandroso ny fikambanana.

Fomba fiasan'ny PSDR ny fiaingana amin'ny tantsaha ifotony, hamaritana ireo fandaharana asa tanterahaina. Mandalo fandinihan'ireo mpitao raharaha sy ny tekinisianina isan-karazany miara-miasa amin'ny PSDR izany na tsia. Fandaharana

voafaritry ny asa ataon'ny PSDR no notontosaina: ny fanapariahana haitao, ny fampianarana ny mponina amin'ny fanaovana tahiry.Tahaka ny fahita any amin'ny faritra maro, miako amin'ny faritra anatanterahana azy ny tetikasa.

Niompana tamin'ny "fampandraisana anjara " ny tantsaha tao amin'ny kaominina Ambohijanahary ny tetikasa . Lalan-tsaina nahazo vahana tamin'ireo tetikasa maro ankehitriny izany. Sarotra ihany anefa ny fanatanterahana izany raha ny zava-misy any an-toerana no jerena. Ny toe-javatra iainan'ny mponina, ny toetra sy ny fahazaran'ny tantsaha,… dia tsy ahafahany mandray anjara feno amin'ny tetikasa.

Tsy mitovy ny fahafaha manao eo amin'ny tantsaha, tsy mitovy, araka izany, ny tombontsoa azon'ny tsirairay, ireo mponina akaiky sy ny avy lavitra. Nandiso ny vinavina, tsy nahatrarana ny tanjona napetraka ny fanovan'ireo mpikambana ny torohay nomena. Ny toe-javatra misy dia maneho fa tsy voatery hitovy ny fomba enti-mametraka tetikasa amina faritra samihafa. Miovaova manaraka ny rafi-piarahamonina misy, ilaina ny mamantatra mialoha sy amin'ny antsipiriany ny fiarahamonina hitondrana asa fampandrosoana.

Izao asa izao no tontosa dia tao ny fironana tamin'ny zana-taranja, teo ihany koa ny fahalalana ny toerana nanaovana ny fikarohana, indrindra ny fahalianana manoloana ny fiatrehan'ny fiarahamonina ambanivohitra ny asa fampandrosoana.

Nifototra tamin'ny haitsikera: "approche des multirationalités" ny asa fikarohana nahafahana-nitrandraka ny fandraisana anjaran'ny tantsaha manoloana ny tetikasa, ny tombontsoa azony, ary ny fahafaha-miatrika izany.

Eto am-paranana, mbola maro ny fikarohana azo atao amin'ny fiaraha-miasan'ny PSDR amin'ireo fikambanana tantsaha ao amin'ny kaominina Ambohijanahary. Atsidikay etoana ny hoe "tetikasa fampandrosoana mikatsaka ny fahaleovantenan'ny tantsaha samy irery".

**RESUME**

La présente étude : anthropologie et développement est focalisée sur le thème ***:*** ***« Le PSDR (Projet de Soutien au développement Rural) et la coopération aux groupements paysans dans la Commune Rurale d'Ambohijanahary, District d'Amparafaravola, Région Alaotra Mangoro, Province Autonome de Tamatave ».***

Nous avons essayé de montrer ici la participation paysanne de notre localité face au projet du développement, comment les gens comprennent-ils le-dit système, quels en sont les résultats ?

Le déroulement de nos enquêtes et investigations débute par la localisation du site, objet de notre étude pour voir d'après le mode de vie de la population.

La commune rurale d'Ambohijanahary se trouve dans la partie nord du District d'Amparafaravola, Région Alaotra –Mangoro, Province Autonome de Tamatave. Le site en question est relié aux autres localités par la route nationale RN3A.

La localité est très vaste. Elle est formée par de chaînes de colline. Faisant partie de la dépression de l'Alaotra, Ambohijanahary jouit d'un climat tropical humide.

Comme mode de vie, la population locale s'occupe d'agriculture et de l'élevage. Durant la période de soudure, les ménages ruraux rencontrent des difficultés. La production ne parvient pas à couvrir les besoins alimentaires. Pour étoffer et améliorer le secteur d'activité et lutter contre la pauvreté. La population s'occupe des activités manuelles. Par contre, durant la saison de moisson à partir du mois de mai, différente manifestation et faits sociaux de tous genres se produisent.

En matière d'éducation, le secteur public et celui du privé collaborent. En général, la population s'intéresse à l'éducation de leur progéniture. Cependant, la déperdition scolaire se fait ressentir à mesure que les élèves montent en classes supérieures. En définitif, savoir lire et écrire seulement les intéresse.

En matière de santé, la population ne rejoint le centre de santé de base qu'en cas des graves maladies.

Vue l'immensité de la commune, les gendarmes mis en place n'arrivent pas à gérer la sécurité locale. Plusieurs projets de développement sont passés dans la présence

et l'effectivité de ces divers projets. La commune rural résorbe plusieurs problèmes tant économiques que social.

Le manque de route dans certaines localités comme dans la partie de zone des collines freine le développement économique. L'insécurité, le manque d'enseignants dans le domaine éducatif, la pénurie de débouché commercial sur la production locale limitent les activités productives des paysans.

Le PSDR est un projet national qui émane des hautes instances, en l'occurrence de la primature. Il a pour objectif d'améliorer le mode de vie paysanne. Deux critères fondamentaux sont exigés par le dit projet.

Le PSDR démarre ses activités en tenant compte des réalités locales. A cet effet, tous les plans d'exécution passent au contrôle des divers responsables techniques. Ces activités ont été focalisées sur les paysans de la Commune Rurale d'Ambohijanahary.

Seule l'approche participative a été l'unique voie profitable pour l'amélioration de la vie paysanne. Cependant, certaine réalités locales semblent freiner le développement de l'activité du PSDR : bas niveau d'éducation à cause de la déperdition scolaire, conséquence d'une certaine mentalité traditionnelle qui va à l'encontre du développement. Seules les personnes ayant reçue un niveau éducationnel supérieur s'en sortent. C'est ainsi qu'ont été focalisées toutes les estimations du projet.

En résumé, tout projet de développement devrait procéder des activités observation du milieu local compte tenu des réalités y afférentes.

Ce thème a été réalisé grâce à l'application des investigations anthropologiques, économique de la localité de la commune rurale d'Ambohijanahary. Connaître minutieusement la vie de notre localité m'a poussé à approfondir la présente étude de recherche basée sur « la technique d'approche des multi rationalités ».

En guise de synthèse, le PSDR offre encore plusieurs branches et domaine exploitables en matière de recherche surtout dans la commune Rurale d'Ambohijanahary. Nous réitérons ici le concept du projet de développement pour libérer le paysan.

# TAHIRIN-KEVITRA

## I.TAHIRIN-KEVITRA MIKASIKA NY ANTRÔPÔLÔJIA


- BEATTIE(J). 1972. ***Introduction à l'anthropologie sociale***. Payot. Paris . 31.Tak.
- BENOLO François. 2001**. *Sambatra aho fa kristianina*** . Antananarivo. Edisiona Md Paoly.89 tak
- OLIVIER DE SARDAN (P). 1995**. *Anthropologie et Développement*. *Essai en Socio-anthropologie du changement social***. Marseille Paris : APAD-KARTHALA. 221tak
- PRITCHARD( E).1969**.*Anthropologie sociale*** . Payot. Paris . 174tak.
- RIVIERE( C). 1995. ***Introduction à l'anthropologie*** . Paris : Hachette. 158tak.


## II.NY TAHIRIN-KEVITRA MIKASIKA NY FAMPANDROSOANA

### II.1-Boky


- ANDRIAMAHATODY Nivo. 2001. ***Ny joro orana sy ny fijerin'ny tontolo ao Ambohijanahary***. Mémoire du CAPEN. Ecole normale Superieure. Antananarivo.
- ANDRIAMBELOMIADANA (R) . 1994. ***Deux Mondes en Présence. Aspect culturel du développement*** . Antananarivo. TPL Imarivolanitra 112tak
- AUSTRUY ( J) .1968. ***Les scandales du développement***. Paris Vc : Edition Marcel Rivière et compagnie. 559tak.
- CERNEA( M) .1998. ***La dimension humaine dans les projets de développement .Les variables sociologiques et culturelles***. Paris : KARTHALA.586tak.
- CHANDON MOET B. 1972. *Vohimasina un village malgache*. Paris : Editions Latines.
- DECOUDRAS (PM) .1997**. *A la recherche des logiques paysannes***. Paris : Edition KARTHALA. 146tak.
- DIRECTION DE LA VULGARISATION AGRICOLE. ***Paikady momba ny fanampariahana haitao ara-pambolena eto Madagasikara*** . Antananarivo: Projet d'appui sur le programme de la vulgarisation. 2002. 26tak.
- DROY Isabelle. 1978. ***Hommes et paysages du riz à Madagascar*** . Imprimérie de la FTM

-MOVAL (JFM) ;.1994***.Diagnostique rapide pour le developpement agricole.*** Paris :GRET. 128tak

-RAHARIJAONA Albert.1994.***Approche anthropologique du développement en pays Zafimaniry*** .Mémoire de CAPEN Ecole Normale Supérieure .Antananarivo .118 tak

-RAKOTOSON (P) . 23- 30 Novembre 118tak .***Jery sava ifandrombonana***. Ambatolampy : Projet Germano-Malgache de Développement Forestier Intégré dans la Région de Vakinanaratra

- RAZAFIANTOANINA. 1996. ***Ny tetikasa fampandrosoana FIKRIFAMA miatrika ny fiarahamonina eny ambanivohitra*** . Mémoire CAPEN . Ecole Normale Supérieure. antananarivo. 108tak.

RIAKA. 1995***. Le développement de A à Z*** . Dictionnaire critique.SME. Antananarivo . 189tak.-

***II. Bokin'ny fampandrosoana eto Madagasikara manokana avoakan'ny Fanjakana Malagasy sy ny Fiaraha-miasa amin'ny any ivelany***

-Banque Mondiale. 1996. ***Madagasikara Evaluation de la pauvreté*** .Tome 1.70tak .

- Février 1997 .***Note sur les points clés de développement .***
- 2003.***Ensemble réduire la Pauvreté.***

-DSRP.2003 ***.Tahirin-kevitra paikady ho fampihenana ny fahantrana*** .TPTT 145tak.

-INSTAT.Novembre 2002 .***Enquête auprès de ménages*** **2001**.163tak.

-MINAGRI. 4-14 Octobre 1994.***Participation et développement .*** 60tak.

-Organisation Africaine et Malgaches ,colloque 1963 .***Fampidirana ny vehivavy Afrikana sy Malagasy eo amin'ny fampandrosoana ny taniny .*** Antananarivo :Industrie graphique tananarivienne.198tak

-PNUD/OPSMAG.1991.***Région et Développement*** .Programmes Régionaux et Projets locaux ,Faritany Toamasina.314tak.

-PSDR.2003.***Manuel d'Exécution de Projet***.TomeI.40tak.

## III.TAHIRIN-KEVITRA MIFANDRAIKA AMIN'NY FIKAROHANA.

### III.1.Boky


-FETY (M). 1975. ***Nahoana no avondrona ho fokonolona isika ?*** Antananarivo: Edisiona Salohy. TPL. 78tak.

-RAFIDIMANANA (A). 1993***. Le mpanazary de l' Antsihanaka du XVIIème siècle***. Maîtrise de l'Histoire. Antananarivo.

-RANJIVASON (J.T). 1984. ***Morpho-Syntaxe du Malgache étude des formes prédicatives verbales Sihanaka.*** Thèse pour le Doctorat du Troisième Cycle de linguistique. Antana-narivo. Paris .

-REMUZAT (C). 1989***. La racine de l'Antsihanaka des Bakozetra aux Tetivohitra***. 1èr volume.

-RAJEMISA RAOLISON (R). 1985***. Ny rakibolana malagasy***. Fianarantsoa. Edisiona Ambozontany. 1060tak.

-VALETTE (J). 1930. ***Agriculture Malagasy na taro-hevitra ho an'ny Olona ambanivohitra eto Madagasikara.*** Imprimerie de la mission Norvegienne.137tak.


### III.2. Revio sy gazety


-ANDRIANARISON et Noël GUENNIER. Juillet 1998. ***Omaly sy Anio.*** Université de Madagascar. Revue d'Etude Historique.N°28.

-« Anjara masoandro ». Juillet-Décembre 1998. Bulletin Semestriel, Bilingue-. supplément.N°8

-***BAM.*** « De la participation chez le Malgache ».Nouvelle série. Tome XXXIV.

-Les cahiers ROR Madagascar. Jolay 2001. n°02.

-RABEVOHITRA (H), BRAND (J). 1993. ***TERROIRES ET RESOURCES***. Projet Terre-Tany. Vol n°01. 71tak.

-RAHARINJANAHARY (L). 1994-1995. ***Témoins et ressources***. Revue n°02. Projet Terre-Tany (1994-1995). Volume 1.Edition FOFIFA .74tak.

-1996-1997. Revue n°03. Projet Terre-Tany/BEMA GUIB-FOFIFA. 77tak.

# TOVANA

**Andraikitry ny rafitra isan-tokony :**

**Ny Mpikambana :**

Ireo olona tsirairay ao anatin'ny fikambanana, ary ireto avy ny andraikiny :

- Manatrika fivoriana,
- Mifidy ireo olona hiandraikitra ny fikambanana,
- Mandany ny fanapahan-kevitra rehetra ao amin'ny fivoriambe,
- Manantanteraka ny asa iombonana,
- Mandoa ireo anjara volany amin'ny fampandehanana ny fikambanana,

**Ny Fivoriambe :**

Izy no rafitra mpanapa-kevitra :

- Manangana ny fikambanana,
- Mifidy ny mambran'ny birao mpanantanteraka sy manala azy,
- Mandany ny sata ankapobehany, mifehy ny fikambanana na fitsipi-pitondrana, ny fitsipika anaty, ny Dina raha manana izany ny fikambanana ary manova azy ireo.
- Mandany ny kaonty vonjimaika na ny teti-bolan'ny fikambanana : fomba fampidiram-bola, fandaniam-bola, fitakiam-bola ...
- Mandany ny tetik'asa, ny praograman'asa isan-taona,
- Mankato ny tatitra mikasika ny asa vitan'ny fikambanana sy ny nampiasana ny vola tao anatin'ny taona iray.
- Mandray fepetra ho an'ireo mpikambana tsy nahavita ny adidiny.

Misy telo (03) ny fivoriambe :

a. Ny fivoriambem-pananganana voalohany hatrehin'ny Filohan'ny Fokontany :

- Handaniana ny fitsipim-pitondrana, ny fitsipika anaty, ny dina,
- Hifidianana ny mabran'ny birao,
- Hifidianana ny mpanara-maso ny kaonty sy ny volan'ny fikambanana. Ny fifidianana dia atao amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina.

b. Ny fivoriambe ara-potoana izay voafetra ao anatin'ny fitsipi-pitondrana ny fotoana hanatanterahana azy :

- Ny fivoriambe ara-potoana voalohany : fankatoavana ny tetik'asa, ny programan'asa sy ny teti-bola mandritra ny taona,
- Ny fivoriambe ara-potoana faharoa : fanaovana tatitra ny asa vita sy ny tatitra ara-bola ary famaranana ny taom-piasan'ny fikambanana ary koa fanaovana ny tomban'ezaka.

d. Ny fivoriambe tsy ara-potoana izay atao arak'izay ilaina azy :

- Raha misy antony lehibe maika,

- Azo tanterahina raha toa ka antsoin'ny Filoha na hangatahin'ny androtokony na antsasamanilan'ny mpikambana.
- Tsy azo atao ny fivoriambe raha tsy mahafeno ny isa ilaina ny olona tonga (1/2 + 1 na 2/3). Raha tsy izany dia averina amin'ny andro hafa ny fivoriana ka izay tonga no manapaka.

**Ny Birao Mpana/tanteraka :**

Izy no rafitra mpanantanteraka, tompon'andraikitra amin'ny :

- Fampandehanan-draharaha ny fikambanana,
- Fanentanana ny mpikambana,
- Fanantanterahana ny fanapaha-kevitra noraisina tamin'ny fivoriambe,
- Famolavolana ny tetik'asa sy ny praograman'asa ary ny fanantanterahana izany,
- Fanazavana eo amin'ny fivoriambe ny tatitra ny asa sy ny ara-bola mandritra ny taona,
- Fikarohana lalam-bola,
- Fitakiana ny vola tokony hiditra amin'ny fikambanana,
- Fandraisana fanampiana samihafa,
- Fifandraisana amin'ny sampan-draharaha samihafa : fanjakana, orin'asa, ONG ...
- Fitahirizana ny vola sy ny fananam-pikambanana,
- Fampiharana ny didy aman-dalana sy ny Dina.

Ireo mambra birao sy ny andraikiny avy :

1.Ny Filoha :

Tompon'andraikitra voalohany ny fikambanana,

Miantso sy mitarika ny fivoriana (fivoriambe na birao),

Misolo tena amin'ny andraikitra ivelany : ara-panjakana, fitsarana, mpamatsy vola, ONG, banky, mpandraharaha ara-toekarena, ireo teknisianina rehetra miara-miasa,

Manome fahefana filoha lefitra raha toa ka misy ilaina izany na tsy fahafahany, manao famindram-pahefana raha miala,

Manome baiko ny fandoavam-bola, manao sonia ny seky miaraka amin'ny mpitam-bola (sy ny mpitantsoratra)

2. Ny Filoha Lefitra :

Misolo tena ny filoha rehefa tsy eo na misy tsy fahafahany ...

Mahafantatra ny antotan-taratasy mikasika ny fikambanana,

Manampy ny filoha amin'ny fanatanterahany ny asany,

3. Ny Mpitahiry vola

Mitahiry ny volan'ny fikambanana ary andraikiny no mikajy sy mitana ny antonta-taratasy rehetra momba izany ary mitana ny bokim-bola sy ireo fitanana an-tsoratra ny vola,

Mandoa ara-potoana ny vola voamarina fa azo haloa sy mandrotsaka ny vola any amin'ny banky,

Miara-manao sonia ny seky amin'ny filoha,

Mitahiry ny fananan'ny fikamabanana,

Adidiny ny manome fanazavana ampy sy mangarahara momba ny fampiasana ny vola rehetra na amin'ny mpikambana (fivoriambe) na birao na amin'ny mpanara-maso ny vola na amin'ny teknisianina.

4. Ny Mpitantsoratra

Mitahiry ny taratasy rehetra mikasika ny fikambanana : fitsipi-pitondrana, récépissé …

Mitahiry sy manao ny taratasy rehetra momba ny fifandraisana anatiny sy ivelany : taratasy tonga, halefa …

Mitana ny lisitry ny mpikambanana sy ny tsiambaratelon'ny fikambanana

Manampy ny filoha amin'ny fanomanana ny fivoriana na asa iombonana,

Manao ny fiantsoana izay soniavin'ny filoha : fivoriana …

5. Ny Mpanolontsaina :

Manoro hevitra ny birao amin'ny fampandehanana ny fikambanana,

Mifampita vaovao amin'ny birao sy ny mpikambana / Manampy amin'ny famahana olana.

6. Ny Mpanara-maso :

Izy no rafitra mpanara-maso, olona nomena fitokiana manokana. (Mba hisian'ny mangarahara dia asiana mpanara-maso ny fitazonana ny kaontim-bola, ny vola, ny fananan'ny fikambanana sy ho fampandehanana ny asa ataon'ny tsirairay avy ho fampisondrotana ny fari-piainana ary fiarovana ny tontolo iainana.


Andraikiny :

- ny manara-maso ny kaontim-bola, ny toe-bola isam-bolana sy amin'izay fotoana izay heveriny tokony haovana izany.
- Manao tatitra an-tsoratra ny vokatry ny fanamarinana izay nataony amin'ny filoha sy ny voamieran'ny vola.
- Manao fanamarinana ny fitaovan'ny fikambanana.


7. Ny Mpitahiry fitaovana :

Ao anatin'ny rafitra fanampiny ; andraikiny ny :

- Mitahiry ny fitaovan'ny fikambanana : fitaovam-pamokarana, fanafody, simenitra, gony, vokatra …
- Mitana ny lisitr'ireo entana ireo ary mitantana ny fampiasana azy mba tsy hisian'ny fahaverezana na simba na fampiasana tsy amin'ny antony,
- Mitana ny boky mirakitra ny mivoaka sy miditra rehetra.



Processus PADR
Schéma organisationnel PSDR
CIOV
EPR
PADR
Autres Bailleurs de fonds
PRDR
GTDR
UT
PDC
PDC
Communes
PDV
PDV
Villages Communautés
Diagnostic participatif
Tutelle MINAGRI
CPP
UNEP
UPEP
U.T
Niveau National
Niveaux Provincial et Régional
Financement
Niveau Local
Demandes
= Appui formulation demandes
Travaux, vulgarisation, formation, ...
=Unité Technique

**Kisary 3 : Rafi-pitantanana eo amin'ny UPEP**




**Loharan'ny kisary 2-3: PSDR Anosimasina Itaosy May 2006**

## ORGANIGRAMME DE L'UNEP



**Anarana** : RAHELIMANANA
**Fanampiny** :Andrianaivo Tahina Zosambatra
**Adiresy** :Morarano Ambohijanahary, Amparafaravola (504)
**Tél** :032 41 941 71

**Lohateny**:

**NY FIARAHA-MIASAN'NY PSDR SY NY FIKAMBANAN'NY TANTSAHA TAO AMIN'NY KAOMININA AMBANIVOHTRA AMBOHIJANAHARY DISITIRIKA AMPARAFARAVOLA FARITRA ALAOTRA MANGORO**

**Isan'ny takila: ......105**
**Sary: ........ 02**
**Sari-tany: ....... 04**
**Fafana: .......13**

**FAMINTINANA**

Ity asa fikarohana ity dia maneho ny toe-java-misy eo amin'ny fifandraisan'ny tantsaha tao amin'ny kaominina Ambohijanahary sy ny PSDR.

Niompanana indrindra teo amin'ny fampandrosoana ny fambolena ary ny asa tanana. Mitsinjara telo lehibe ny asa. Ao amin'ny fizarana voalohany no ahalalana ny kaominina Ambohijanahary sy ny mponina ao aminy, ny toe-kareny sy ireo tetikasa efa nandalo ary ny olana natrehiny. Ny fizarana faharoa no ilazalazana ny mikasika ny PSDR ny fikambanana nanaovana fanadihadiana, ary ireo fandaharana asa natao. Ny fizarana fahatelo kosa noanehoana ny vokatry ny fiaraha-miasa, ny olana teo amin'ny tetikasa ary ireo soso-kevitra ho fanatsarana ny fomba fiasa hoenti-manohy ny tetikasa.

**Teny fototra**: Fiarahamonina, antrôpôlôjia, fampandrosoana, fandrosoana, fahantrana, fandaharana asa, fambolena, zaitra, tefy, fampandraisana anjara